# MBOLA MISY FANANTENANA VE?



Pasteur RATSARASAOTRA Paul

# SEMINERA
# MOMBA NY BAIBOLY

Narafitry ny Pasitora Ratsara Saotra Paul

# TARATASIM-PITIAVANA HO ANAO



**LESONA 01**

## MOA MBOLA MISY FANANTENANA VE HO AN'ITY TARANAKA ITY?

Taona maro lasa izay, tamin'ny Ady Lehibe Faharoa, dia nisy sambo mpiady iray nisosa tamim-pitandremana nanatona ny faritra misy ny fahavalo. Tampotampoka teo, nipoaka ny tafondro ary indro fa namely ny vataben'ity sambo mpiady. Izao no feo mafy re avy tamin'ny fanamafisam-peo, ny Kapiteny no mibaiko: "Voatifitra ny sambo, aoka horaisina avy hatrany ny fepetra rehetra amin'ny vonjitaitra". Na izany asa anefa dia efa diso aoriana loatra. Nibosesika tao anaty sambo ny ranomasina ary indro fa nilentika tsimoramora tany amin'ny Ialina. Nitohy tamin'izay ny tolona tamin'ny fahafatesana: niezaka nilomano ny sasany, nisangazotra tamin'izay tapa-kazo nitsinkafona sendra azy ny sasany. Tsy ela taorian'izay, tonga ny mpamonjy voina. Tsy nihambahamba ireo olona efa za-draharaha mpanao an-tsitrika any ambany any niezaka nanavotra izay azo navotana. Ny sasany efa maty, ny sasany kosa mbola velona. Notohizana hatrany ny famonjena. Tsitapitapitrizay, injao toa nisy fandondonana natao hitarihana saina tany amin'ny efitra anatin'ny sambo tany. Nohenoina, nohenoina. Toa misy heviny. Hafatra amin'ny Morse (Teny famantarana fampiasan'ny Scout sy ireo mpikambana tanora maro ary koa miaramila, sns ...). Olona iray voahidy any ambany amin'ny Ialina any. Nanongilan-tsofina ireo mpamonjy aina.

Farany, azo ny tian'ilay mila vonjy ambara. Fanontaniana: "MISY FANANTENANA VE"?

"Fanantenana" - izany no hetahetan'ny taranak'olombelona mijaly, reraky ny onjam-piainana. Mbola misy fanantenana ve ho an'ity taranaka ity?

## NAMPANANTENA I JESOSY FA HO AVY INDRAY

**1. Inona no teny fampanantenana azo antoka nataon'i kristy momba ny fiverenany? Jao. 14 : 1 -3.**

Valiny: "Aza malahelo ny fonareo, minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho, fa handeha hamboatra fitoerana ho an aree Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ________________ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."

**2. Inona no tokony handraisantsika izany fiavian'i Kristy fanindroany izany? Tit. 2 : 13**

Valiny: "Miandry ny______sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika dia Jesosy Kristy".

**3. Ahoana, hoy i Paoly, tamin'ireo Kolosiana ny momba ny fíavian'i Kristy indrav? Kol 3 : 4**

Valiny: "Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia ______________________________ _____koa amin'ny voninahitra ianareo".

## NY FOMBA HIVERENANY

**4. Ho tahaka ny inona moa no anoharan'i Jesosy ny voninahitry ny fíaviany? Mat. 24 : 27.**

Valiny: "Fa tahaka ________________________________________________ dia ho tahaka izany ny fiavian'ny Zanak'olona".

**5. Firy no ho afaka hahita ny fiverenan'i Kristy? Apok. 1 : 7**

**Valiny:** "Indro Izy avy amin'ny rahona; ary______________________hahita Azy".

**6. Ahoana hoy ireo anjely nirahina tamin'nv mpianatra? Asa I1: 11b**

Valiny: "Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy__________________________________Azy niakatra ho any an-danitra".

**Naoty:** Mazava araka ireo fanambarana ireo fa ho avy amim-boninahitra i Jesosy Kristy fa tsy miafinafina tsy akory. Fiaviana ara-bakiteny ihany koa izany fa tsy ara-panahy. Harahin'ny anjeliny rehetra Izy. (Mat. 25 : 31)

## NY ANTONY HIVERENANY

**7. Inona no antony hiverenan'i Jesosy? Mat. 16 : 27**

**Valiny:** "Fa ho avy ny Zanak'olona amin'ny voninahitry ny Rainy. mbamin'ny anjeliny, dia __________________________________________araka ny nataony".

**8. Hanao ahoana ireo "maty ao amin'i Kristy" amin'izay fotoana izay? 1 Tes. 4 : 16**

Valiny: "Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra ka izay maty ao amin'i Kristy no ___________________aloha".

**Naoty:** Ireo olona nanolotra ny fiainany manontolo ho an'i Kristy ka nopaohin'ny fahafatesana teo am-panompoana Azy no antsoina hoe: "maty ao amin'i Kristy".

**9. Hanao ahoana ireo marina velona amin'io fotoana io? 1 Tes. 4 : 17**

**Valiny:** "Ary rehefa afaka izany dia isika izay velona ka mbola mitoetra no ______ _____hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo mandrakariva isika".

**Naoty:** Hatsangana ireo maty tsara fanahy ka ampitaflna ny tsy tahalovana. ovana ao anatin'ny indray mipi-maso ireo mbola tratra velona (I Kor. 15:51- 53); ireo rehetra ireo miaraka no hiakatra ka hitsena ny Tompo mbamin'ny anjeliny eny amin'ny habakabaka!

**10. Ahoana hoy ireo ratsy fanahy eo anatrehan'izany toe-javatra izany? Apok. 6 : 16.**

**Valiny:** "Ary hoy izy tamin'ny tendrombohitra sy ny vatolampy:______________ _________ amin'ny tavan'llay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry".

## NY TOKONY HATAOKO

**11. Tehirizina ho an'iza ny satroboninahitry ny fahamarinana? 2Tim.4:8**

**Valiny:** "Hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay omen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'________________________________________________koa".

**Naoty:** Ny Apostoly Paoly no miteny eto. Azontsika atao koa ny hanana flnoana tahaka azy. Ilaintsika ny ho tia ny flsehoan'i Jesosy Kristy. Moa ve mbola tamaña amin'ity tany feno toloko sy fahoriana ity isika?

**12. Inona ihany koa no tokony hataontsika? 1 Jao. 3 : 3**

**Valiny:** "Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia____ __________________mba hadio tahaka azy."

**Naoty:** Ny teny hoe "manadio ny tena" eto dia hazavain'ny tapany farany amin'io andininy io "mba hadio tahaka Azy". Rehefa mandray an'i Jesosy ho Mpamonjy antsika isika dia hoväny ho tahaka Azy. Ary izany fomba izany no mahomby indrindra amin'ny tiomanana ho amin'ny fiavian'i Jesosy. Rehefa manahaka Azy isika dia minia tsy mikasika ireo faharatsiana izay mandoto ny fiainantsika eto amirTizao tontolo izao.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO:**

Fanantenana mahafinaritra ho ahy ny fiverenan'i Kristy. Miandry Azy isan'andro aho ary miomana tsy tapaka mba ho vonona rehefa tonga tokoa Izy.

**FANONTAN1ANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Amin'ny mangingina no iavian'i Jesosy fanindroany.

☐ 2. Ny maso rehetra hahita Azy eny amin'ny rahon'ny lanitra.

☐ 3. Ho avy indray i Kristy mba hamaly ny olona araka ny nataony.

☐ 4. Ireo velona ka mbola mitoetra no hovana aloha vao hatsangana ny maty.

☐ 5. Ireo olona nanolotra ny fiainany manontolo ho an'i Kristy ka nopaohin'ny fahafatesana teo am-panompoana Azy no antsoin'ny Baiboly hoe "maty ao amin'ny Tompo".

# ANDRIAMANITRA TELO IZAY IRAY



**LESONA FAHA 02**

## TARATASIM-PITIAVANA HO ANAO

Tsy mbola nisy boky nankamamiana, nankahalaina, nohajaina toy ny Baiboly. Maro ny olona no sahy namoy ny ainy noho ny fitiavany sy ny fanarahany izay voarakitra ao anatin'io Boky io. Nanentana olona hanao asa mahatalanjona sy mendri-piderana ny Baiboly. Mandray azy ho fanamarinana ny fihetsika sy ny asany ireo mpitarika manaraka firehan-kevitra samihafa. Hafa noho ny boky rehetra ny Baiboly. Tsara ho antsika ny mahafantatra bebé kokoa ny momba azy.

## NAMBARAN'ANDRIAMANITRA

**1. Mitory sy manambara inona moa ny lanitra sy ny habakabaka? Sai. 19 : 1**

**Valiny:** "Ny lanitra mitory ny ______________________________ary ny habakabaka manambara ny______________________________________".

**2. Mampiseho inona ny fiantran'ny ray ny zanany? Sai. 103 : 13**

**Valiny:** "Tahaka ny fiantrAn'ny ray ny zanany no _______________________izay matahotra Azy".

**Naoty:** Ny zavaboary sy ny fifandraisana tsara misy eo amin'ny mpinamana, mpianakavy, ray aman-dreny sy zanaka dia samy maneho ny fikarakaran'Andriamanitra ny olombelona. Ampiasain'Andriamanitra ireny hitenenany amin'ny taranak'olombelona tsy ankanavaka. Tsy lavina ihany koa anefa fa ny masoandro manazava sy manafana no mety hahatonga main-tany mahatsiravina sy mosary, ary ny ranon'orana izay mandena ny tany dia mety ho lasa tondra-drano manapotika izay lalovany. Ny fandraisana mahafinaritra eo amin'ny samy olombelona no mety hivadika fialonana, fitsiriritana, hatezerana, fankahalana, eny fifamonoana aza. Ahoana àry no hisorohana ny fifamahofahoana aterak'izany?

**3. Iza no nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny andro sy fanao samy hafa? Heb. 1 : 1.**

Valiny: "Rehefa nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny _________ __________tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa".

**Naoty:** Mba hialana amin'ny mety tsy fahatakarana na fanolanana ny fanambaran'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny zavaboary dia nampitenenenin'ny mpaminany Andriamanitra mba hilaza ny tena toetrany.

**4. Iza no nampitenenin'Andriamanitra amin'izao andro farany izao? Heb. 1: 2**

**Valiny:** "Dia amin'izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika _____ _______________ny,
Izay voatendriny ho Mpandova ny zavatra rehetra".

**Naoty:** Tsy nianina tamin'ny fampitenenana ny mpaminany Andriamanitra fa nirahiny mihitsy i Jesosy Kristy Zanany mba hanambara mazava sy amin'ny fahafenoany ny tenany.

**NY SORATRA 1MASINA**

**5. Iza no ambaran'ny Soratra Masina rehetra? Jao. 5 : 39**

**Valiny:** "Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara____________________".

**Naoty:** Jesosy Kristy no miteny eto. Izy no ambaran'ny Baiboly iray manontolo.

**6. Iza no nanindry mandry ireo izay nanoratra ny Baiboly? 2 Pet 1 : 21.**

Valiny: "Fa tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin’ny ______________no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny ______ ________________azy".

**Naoty:** Andriamanitra mihitsy izany no nampanoratra ny Baiboly. Tsy ny sasantsasany ihany anefa fa izy manontolo mihitsy. 2 Tim. 3 : 16

**JESOSY SY NY FAHEFAN'NY SORATRA MASINA**

**7. Boky inona sy inona avy ao amin'ny Soratra Masina no nampiasain'i Kristy raha nampianatra ireo fahamarinana momba ny tenany Izy? Lio. 24 : 44**

**Valiny:** "Fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin'ny____ ________________sy ny _____________________ary ny "

**8. Inona no nolazainy fa fahamarinana? Jao. 17 : 17**

**Valiny:** "Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny___________no fahamarinana".

**Naoty:** Satria Andriamanitra mihitsy no nampanoratra ny Baiboly, dia mandefitra avokoa ny hevitra na fampianarana rehetra tsy mifanaraka amin'io Boky Masina io.

**9. Raha nalaim-panahy i Jesosy, inona no fiadiana nampiasainy? Mat 4 : 4.**

**Valiny:** "Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe: _____________________________________

**Naoty:** Nasehon'i Kristy tamin'ny fomba miharihary fa manana fahefana tanteraka ny Soratra Masina.

**ISIKA SY NY BAIBOLINTSIKA**

**10. Mba hahazoana fitahiana amin'ny fandinihana ny Tcnin’Andriamanitra, dia amin'ny fomba manao ahoana no tokony hianarantsika azy? Isa. 28: 10**

**Valiny:** "Fa didy anampy_________, didy anampy didy; fitsipika Fitsipika, fitsipika anampy fitsipika;___________ety, ary ______________ery".

**Naoty:** Mba hahazoantsika tsara izay voalazan'ny andininy na andalany iray ao amin'ny Baiboly dia tsy maintsy raisintsika izay voambara momba izany any amin'ny toerana samy hafa ao amin'ny Soratra Masina.

Tsy azo atao mihitsy ny mampiorina foto-kevitra iray miainga amin’ny andininy iray na vitsivitsy fotsiny. Ny Baiboly manontolo manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apökalipsy no tokony hatao fototra.

**11.Inona no tombotsoa azo amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra? Rom. 15:4**

Valiny: "Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho ______ _____hananantsika ny ___________________amin'ny ____________sy ny __________avy amin'ny Soratra Masina".

**12. Oharin'ny Apostoly Petera amin'ny inona moa ny teny faminaniana? 2 Pet. 1 : 19.**

**Valiny:** Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany ianareo, dia manao tsara, fa toy____________ ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany. mandra-
pahazavan'ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik'andro".

**Naoty:** Rakotry ny haizin'ny faharatsiana sy ny fahadisoan-kevitra ity izao tontolo izao ity, noho izany indrindra no ilantsika jiro hanazava ny diantsika mba tsy hiraparapa sy ho solafaka isika. Ny Tenin'Andriamanitra izany jiro manazava izany. (Sal. 119 : 105)

**13. Inona no antony tokony handinihantsika ny Tenin' Andriamanitra? 2 Tim. 3 : 16, 17.**

**Valiny:** "Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho _____________ho____________ho____________amin'ny________ _____mba ho________ny
olon'Andriamanitra, ho__________tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.

**14. Inona no vitan'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny Tiainantsika? Jao. 17 : 17**

**Valiny:** "____________azy amin'ny fahamarinana".

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY M PAM PI AN ATRA**

Tany amin'ny Nosy kely iray any am-povoan'ny Ranomasina Pasifika no indro nitsangatsangana tany anaty ala ity miaramila manam-boninahitra tandrefana. Nony nandeha kelikely izy dia nahita tompon-tany mamaky Baiboly. Nanatona azy ity manam-boninahitra sady niteny tamim-piavonavonana hoe: "Angaha ianareo aty mbola mamaky Baiboly? Boky efa lany andro ireny any aminay". Nitraka nijery azy ity tompon-tany sady niteny taminy tamim-pahalemem-panahy hoe: "Alohan'ny hamaliako izay teninao izay dia azafady. Mba manaraha ahy fa misy zavatra hasehoko anao". Nanaiky ilay manam-boninahitra. Nony nandeha kelikely dia hoy ilay tompon-tany tamin'ity vahiny: "Manatona ary jereo izay ao anatin'ity lavaka ity". Nihorona ny hodi-dohany, toa ankona tsy nahahetsika izy. Inona no hitany tao? Karandoha

izaitratra. Dia hoy ilay tompon-tany nanapaka ny fahanginana: "Mpihinan'olona izahay teo aloha ary ato anatin'ity lavaka be ity no fanarianay ny karandohan'ireo olona nohaninay. Andriamatoa manam-boninahitra. raha tsy noho ity Baiboly ity dia efa anankiray amin'ireny karandoha ireny ny karandohanao". Nanova ny fiainany ny Baiboly.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO**:

Andriamanitra ô. misaotra Anao aho noho ny nandefasanao taratasy tamiko, dia ny Baiboly. Manapa-kevitra aho fa hamaky isan'andro izany taratasy izany ary hampihatra tsy misy adivarotra eo amin'ny fiainako izay voalaza. Ampio aho mba ho tanteraka izany fanapahan-kevitro izany. Amena.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Manambara an'i Jesosy Kristy ny Soratra Masina manontolo.

☐ 2. "Voasoratra hoe" no nampiasain'i Jesosy raha nalaim-panahy

☐ 3.Koa satria olombelona no nampanoratina ny Baiboly dia hevitr'olombelona no voarakitra ao.

☐ 4. Andriamanitra no nanindry mandry ny mpanoratra ny Baiboly

☐ 5. Na dia toko sy andininy iray aza dia efa azo anorenana foto-pinoana satria Tenin'Andriamanitra izany.

# ANDRIAMANITRA TELO IZAY IRAY



**LESONA FAHA 03**

## ANDRIAMANITRA TELO IZAY IRAY

Eo amin'ny sehatry ny olombelona, rehefa iray dia iray, rehefa roa dia roa ary rehefa telo dia telo. Raha manontany olona iray isika manao hoe: "Firy ny zanakao?", ka milaza izy hoe "anankiray", dia iray tokoa izay fa tsy sady iray no telo. Eo amin'ny sehatra misy an'Andriamanitra anefa dia tsy voatery ho izany. Sarotra ny mahatakatra izany hoe "Andriamanitra Telo izay Iray", kanefa na izany aza dia misy ampahany ihany nambaran'Andriamaintra satria ilaintsika amin'ny famonjena ny fahalalana izany.

## TELO IZAY IRAY ANDRIAMANITRA

**1. Inona no filamatra mifehy antsika eo am-pandinihana ity loha hevitra sarotra ity? Deo. 29 : 28**

**Valiny:** "An'i Jehovah Andriamanitsika ny Zava-miafma; fa antsika sy ny zanatsika mandrakizay kosa ny ________________________Hankatoavantsika ny teny rehetra amin'ity lalana ity".

**Naoty:** Mazava dia mazava fa tsy ho haintsika na oviana na oviana ny hanazava ny momba an'Andriamanitra manontolo. Raha izany dia mijanona tsy ho Andriamanitra Izy fa isika indray no lasa Andriamanitra. Misy ampahany ihany anefa mety ho fantatra satria efa nambarany sy ilaina amin'ny fanatanterahana ny famonjena antsika.

**2. Firy moa Andriamanitra? Deo. 6 : 4**

Valiny: "Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah______ _____ihany".

**3. Iza no nandray anjara tamin'ny famoronana? Gen. 1:1,2; Jao. 1:1-3**

**Valiny:** "Tamin'ny voalohany ___________________nahary ny lanitra sy ny tany. Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary haizina no tambonin'ny lalina. Ary ny _______________nanomba tambonin'ny rano".

"Tamin'ny voalohany _______________, ary ________________tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany_no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy __________dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza".

**Naoty:** Hita amin'ireo andininy ireo fa Andriamanitra Telo izay Iray, Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy, no nanatontosa ny asa famoronana. Hay "Izy" voalaza ao amin'ny Jaona toko voalohany dia i Jesosy Kristy (Jao. I : 14)

**4. Iza koa no indray hita tamin'ny nanaovana batisa an'i Jesosy? Mat 3 :16, 17**

**Valiny:** "Ary raha vao natao batisa__________, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny______ _____nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. Ary, injao! nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no___________Malalako Izay sitrako".

**Naoty:** Hita eto ihany koa Andriamanitra Telo Izay Iray. Jesosy no natao batisa, ny Fanahy Masina nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny ary ny Ray no miteny manao hoe: "Ity no Zanako".

**5. Amin'ny anaran'iza moa no anaovana batisa ny Kristianina? Mat. 28 : 19**

**Valiny:** "Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny ____________sy ny__________ary ny_________ ___________________"

**6. Iza no tononina eo amin'nv tso-drano fanaon'ny Apostoly? 2 Kor. 13 : 14**

**Valiny:** Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i_________________sy ny fitiavan' ____________________________ary ny firaisana amin'ny__________________"

**Naoty:** Hita amin'ireo andininy ireo fa ny Baiboly dia mampianatra fa Andriamanitra dia Telo Izay Iray: Ray, Zanaka. Fanahy. Tsara homarihina ihany koa anefa fa tsy vahaolan'ny zava-miafina voafono amin'io fahamarinana lehibe io izany

**AZO TADIAVINA ANDRIAMANITRA**

**7. Ahoana hoy i Jehovah amintsika? Jer. 29 : 13**

**Valiny:** "Ary__________________ianareo, dia ho_________________Aho, raha__ ___________________amin'ny fonareo rehetra".

**8. Inona no tokony hokatsahintsika voalohany indrindra? Mat 6 : 33a**

**Valiny:** "Fa katsaho aloha_____________________sy ny____________________ "

**Naoty:** Ny fitadiavana an'Andriamanitra, ny fanjakany, ny fahamarinany. no tokony ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainantsika.

**NY TOETRAN'ANDRI AM ANITRA**

**9. Nanam-piandohana sy fiafarana ve Andriamanitra? Sal. 90 : 2**

**Valiny:** "Fony tsy mbola ary ny tendrombohitra, na voaforonao ny tany sy izao rehetra izao. dia Andriamanitra lanao_______________________ka_____________ __________"

**Naoty:** Mandrakizay Andriamanitra. Tsy nisy mihitsy fotoana izay tsy nisian Andriamanitra satria sady mandrakizay tany aloha Izy no mandrakizay any aoriana. Aminy dia tsy misy izany lasa sy ho avy izany raha ny marina. Hitany indray mitopy maso ny mandrakizay.

**10. Aiza avy no misy an'Andriamanitra? Sai. 139 : 8**

**Valiny:** "Na dia miakatra_______________________Aza aho. dia_________lanao; ary na dia manao ny_____________ho fandriako aza aho, indro____________ _____lanao".

**Naoty:** Raha ny marina dia manerana izao rehetra izao Andriamanitra. Sady tsy voafetran'ny elanelan-tany Izy no tsy voafatotry ny fotoana.

**11. Misy fetra ve ny herin'Andriamanitra? Mat. 19 : 26b**

**Valiny:** "Fa hain'Andriamanitra ny____________________"

**Naoty:** Tsitoha Andriamanitra; tsy misy fetra ny heriny.

**12. Ary ahoana indray ny amin'ny fahalalany? Isa 46 : 10**

**Valiny:** "Izay manambara ny________________hatramin'ny ______________ary nanambara __________izay_____________________akory".

**Naoty:** Manana ny fahalalana rehetra Andriamanitra. Tsy misy miaflna aminy na ¡nona na inona. Fantany avokoa manomboka amin'ny goavana indrindra ka hatramin'ny madinika indrindra. Mahaliana Azy manokana ny momba ny olombelona, ny antsipirian'ny liainany. (Mat. 6:8; 10:29, 30).

**13. Mba mety miova ve Andriamanitra? Jak. 1 : 17**

**Valiny:** "Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana, Izay___________na aloka avy amin'ny fihodinana.

**Naoty:** Tsy miova Andriamanitra. Tsy tontan'ny eia Izy satria tsy mba voafetran'ny fotoana.

**NY FIHETSIKO EO ANATREH AN'IZANY**

**14. lnona no tokony hatolotsika an'Andriamanitra? Apok. 4:11**

**Valiny:** "lanao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny_________ _____ sy ny____________________ary ny__________________________; fa lanao no nahary ny zavatra rehetra, ary noho ny sitraponao no naha-nisy sy nahary azy".

**Naoty:** Rana mandinika ny fahalehibeazan'Andriamanitra sy ireo toetra mampiavaka Azy isika dia mahatsapa ny maha-bitika antsika. Fiankohofana sy fankatoavana tokoa no tokony hatolotra Azy. Tsapa koa anefa fa lehibe ny fîtiavany satria, na izany aza ny maha-lehibe Azy dia karakarainy ny olombelona. Manampy izany rehetra izany ary dia tokony hotolorantsika ny fahatokisantsika sy ny titiavantsika rehetra Izy fa mendrika Azy tokoa izany.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO**:

Satria tsapako fa na dia lehibe sy mahatalanjona aza Andriamanitra dia mikarakara any Noho izany dia hankato sy ho tia ary hanompo Azy aho.

Hikatsaka Azy aho eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina sy ny fanambarana ao amin'i Jesosy Kristy. Hanampy ny hafa ihany koa, aho, hahafantatra Azy.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Andriamanitra Ray ihany no nanatontosa ny asam-pamoronana

☐ 2. Koa satria zava-miafina avokoa ny manodidina an'Andriamanitra dia tsy ilaina akory ny mikatsaka Azy.

☐ 3. Tsy voafetran'ny fotoana sy ny elanelan-tany Andriamanitra.

☐ 4. Koa satria lehibe Andriamanitra dia tsy mahaliana Azy ny antsipirian-javatra.

# ANDRIAMANITRA RAY







**LESONA FAHA 04**

## ANDRIAMANITRA RAY

**FITARIH AN-TENY**

Nodinihintsika tamin'ny lasa ny amin'Andriamanitra Telo Izay Iray. Nahatsapantsika ny fahalehibeazan'Andriamanitra sy ny fitiavany antsika izany. Na dia lehibe sy mahatalanjona aza Izy dia tsy mitsahatra ny mijery hatramin'ny antsipiriany madinika. Koa satria mahaliana ny hahafantatra bebe kokoa ny momba llay Andriamanitsika, dia tombontsoa ho antsika ny handinika amim-panetren-tena ny amin'Andriamanitra Ray.

### FOTOTR'IZAO REHETRA IZAO

**1. Iza no namorona izao rehetra izao? Gen. 1: 1**

**Valiny:** "Tamin'ny voalohany ___________________nahary ny lanitra sy ny tany".

**2. Iza no loharanon'ny aina rehetra? Asa 17 : 28, 29**

**Valiny:** "Fa _________no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika: araka ny nataon'ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: "Fa terany koa isika". Ary satria terak'__________isika. dia
tsy mety raha ny fomban'Andriamanitra no ataontsika ho tahaka ny volamena, na volafotsy, na vato voasoratry ny fahaizana aman-tsain'olombelona".

**3. Inona no hazonin'Andriamanitra Ray? Sal. 104 : 27 - 30**

**Valiny:** "Ireo rehetra ireo miandry Anao. mba homenao ny haniny amin'ny fotoany. Manome lanao. dia manangona izy; manokatra ny tananao lanao. dia voky ny soa izy; manafina ny tavanao lanao. dia raiki-
tahotra izy; Alainao indray dia maty izy ka mody any
amin'ny vovoka nanalana azy. maniraka ny Fanahinao lanao. dia ary izy. ary manavao ny tarehin'ny tany lanao".

**4. Inona no ampanekena Azy mandritra ny mandrakizay? 1 Kôr 15 : 28**

**Valiny:** "Ary rehefa nampanekena Azy_______dia ny tenan'ny Zanaka koa aza no hanaiky Izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy. mba tsy hisy fototra sy antony afa-tsy Andriamanitra ihany".

### TOETRAN'ANDRIAMANITRA RAY

**5. Inona no voalaza momba Azy ao amin'ny Deo. 7 : 9?**

**Valiny:** "Koa aoka ho fantatrao fa Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra____________________, Izay _________________________sy famindrampo amin'izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, hatramin'ny taranaka arivo mandimby".

**6. Inona ireo toetra telo ananan'Andriamanitra? Eks. 34 : 7**

**Valiny :** «________________ho an'ny olona arivo mandimby, mamela__________ sy ____________________ ary ___________, kanefa _____________, fa mamaly ny heloky ny ray amin'ny zanaka sy ny zafy hatramin'ny zafiafy sy ny zafindohalika".

**Naoty:** Mita misongadina amin'io andininy io fa Andriamanitra dia sady marina, no masina kanefa mpamindra fo.

**7. Inona no nataony teo anatrehan'ny fahalavoan'izao tontolo izao? Jao. 3 : 16**

**Valiny:** "Fa toy izao no__________Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny_____ ______________________________, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy. fa hanana fiainana mandrakizay".

**RAY, ZANAKA, FANAHY**

**8. Maneho ny toetran'iza ny toetran'i Jesosy? Jao. 14:9**

**Valiny:** "Hoy Jesosy taminy: Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo; ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ____________; koa ahoana no anaovanareo hoe: asehoy anay ny Ray?"

**9. Iza no ambaran'ny Fanahy? Jao. 16 : 13 - 15**

**Valiny:** "Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka
hanambara izany aminareo. Izay rehetra ananan'
dia Ahy avokoa, koa izany no nilazako fa mandray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo".

**10. Inona no vaovao mahafaly voarakitra ao amin'ny vavaka nampíanarin'ny Tompo? Mat. 6: 9**

**Valiny:** "Koa amin'izany mivavaha toy izao ianareo:__________,hohamasinina anie ny anaranao".

**Naoty:** Raintsika Andriamanitra. Akaiky antsika Izy ary mikarakara antsika. Koa satria raisin'Andriamanitra ho zanany aho, manao ahoana no tokony ho fíhetsiko eo anatrehan'ireo zanany hafa?

**NY FANAPAHAN-KEVITRO:**

Raisiko ho Raiko Andriamanitra, ary hiaina amin'ny maha-zanak'Andriamanitra ahy aho, noho ny fahasoavany. mba tsy hanala baraka Azy. Ho tia ny hafa ihany koa aho ka hitondra azy ireny amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Andriamanitra Ray no loharano nipoiran'izao zavatra ary rehctra izao.

- ☐ 2. Tsy mba mety manamarina ny meloka na oviana na oviana, ary na iza izy na iza, Andriamanitra Ray.
- ☐ 3. Fitiavana Andriamanitra Ray.
- ☐ 4. Fanambarana velona ny Ray i Jesosy Kristy Zanaka.
- ☐ 5. Rain'ny hafa Andriamanitra Ray, fa tsy mba Raiko.

# ANDRIAMANITRA ZANAKA



**LESONA FAHA 05**

## ANDRIAMANITRA ZANAKA

**F1TARIHAN-TENY**

Latsaka tao anatin'ny sarotra ny taranak'olombelona. Raha narahina tamin'ny flhodinany izy dia tsy nisy fanantenana ho azy intsony. Be fltiavana anefa Andriamanitra ka tsy namela antsika ho latsaka tao anatin'ny fahaverezana ka tsy hisy fanavotana intsony. Naniraka ny Zanany Izy, dia i Jesosy izany mba hanolo-tanana hanavotra antsika. Andeha hodinihintsika akaiky ny amin'i Jesosy Kristy. Andriamanitra Zanaka.

**IZA MOA I JESOSY?**

1. **Nanao ahoana ny fomba nahaterahan'i Jesosy? Lio. 1 : 35**

**Valiny:** "Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe:___________________ho ___________________, ary hisy_________________Anao; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra".

**Naoty:** Nateraky ny virijina izy ary notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina.

2. **Inona no mitoetra ao aminy? Kol 2 : 9**

**Valiny:** "Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny___________________________rehetra".

**Naoty:** Tena Andriamanitra tokao i Jesosy Kristy.

3. **Na izany aza anefa, inona ihany koa izy? Heb. 2 : 14a**

**Valiny:** "Koa satria manana_____________________ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy".

**Naoty:** Hita amin'ity andininy ity fa tena olombelona ihany koa i Jesosy ary izany indrindra no iantsoany ny tenany hoe Zanak'olona (Lio. 9 : 58).

**KRISTY, MPAMONJY ANTSIKA**

4. **Nanana ota ve i Kristy? Heb. 4:15**

**Valiny:** "Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika. fa Izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa_________________________"

5. **Ahoana ny fifandraisana misy eo amin'i Jesosy Kristy Zanaka sy Andriamanitra Ray? Jao. 14 : 9b, 10**

**Valiny:** « Izay nahita _______________dia nahita ___________; koa ahoana no anaovanareo hoe: Asehoy anay ny Ray? Tsy mino va ianao fa_____________ao amin'ny _____________, ary ny _____________ato_________________? Ny teny izay lazaiko aminareo, dia tsy avy amiko izany
lazaiko izany; fa ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa".

**Naoty:** Ohatra tanteraky ny toetran'Andriamanitra Ray Izy; araka ny efa hitantsika dia Andriamanitra rahateo Izy.

**6. Iza no maty an-tsitrapo noho ny fahotantsika? 1 Kor 15:3**

**Valiny:** "Fa natolotro anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: __________________maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina".

**Naoty:** Fitiavana lehibe no natolotr'i Kristy. Ny ainy mihitsy no nataony ho avotra ho antsika mpanota. Tokony ho isika no nohomboana tamin'ny hazo fljaliana, kanefa dia noraisiny ho Azy izany. Maty nisolo antsika Izy.

**7. Inona no atolotra izay mino Azy? Jao. 3 : 16**

**Valiny:** "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zananilahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana___________ _______________"

**Naoty:** I Jesosy Kristy no Mpamonjy nirahin'ny Ray hanolotra fíainana mandrakizay ho an'izay MINO Azy.

**8. Misy anarana hafa ve mety hahazoana famonjena? Asa 4 : 12**

**Valiny:** "Ary _______famonjena amin'ny ________fa __________________ _____ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena".

**Naoty:** I Jesosy Kristy ihany no afaka hamonjy antsika ka hanome antsika fíainana mandrakizay: Izy no Mpamonjy Tokana fa tsy misy hafa.

## NY PLANANY HO ANTSIKA

**9. Inona no ataon'i Kristy ho antsika amin'izao fotoana izao? Heb. 8:1,2 ;7: 25.**

**Valiny :** «Ary amin'izany zavatra lazainay izany dia izao no fotony: Manana Mpisoronabe toy izany isika dia izay efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'ny Avo Indrindra any an-danitra, ao amin'ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin'ny Tompo. fa tsy olona. Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay__ _______________ho azy.»

**10. Inona no teny fampanantenana nomen'i Kristy ? Jao. 14:1-3.**

**Valiny :** «Aza malahelo ny fonareo ; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo aho: fa handeha __________ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho______________ka__________________anareo ho_any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.»

**Naoty :** Notanterahiny ny fanavotana ny olombelona tamin'ny nanolorany ny ainy ho antsika. Any an-danitra Izy amin'izao fotoana izao mifona ho antsika sady mamboatra fitoerana ho an'ny vahoakany. Rehefa vita izany dia ho avy Izy hanafaka ny mpanaraka Azy.

**11. Inona no planany ho an'ity tany ity ? Apok. 21 : 1, Sa.**

**Valiny :** "Ary nahita____________sy ____________aho ; fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary ny ranomasina dia tsy misy intsony. Ary hoy ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana : Indro, _______________ny zavatra rehetra .»

**NY FANAPAHAN-KEVITRO:**

Raisiko ho Mpamonjy ny tenako manokana i Kristy. Manantena ny fiaviany be voninahitra aho ka hiomana ho amin'izany.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Sady tena Andriamanitra i Jesosy Kristy no tena olombelona koa.
- ☐ 2. I Jesosy Kristy no olombelona tsy mba nanota hatramin'ny nahaterahany ka hatramin'ny nahafàtesany, na dia nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika aza.
- ☐ 3. Maty noho ny fahotako sy noho ny fahotan'ny olombelona rehetra i Kristy.
- ☐ 4. Misy anarana maro ahazoantsika mpanota famonjena.
- ☐ 5. Tsy azo antoka izany fiavian'i Kristy indray izany fa toa maharitra tsy miova ny zavatra rehetra eto an-tany.

# ANDRIAMANITRA FANAHY MASINA







**LESONA FAHA 06**

## ANDRIAMANITRA FANAHY MASINA

**FITARIAN-TENY**

Teny fampanantenana roa sosona no nomen'i Jesosy ny mpianany talohan'ny nandaozany azy ireo. Nilaza Izy fa mbola ho avy indray ary nampanantena fe ho avy ny Fanahy Masina mba handimby Azy eto ambonin'ny tany. Hoy indrindra Izy : «Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafe mba ho eo aminareo mandrakizay. dia ny Fanahin'ny Fahamarinana. (Jao. 14 : 16, 17). Mañana anjara lehibe tokoa ny Fanahy Masina eo amin'ny famonjena antsika, ka tsara ny hahafantarantsika bebe koa ny aminy.

**IZA MOA NY FANAHY MASINA?**

**1. Manana ny maha-lzy Azy ve ny Fanahy Masina sa hery fotsiny ihany? Asa 15:28.**

**Valiny :** «Fa __________________ny Fanahy Masina sy izahay...»

**Naoty :** Misy olona mihevitra fa hery mivoaka avy amin'Andriamanitra fotsiny ny Fanahy Masina. Ny andininy vao novakintsika dia ahitana fa diso izany fomba flheverana izany satria mañana sitrapo Izy eto. Misy toetra telo, amin'ny ankapobeny, mampiavaka ny hery fotsiny sy ny fananana ny maha-lzy Azy : fananan-tsaina sy fitiavana ary sitrapo. Ananan'ny Fanahy Masina avokoa ireo telo ireo.

**a) Saina** : Misaina ny Fanahy Masina (1 Kor.2 : 10, 11 ; Rom. 8 : 27), mihaino sy mandre (Jao. 16 : 13), miteny (Matio 10 : 20 ; Jao. 16 : 13 ; Asa. 8 : 29 ; 1 Tim. 4:1; Apok. 2 : 7), mampianatra (Lio. 12:12; Jao. 14 : 26 ; 16 : 12 - 14 ; 1 Kor. 2 : 4), vavolombelona (Jao. 15 : 26 ; Rom. 8 : 16), manambara (Jao. 16 : 13 ; 1 Kor. 2 : 10).

**b) Fitiavana** : Tía ny Fanahy (Rom. 15 : 30), mampionona sy mananatra (Jao. 14 : 16, 26 ; 15 : 26 ; Asa. 9 : 31), manao vavaka fanelanelanana (Rom. 8 : 26, 27), manasa ny mpanota mba hibebaka (Apok. 22 : 17).

**d) Sitrapo** : Mizarazara ny fanomezam-pahasoavana araka ny sitrapony Izy (1 Kor. 12 : 10, 11) mitari-dalana, miantso ary indraindray mandrara (Rom. 8:14; Asa. 13 : 2, 4 ; 16 : 6, 7), misólo toerana (Jao. 14 : 16, 17 ; 16 : 7) mandresy lahatra (Jao. 16 : 8), manome hery ho enti-manompo (Lio. 24 : 49 ; Asa 1 : 8).

Manaraka izany, dia mety malahelo ny Fanahy Masina (Isaia 63 : IO), rana : misy manohitra Azy (Asa 7:51), misy maniratsira Azy» (Heb. 10 : 29), misy mandainga aminy (Asa 5 : 3), misy maka fanahy Azy (Asa 5 : 9) misy miteny ratsy Azy, ary izany no atao hoe fahotana tsy azo avela (Mat. 12:31,32).

Miharihary amin'ireo andininy ireo ary fa manana ny maha-Izy Azy (Personnalité) tokoa ny Fanahy Masina fa tsy hery fotsiny araka ny fiheveran'ny sasany.

**2. Ankoatra ny fananany ny maha-Izy Azy, inona koa no voalaza momba Azy ? (Asa 5 : 3, 4).**

**Valiny :** «Ary hoy i Petera : Ry Ananiasy, nahoana Satana no nameno ny fonao handainga amin'ny vidin'ny tany ? ... Tsy nandainga tamin'olona ianao, fa tamin'ny___________________________»

**Naoty :** Andriamanitra mihitsy ny Fanahy Masina : Mandrakizay Izy (Heb. 9 : 14), hita hatraiza hatraiza (Sai. 139 : 7 - 10), mahalala ny zavatra rehetra (I Kor. 2 : 10, 11 ; Jao. 14 : 26; 16 : 12, 13), Tsitoha (Zak. 4:6; Lio. 1 : 35 ; Asa 1 : 8 ; Rom. 15 : 13, 19), Mpamorona sy mpanangana amin'ny maty Izy (Jôb. 33 : 4 : Sai. 104 : 30 ; Rom. 8 : 11). Mitovy amin'ny Ray sy ny Zanaka ny Fanahy Masina. Hita izany amin'ireto andininy manaraka ireto : Mat. 28 : 19 ; 2 Kor. 13 : 14 ; 1 Kor. 12 : 4-6.

## NY ASAN'NY FANAHY MASINA

**3. Inona moa no hampieken'ny Fanahy Masina an'izao tontolo izao? Jao. 16 : 8.**

**Valiny :** «Ary raha tonga Izy, dia______________________izao tontolo izao ny ___ __________sy ny _______________________ary ny________________________»

**4. Iza no mampianatra ny Kristiana ny fahamarinana ? Jao. 16 : 13.**

Valiny : «Fa raha tonga ny_________________, dia Izy no_______________hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra, fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay________ _____reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo.»

**5. Inona no tombotsoa omen'ny Fanahy Masina ny mpino ? Jao. 14 : 26.**

**Valiny :** «Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny Anarako, Izy no ___________anareo ny ___________sy _________________anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo.»

**Naoty :** Nanome teny fampanantenana sy fanomezan-toky ihany koa ny Tompo ao amin'ny Mat. 10 : 19, 20 manao hoe : «Fa raha manolotra anareo izy, dia aza manahy ny amin'izay fomba hitenenanareo, na izay holazainareo, fa homena anareo amin'izany ora izany izay holazainareo. Fa tsy ianareo no miteny, fa ny Fanahin'ny Rainareo no miteny ao anatinareo.»

**6. Raha mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina, inona avy ireo toetra omeny antsika ? Gal. 5 : 22, 23.**

**Valiny :** «Fa ny vokatry ny Fanahy kosa, dia fitiavana, fifaliana, fiadanana. fahari-po, fahamoram-panahy. fanaovan-tsoa. Fahamarinana, fahalemem-panahy, fanon onam-po____________________________».

**7. Inona no anjaran'ny Fanahy Masina sy Jesosy kristy eo amin'ny fandrosoantsika ara-panahy ? 1 Kor. 6:11.**

**Valiny :** «______efa ___________ amianareo.______________efa ______ianareo,_ ____________________________tamin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitsika»

**Naoty :** Eo amin'ny ady atao amin'ny asan'ny nofo dia ny Fanahy ihany koa no manóme hery : «fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan'ny tena, dia ho velona ianareo.» (Rom. 8 : 13).

**8. Iza no atao hoe zanak'Andriamanitra ? Rom. 8:14.**

**Valiny :** «Fa izay _______________________no zanak'Andriamanitra.»

**INONA NO TOKONY HATAONTSIKA ?**

**9. Inona no tsy tokony hatao mihitsy ? Efes.4 : 30.**

**Valiny :** «Ary__________________________ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana»

**Naoty :** Ny hoe mampalahelo ny Fanahy Masina dia ny tsy fihainoana ny feony.

**10. Inona no tokony hataontsika mba handraisana ny Fanahy Masina? Lio. 11 : 13.**

**Valiny :** «Koa raha hianareo, na dia ratsy aza. mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, zay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay _______________aminy?»

**Naoty :** Raha mety isika, ka manolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra ary mangataka ny Fanahy Masina dia hovalian'Andriamanitra izany. Ho feno ny Fanahy Masina isika sarria efa baikony rahateo izany. Izao indrindra no voalaza ao amin'ny Efes. 5:18: «Aoka hofenoina ny Fanahy.»

**NY FANAMPAHAN-KEVITRO** :

Fanahy ô, midina ato am-poko ary aoka Ianao no hitarika ny fiainako manomboka anio. Amena!

**FANONTAN1ANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Hery fotsiny ny Fanahy Masina
- ☐ 2. Manam-pitiavana ny Fanahy Masina
- ☐ 3. Andriamanitra ny Fanahy Masina
- ☐ 4. Mampianatra ny Fahamarinana ny Fanahy Masina
- ☐ 5. Azo angatahina ny Fanahy Masina mba hameno ny fiainana.

# HERY MIFANANDRINA



**LESONA FAHA 07**

## HERY MIFANANDRINA

### FITARIHAN-TENY

Tsy toy izao hitantsika izao mihitsy ity tany ity tamin'ny namoronana azy. Toeram-pahasambarana no nikendren'Andriamanitra azy. Raha nivoaka avy teo am-pelatanany tokoa mantsy izao tontolo izao, dia tsara sy nirindra aok'izany. Miara-manaiky anefa isika amin'izao fotoana izao fa efa mihavoakosoka izany endrika izany. Iza ary no Rangory fototry ny afo amin'izao faharatsiana sy fahoriana izao ? Misy vahaolana ve ?

### NY NIANDOHAN'NY FAHARATSIANA

**1. Inona moa no mahatonga ny zanak'olombelona hijaly ? Isa. 24 : 5,6.**

Valiny : «Ary ny tany dia efa ______________ny mponina ao aminy, satria _____ _________sy _______izy ary _____________mandrakizay. Ary noho izany dia ozona no mandevona ny tany, ary ny mponina ao dia valiana noho ny helony, sady voadotra ny mponina amin'ny tany ka dia olona vitsy foana no sisa ao.»

**2. Inona moa no atao hoe fahotana ? 1 Jao. 3 : 4**

Valiny : «Izay rehetra manota no mandika ny lalàna ; fa ny ota no______________ _____»

### NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAMPIANATRA

Niditra an-tsokosoko teto amin'izao tontolo izao ny fahotana, ka tsy misy antony azo omena ny amin'ny fisiany. Mahagaga izany ary tsy azo hazavaina. Miaro azy isika raha mitady hanala tsiny azy. Raha misy tialan-tsinv mety ho hita na anton'ny tisiany azo aseho, dia mitsahatra tsy ho ota intsony izy amin'izay fotoana izay. Ny hany famaritana ny atao hoe ota azontsika atao dia izay omen'ny Tenin'Andriamanitra ¡hany : «fandikana ny lalána». Izany dia asan'ny fitsipika iray miady amin'ny lalàm-pitiavana lehibe izay fanorenan'ny fanjakan'Andriamanitra.

**3. Iza no nanota voalohany ? 1 Jao. 3 : 8a.**

**Valiny :** «Izay manota dia avy amin'ny devoly. satria ______________manota hatramin'ny voalohany.»

**Naoty :** Mbola azontsika vakina ihany koa ny ao amin'ny Jao. 8 : 44 izay manamafy io fanambarana io.

**4. Nanao ahoana moa ny toetra aman'endriky ny devoly tamin'ny voalohany ? Ezek. 28 : 13 - 15**

**Valiny :** Tany Edena. Sahan'Andriamanitra, ianao;____________rehetra no eloelo teo amboninao. dia ny karneola, ny topaza, ny onyksa, ny krysolyta, ny beryla, ny jaspy, ny safira, ny robina, ny emeralda ary ny volamena; ny fampanenoana ny

ampongatapakao sy ny sodinao dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo. Ianao dia______________ izay manaloka. fa voatendriko ianao: tao an-tendrombohitra masin'Andriamanitra ianao: tao amin'ny vato mirehitra no nitsangatsangananao. Tsy ____________________ianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao.»

**5. Tamin'ny fomba manao ahoana no nisehoan'ny fahotana ? Isa. 14 : 13-15.**

Valiny : «Ary ianao efa nanao anankampo hoe: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan'Andriamanitra no ____________ny_________________; dia hipetraka eo an-tendrombohitra fivoriana any am-parany avaratra aho :__________ _____ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho ka ho____________________ny_ ____________________;kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita ho any am-para-vodi-lavaka ianao.»

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY M PAM PIAN ATRA**

Namela miandalana ny fanandratan-tena hanapaka ny faniriany i Losifera (izany no anaran'i Satana talohan'ny nanotany). Na dia avy amin'Andriamanitra aza ny voninahiny, dia nanomboka nihevitra izy fa azy manokana izany. Tsy nianina tamin'ny toerana nisy azy izy. na dia efa toerana ambony sy be voninahitra mihoatra noho ny an'ny andian'anjely rehetra tany an-danitra aza izany, fa sahy nitsiriritra ny fanomezam-boninahitra izay tokony ho an'ny Mpahary irery ihany. Tsy ny fikatsahana ny hatonga an'Andriamanitra ho Ambony Indrindra ao am-po sy eo anatrehan' ny voary manontolo no nataony, fa ny hampitodika ny fanompoana sy ny fahatokian'ireo anjely ireo ho eo aminy kosa no nimasoany.

**NY VOKATRY NY OTA**

**9. lnona no tambin'ny ota ? Rom. 6 : 23a.**

Valiny : «Fa___________________no tambin'ny ota.»

**10. Ny sasantsasany amin'ny taranak'olombelona ihany ve no ¡haran'ny fahafatesana ? Rom. 5 : 12.**

**Valiny** : «Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao. ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana. ka nahatratra ny_____________ny fahafatesana. satria samy efa nanota izy rehetra.»

**FANAFAHANA AZO ANTOKA**

**11. Inona no hetahetan'ny voarin'Andriamanitra izay voasoratra ao amin'ny Rom. 8 : 19?**

Valiny : «Fa izao zavatra ary rehetra izao dia samy____________ka miandry ny fampisehoana ireo
zanak'Andriam anitra.»

**Naoty:** Ny tohin'io andalan-teny io (and. 20 - 23) dia maneho marimarina fa izao zavatra ary rehetra izao dia maniry fatratra ny hovotsorana avy ao anatin'ny fotaka mandrevon'ny fahotana ary miara-misento anaty miandry ny fanavotana.

**12. Handresy ve i Kristy sy ny vahoakany amin'ity ady ifanaovan'ny tsara sy ny ratsy ity ? Fil. 2:9-11.**

**Valiny :** «Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ____________noho ny_____________, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no _____lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany, sy__________________ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.»

**Naoty :** Na dia mafy sy mangotraka aza ny ady ifanaovan'ny tsara sy ny ratsy, dia haharesy ny tsara ary tsy ho resy tondro maso ny vahoakan'Andriamanitra satria Hay Raintsika any an-danitra no efa naniraka ny Zanany (Rom. 5 : 15 - 21) sy ny Fanahiny (Rom. 8 : 26, 27) ary ireo anjeliny (Heb. 1 : 14) mba hanampy antsika. Eny, ho an'i Jesosy tokoa ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay (Apok. 5:11-14).

**NY FANAPAHAN-KEVITRO :**

Noho ny fahafantarana fa misy ady ifanaovan'Andriamanitra sy i Satana, dia manapa-kevitra aho fa hiandany amin'Andriamanitra ary hangataka Azy mba hiaro sy hanampy ahy amin'ny ady ataoko amin'ny ratsy.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1 .Losifera no anaran'i Satana taloha.
☐ 2.I Adama no nanota talohan'i Eva.
☐ 3. Fahafotesana no tambin'ny ota.
☐ 4. Ny olombelona ihany no maniry ny fanafahana azy.
☐ 5. Handresy i Jesosy amin'ity ady ifenaovany amin'i Satana ity.

# DRAFI-PANAVOTANA





**LESONA FAHA 08**

## DRAFI-PANAVOTANA

**FITARIHAN-TENY**

Nampalahelo fa tatlditra teto amin'ity tany misy antsika ity ny fahotana. Lavo ny taranak'olombelona. Amin'ny maha-mpanota ny taranak'i Adama sy i Eva dia fahafatesana mandrakizay no miandry azy. Tsy nialangalana na namihin-tanana anefa Andriamanitra tec anoloan'izany fahavoazan'ny olombelona izany amin'ny maha-Fitiavana Azy. Noho izany. dia nanao drafitra lzy mba hamonjena ny taranak'olombelona lavo. Ahoana moa ny amin'izany drafitra natao hamonjena antsika izany ?

**NY TOERANA MISY NY OLOMBELONA**

**1. Inona no mampisaraka antsika amin'Andriamanitra ? Isa. 59 : 2.**

Valiny : «Fa___________________no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, Ary _______________no mampiafina ny tavany aminareo. ka dia tsy mihaino lzy.»

**2. Inona moa no vokatry ny fahotana ? Rom. 6 : 23a.**

Valiny : «Fa___________________no tambin'ny ota...»

**3. Ny sasantsasany amin'ny taranak'olombelona ihany ve no nanota ? Rom. 5: 12.**

**Valiny :** «Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao. ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana. ka nahatratra___________ ny fahafatesana. satria samy efa nanota ______________»

**VAHAOLANA AVY ANY AMBONY**

**4. Misy vahaolana avy amin'ny olombelona ve hahafahany amin'ny fahotany ? Jer. 2 : 22.**

**Valiny :** «Fa na dia misasa sirahazo aza ianao ka maka lavenona betsaka hanadiovana anao. ny helokao dia _______eo anatrehako ihany. hoy Jehovah Tompo.»

**5. Manao ahoana ny faharetan'ny fitiavan'Andriamanitra? Jer. 31:3.**

Valiny : Tany lavitra any no nisehoan'i Jehovah tamiko ka nanao hoe :___________ _____no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao.»

**6. Tamin'ny Tomba nanao ahoana no nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany an'izao tontolo izao ? Jao. 3 : 16.**

**Valiny** : «Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : ______________ ____________________________________fiainana mandrakizay.»

**7. Inona no antony nahatongavan'i Jesosy teto an-tany ? Lio. 19 : 10.**

**Valiny :** «Fa efa tonga ny Zanak'olona _________________sy__________________ny very.»

**8. Inona no anisan'ny mampiavaka an'i Jesosy ? Heb. 4 : 15.**

**Valiny :** «Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa Izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika. kanefa________________________»

**9. Inona ary no antony nahafatesany ? Isa. 53 : 4, 5.**

Valiny : «Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika: kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho __________sy notorotoroina noho ________________ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy ; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika.»

**10. Nahatazona Azy ve ny fasana, na dia maty aza Izy ? Rom. 4 : 25.**

Valiny : «Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka _____________________ indray ho fanamarinana antsika.»

**11. Misy Mpamonjy hafa ve azo antenaina ? Asa. 4:12.**

Valiny : «Ary___________________: fa ____________anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.»

**12. Inona àry no baiko sy antso alefa amintsika amin'izao fotoana izao? Asa 16:31.**

Valiny : «____________an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao.»

**NY FANAPAHAN-KEVITRO :**

Jesosy Tompo ô, ekeko ho Mpamonjy Tokana ho ahy Ianao. Raisiko ho Mpamonjy ny tenako manokana Ianao. Koa raiso aho ho Anao.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Olona vitsivitsy ihany no nanota.
☐ 2. Tsy mahavonjy ten a isika.
☐ 3. Tsy misy Mpamonjy hafa azo antenaina ankoatra an'i Jesosy.
☐ 4. Amin'ny maha-olombetona an'i Jesosy dia nanota ihany Izy indraindray.
☐ 5. Maty noho ny fahadisoako i Jesosy.

# TSIAMBARATELON'NY FIADANANA





**LESONA FAHA 09**

## TSIAMBARATELON'NY FIADANANA

**FITARIHAN-TENY**

Samy efa voaloton'ny fahotana avokoa ny fiainan'ny zanak'olombelona. Eo anatrehan'izany dia mazava fa meloka eo anatrehan'Andriamanitra izy. Miteraka fikorontanan-tsaina sy tebiteby anaty izany toe-javatra izany. Mba hisian'ny fiadanam-po sy ny fifaliana ao anatintsika dia misy fanontaniana roa lehibe ilaina hovaliana maika :

- «Atao ahoana no hahatonga ny olona hadio eo anatrehan'Andriamanitra?»
- «Inona no tokony hatao mba hananantsika fiainam-baovao»?

## MPAMELA HELOKA ANDRIAMANITRA

**1. Iza no nisolo heloka antsika ? 1 Pet 2 : 24.**

**Valiny :** «Ary nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo, mba ho faty ny amin'ny ota isika, fa ho velona ny amin'ny fahamarinana; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo.»

**Naoty:** I Jesosy Kristy no nitondra ny fahotantsika. Izany indrindra no antony nanomboana Azy tamin'ny hazo fijaliana.

**2. Tokony hanaiky ho inona ary isika ? Lio. 18 : 13b.**

Valiny : «Andriamanitra ò, mamindrà fo amiko_______________»

**3. Inona ary no hatao eo anatrehan'izany ? Asa 3 : 19.**

**Valiny :** «Koa _________________ianareo, ka___________hamonoana ny fahotanareo.»

## NAOTY FANAMPINY HO AN'NY M PAM PIAN ATRA

Samy hafa ny mitomany noho ny vokatry ny fahotana sy ny fibebahana, izay tsy inona fa alahelo noho ny fahotana. Hoy ny voalaza ao amin'ny boky «Ny Dia ho eo amin'i Kristy» : «Fa rehefe ny fon'ilay olona kosa no mitolo-batana hiasan'ny Fanahin'Andriamanitra, dia hifoha ny fieritreretana, ary ny mpanota dia hahatsinjo ny halalinana sy ny toetra masina ananan'ny lalàn'Andriamanitra. dia lalàna izay fototry ny fanjakany any an-danitra sy ety an-tany. Ilay Fahazavana izay «tonga amin'izao tontolo izao» dia «mahazava ny olona rehetra»: ka manazava na dia ny zava-miafin'ny haizina indrindra aza. Tonga ao amin'ny fanahiny sy ny fony ny fahalalana marina ny fahadisoana. Ny fahamarinan'i Jehovah no hitan'ny mpanota, ary mahatsiaro tahotra izy, amin'ny hisehoany, miaraka amin'ny tahadisoany sy ny tsy fahadiovany, eo anatrehan'Ilay Mpandinika ny fo. Hitany ny fitiavan'Andriamanitra sy ny hatsaran'ny fahamasinana ary ny fifaliana amin'ny fahadiovana. Ka dia iriny ny ho voadio sy ny ho sitrana indray ka ho tafaray amin'ny I.anitra.»

Ilay fivavahana nataon'i Davida taorian'ny nahalavoany (ao amin'ny Salamo 51: I-14) no azo anehoana ny alahelo marina noho ny fahotana. Tsotra sady vokatry ny fo

ny fibebahany. Tao amin'ny fibebahany dia tsy nanao izay hahafa-tsiny azy tamin'ny fahadisoany akory izy, na naniry liandositra ny tltsarana izay hihatra aminy. Hitan'i Davida ny halehiben'ny tandikany ny lalàna. Hitany ny halotoan'ny fanahiny: ka dia nankahala ny fahotany izy. Tsy ny famelan-keloka ihany no nangatahany. fa ny fahadiovam-po koa. Niriny ny hahazo ny fifaliana avy amin'ny fahamasinana sy ny firaisana amin'Andriamanitra.» tt. 28. 29.

**1. Inona no tsy maintsy miaraka amin'ny fihohinana ? Sal. 32 : 5.**

Valiny : «Ny fahotako nambarako taminao. ary ny heloko tsy mba nafeniko. Hoy izaho : ________________________amin'i Jehovah aho : Ary lanao dia namela ny heloky ny fahotako.»

**Naoty :** Tsy azo sarahina ny fibebahana sy ny fiaiken-keloka.

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAM PIAN ATRA**

«Ny tena fiaiken-keloka marina dia ny filazana izay tena izy mihitsy ary tìtsorana amin'ny fahotana nahavoa indrindra. Angamba fahotana tokony hoentina eo anatrehan'Andriamanitra irery ihany izany; na angamba fanatlntohinana tokony hekena amin'ilay olona nasian-dratsy ; na angamba fahadisoana fantatry ny besinimaro, ka tokony hekena am-pahibemaso. Nefa ny fiaiken-keloka rehetra. na toy inona na toy inona. dia tsy tokony hatao anjoanjo, na faobe. fa tokony hopotsirina amin'ny masom-boavahiny. dia fiaikena ilay tena fahotana indrindra izay nahadiso anao.» Ibid., t. 46.

**5. Iza no tokony horaisintsika ho Mpamonjy ny tenantsika manokana? Jao. 3 : 36.**

**Valiny :** «Izay mino _______manana fiainana mandrakizay ; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana. fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy.»

**6. Misy mpanota ratsy loatra ve ka tsy azon'Andríamanitra avela heloka intsony na dia mibebaka sy miaiky ny fahotany aza? Isa. 1:18.**

**Valiny :** «Avia ary hifandahatra isika. hoy i Jehovah : na dia tahaka_____________ __________aza ny fahotanareo. dia ho_____________tahaka ny orampanala. na dia mangatrakatraka tahaka_______________aza. dia ho tahaka ny_____________ _____fotsy.»

**7. Ny ampahany firy amin'ny fahotantsika no azon'Andriamanitra avela raha ifonantsika marina izany ? 1 Jao. I : 9.**

**Valiny :** «Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsíka ho afaka amin'ny___________________»

**8. Inona no teny mampieritreritra voalaza ao amin'ny Ohab.28: 13?**

Valiny : «Izay__________________ny fahotany tsy____________: fa izay________ _____ka__________________azy_________________no hahazo famindrampo.»

## NAOTY FANAIMPINY HO AN'NY MPAMPIANATRA

Tia antsika Andriamanitra. Vonona Izy ny hamela ny fahotantsika rehetra raha mifona aminy isika. Tsy mianina amin'ny fanadiovana antsika anefa Izy fa tiany mihitsy ny hanova antsika ho olom-baovao.

Hoy i Jesosy ao amin'ny Jaona 3:3: «Raha tsy ateraka indray ny olona dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra.» Raha miresaka fiainam-baovao isika dia ao anatin'izany ny fahateraham-baovao na ny fiovam-po. Koa satria zava-dehibe tokoa izany araka ny fanambaran'i Jesosy, dia tsara hodinihintsika sy hanaovantsika fanandramana.

## FIAINAM-BAOVAO

**9. Azon'ny tenantsika atao ve ny manova ny fontsika ? Jer. 13: 23.**

**Valiny :** «Moa mahova ny hodiny va ny Etiopiana. ary ny leoparda va mahova ny sorany ?__________________dia mahazo manao tsara koa ianareo izay efa zatra nanao ratsy.»

**Naoty :** Tsy haintsika tokoa ny manova ny fontsika.

**10. Inona avy ireo lalána roa izay miady ao anatin'ny olombelona? Rom. 7 : 22,23.**

Valiny : «Fa mankasitraka_____________aho araka ny toetra anaty ; neta mahita__ __________amin'ny momba ny tenako aho, miady amin'ny lalàn'ny saiko ka mamabo ahy ho an'ny______________izay ao amin'ny momba ny tenako.»

**11. Inona ary ízany no tena ilaintsika ? Jao. 3:5-8.**

**Valiny :** «Jesosy namaly hoe : Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo ; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe : Tsy maintsy _____ __________ianareo. Ny rivotra mitsoka amin'izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy.»

**Naoty :** Ny fahateraham-baovao, na ny fahaterahana indray, na ny fiovam-po no tena ilaintsika mpanota.

**12. Inona no teny fampanantenan'Andriamanitra momba ny fanavaozana hataony ? Ezek. 36 : 26.**

Valiny : «Ary___________________ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato ka_________________ _____ianareo.»

**Naoty :** Koa sarria nampanamena Andriamanitra, dia tombotsoa ho antsika ny mangataka aminy izany fo vaovao izany ka miaina toy ny efa nahazo, ary dia ho tonga amintsika izany.

**13. Inona no mitranga rehefa mandalo fiovam-po ny olona anankiray? 2 Kor. 5:17.**

Valiny : «Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy ; efa _______, _______________indreo, efa________________ireo.»

**14. Inona no marika lehibe indrindra ahafantarana fa niova fo isika? Jao. 13 :35.**

Valiny : «Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo.__________ _____"

**NY FANAPAHAN-KEVITRO :**

Tompo Andriamanitra ô, ovay ny foko ka soloy vaovao. Amen!

**FANONTAN1ANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Tsy azo sarahina ny fibebahana sy ny fìaiken-keloka.

☐ 2. Azontsika atao ny manova ny fontsika.

☐ 3. Na dia tsy nateraka indray aza ny olona iray, dia mahazo miditra any andanitra satria efa miezaka amin'ny herin'ny tenany izy.

☐ 4. Mitovy ny hoe «fahateraham-baovao» sy ny hoe «fiovam-po».

☐ 5. Angatahina amin'Andriamanitra ny fiovam-po.

# NY FIVAVAHANA



**LESONA FAHA 10**

## NY FIVAVAHANA

**FITARIHAN-TENY**

Efa nodinihintsika tamin'ny lasa fa Andriamanitra miteny liay Andriamanitra izay tompointsika. Mahavelom-bolo ny mahafantatra fa tsy hoe Izy ihany no miteny amintsika. fa azontsika atao ihany koa ny miresaka aminy. Mifototra indrindra amin'ny firesahana amin'Andriamanitra ny dinidinika ataontsika androany.

### MIFANDRAY AMIN'ANDRIAMANITRA

**1. Inona no miseho raha misaraka amin'Andriamanitra isika? Jao. 15 : 5**

Valiny : «Izaho no voaloboka. ianareo no sampany. Izay miray amiko ary Izaho aminy, dia mamoa be izy ; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia_____________na _______________na_____________»

**2. Inona no ho vitantsika raha miray aminy isika ? Fil. 4 : 13.**

Valiny : «_______aho ao amin'Ilay___________mampahery ahy.»

**3. Inona no Tomba hiresahantsika amin'Andriamanitra ? Dan. 9 : 3.**

Valiny : «Ary nampanatrehiko an'Andriamanitra Tompo ny tavako hitady izay____ _______________sy hifonana amin'ny fifadian-kanina sy ny lamba fisaonana ary ny lavenona.»

**4. Ahoana no amaritan'ny Baiholy ny fivavahana ? Sal. 62 : 8**

Valiny : «Matokia Azy mandrakariva ianareo, ry olona ;_______________________ _____________________________________________»

**Naoty :** «Ny fivavahana dia famborahana ny ao am-po amin'Andriamanitra. toy ny atao amin'ny sakaiza tiana indrindra.» E.G. White, Ny Dia ho eo umin'i Kristy, t. 114.

**5. Amin'ny anaran'iza no ivavahantsika ? Jao. 14 : 13.**

Valiny: «Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny___________________dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka.»

**Naoty :** Ny noe mivavaka amin'ny anaran'i Jesosy, dia tsy hoe manonona ny anarany tbtsiny ihany, fa mivavaka araka ny toe-tsainy sy ny fomba fivavahany mihitsy.

### MIHAINO VAVAKA ANDRIAMANITRA

**6. Inona no hataon'Andriamanitra raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika ? 1 Jao. 5:14.**

Valiny : «Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany : Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia_________________________antsika Izy.»

**7. Inona no teny fikasan'Andriamanitra ? Mat. 7:7-11.**

Valiny : «Mangataha. dia__________________ianareo ; mitadiava, dia ________ _____ianareo ; dondony, dia________________ianareo. Fa izay rehetra mangataka no _______________: ary izay

mitady no___________; Ary izay mandondona no_________________ary iza moa aminareo. raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato ? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ? Koa raha ianareo, na dia ratsy aza. mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no_____________zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy ?»

**8. Inona no misakana ny valim-bavaka ? Isa. 59 : 1, 2.**

**Valiny :** «Indro, ny tanan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy. ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare ; Fa ny__________________no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo. ary ny_________no mampiafina ny tavany aminareo. ka dia _________________________Izy.»

**9. Inona no ilaina mba hahazoana valim-bavaka ? Mat. 21 : 22**

**Valiny :** «Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny _______________dia ho azonareo.»

**10. Inona moa no atao hoe finoana ? Heb. 11:1.**

Valiny: «Ary ny finoana no____________ny amin'ny zavatra antenaina,__________ __________ny zavatra tsy hita.»

**11. Avy aiza ny finoana ? Rom. 10 : 17.**

Valiny : "Koa ny finoana dia avy amin'ny___________________ ary ny tori-teny kosa avy amin'ny __________________________________"

**Naoty** : Rana dinihina io andininy io, dia hita miharihary fa ny finoana dia avy amin'ny fandinihina ny Tenin'Andriamanitra.

**12. Inona no toro hevitra mahasoa omena antsika ? 1 Tes. 5 : 17.**

**Valiny :** «________________ka__________________ »

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Jesosy ô, mampianara ahy ho tia vavaka. Ampio aho mba hiaina amim-bavaka. Amena.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Na dia tsy miray amin'Andriamanitra aza isika, dia mety hahavita ny zavatra rehetra ihany.

☐ 2. Ny fivavahana dia famborahana ny ao am-po amin'Andriamanitra.

☐ 3. Manan-kery ny fivavahana.

☐ 4. Ny finoana dia avy amin'ny fandinihina ny Tenin'Andriamanitra.

☐ 5. Mihaino vavaka Andriamanitra raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika.

# RAHOVIANA I KRISTY NO HO AVY INDRAY?



**LESONA FAHA 11**

## RAHOVIANA I KRISTY NO HO AVY INDRAY?

**FITARIHAN-TENY**

Hoy ity zazalahy kely vao telo taona monja tamin'ny rainy : «Dada a! Rahoviana ihany, hono ano, Jesosy no ho tonga fa efa te hiaraka aminy ano?» Izany fanontaniana izany koa dia mipetraka ao an-tsain'ny maro. Tsy nanondro daty ny amin'ny handravana ity tany ity Jesosy. Nahoana àry ? Raha nilaza ny amin'ny hiaviany indray Jesosy «dia nanatona Azy mangingina ny mpianany ka nanao hoe : Lazao aminay izay andrò hahatongavan'izany, ary izay ho famantarana ny fiavianao sy ny fahataperan'izao tontolo izao» (Mat. 24 : 3). Hifantoka indrindra amin'izany ity loha hevitra.

**FAMANTARANA ENY AMIN'NY LANITRA SY NY TANY**

**1. Eo amin'inona no hisy famantarana ? Lio. 21 : 25.**

**Valiny :** «Ary hisy famantarana eo amin'ny__________________sy_____________ __________ary______________________»

**2. Ahoana no fisehon'izany famantarana izany ? Mat 24 : 29.**

**Valiny :** “Ny masoandro dia ___________, ery ny volana _______; ny kintana _____ __________avy any an-danitra, ary ny herin’ny lanitra hohozongozonina”

Naoty : Tanteraka ary nitranga tany Amerika ireo famantarana ireo araka ny voalazan'ny boky nosoratan'i BURRITT : La géographie Céleste (Les enfants de ce siècle Daniel DUC, pp. 85, 86 - SDT 1962):

- Masoandro maizina : 19 may 1780
- Volana tsy mazava : 19 may 1780
- Kintana niraraka : 13 novambra 1833

**3. Inona no hitranga eo amin'ny faritra maro amin'ity izao tontolo izao ity ? Mat 24 : 7**.

**Valiny :** «Ary hisy mosary sy_______________amin'ny tany samy hafa.»

Naoty : Anankiray amin'ny fahatanterahin'io famantarana io ilay horohorontany lehibe nitranga tamin'ny 1 novembre 1755, antsoina hoe horohorontanin'i Lisbonne izay nisy akony tany Eoropa, Afrika, Amerika, ary naneran-tany mihitsy aza. Nandritra ny 6 minitra monja dia olona 16.000 no maty. Marina fa efa nisy hatramin'izay ny horohorontany kanefa ny fitomboany amin'ny isa sy ny hamafiny dia tena ahatsapana fa efa akaiky tokoa ny antontan'isa nataon'i Falb. Natombony avy any amin'ny 1700 talohan'i Kristy ka hatramin'ny 1850 taorian'i Kristy izany.

Raha ny amin'ity taonjato iainantsika ity moa dia efa mihoatra ny 2000 ny horohoron-tany hatramin'ny taona 1930 fotsiny. Singanina manokana ireto manaraka ireto izay nahitan-doza tokoa:

- St Pierre de la Martinique (1902)

- Indes(1905)
- San Franscisco ( 1906)
- Messine (1908)
- Italie(1913)
- Java(1919)
- Mexico (1920)
- Chine (1920 sy 1927)
- Japon ( 1923)
- Chili (1939)
- Turquie (1939)
- Agadir (1960)

Ajanona hatreo ny fitanisana satria sesehena tokoa no nitranga taorian'ny taona 1960. Efa matetika loatra ny fisehoan'ny zava-doza toy izao ka tsy vitsy amin'ireo fanjakana no mampiditra ao amin'ny teti-bolany mihitsy mba hahazoany mamonjy izay tra-boina. Manambara izany fa efa m ihantitra ity tany ity ( H eb. 1 : 10 -11 ) ary tsy ho ela dia ho tonga ny fiafarany.

## FAMANTARANA ARA-TSOSIALY

**4. Hanao ahoana ny fahalalan'ny olona mialoha ny fahataperan'izao tontolo izao ? Dan. 12 : 4.**

**Valiny :** «Ary ianao ry Daniela, dia ahoroninao ny teny. ka asio tombo-kase ny taratasy mandra-piavin'ny andro farany: maro no hazoto mandinika ka __________ _______________ny fahalalana».

**Naoty :** Voalohany indrindra aloha dia azo raisina ho fahalalana amin'ny ankapobeny ity fahalalana voalaza eto ity. Akory tokoa moa ny fitombon'ny fahalalan'ny zanak'olombelona amin'izao fotoana izao, ny fahitalavitra. ny fiaramanidina. eny tonga hatrany amin'ny volana aza. Misy akony eo amin'ny ftaraha-monina izany. Faharoa manaraka izany dia azo raisina ho fahalalana ny bokin'i Daniela ity fahalalana ity. Hovahana ny tombokase amin'ny bokin'i Daniela ka hahazava ireo faminaniana voarakitra ao. Efa tanteraka izany amin'izao fotoana izao. Ohatra efa tsy zava-miafina intsony ny amin'ny 2300 andro voalaza ao amin'ny Dan. 8:14.

**5. Hisy inona amin'ny andro farany ? Dan. 12 : 1b.**

**Valiny :** «Ary hisy___________________, izay tsy nisy tahaka azy hatrizay nisian'ny firenena ka hatramin'izany andro izany.»

**6. inona mandrakariva no ho re ? Mat. 24 : 6, 7.**

**Valiny :** «Ary handre_________________sy__________________ianareo: koa mitandrema. aza matahotra; fa tsy maintsy ho tonga izany; nefa tsy mbola tonga ny

farany. Fa hisy_______hitsangana__________firenena, ary hisy__________
_____hitsangana hamely fanjakana»

**Naoty :** Isika tsirairay avy dia mahalala fa tanteraka ara-bakiteny ity fanambarana ity. Raha vakina ny gazety, henoina ny vata fandraisam-peo, jerena ny fahitalavitra, ka sokafana ny ao amin'ny Mat.24 dia mifanaraka ireo. Maro no mihevitra fa nifarana tamin'ny ady lehibe faharoa ny tantaran'ny ady. Tsy izany anefa no nitranga. Nanomboka tamin'ny fotoana nahavitan'iny ady lehibe faharoa iny ka hatramin'ny taona 1982 dia efa misy ady miisa 140 nampiasana fitaovam-piadiana ary nahafaty olona hatramin'ny 10 tapitrisa. (Margaret Thatcher, noraisina tamin'ilay boky nosoratan'i Ernest W.Leiever sy E.Stephen Hung, mitondra ny lohateny hoe The Apocalypse Premise, p. 394). Manampy izany rehetra izany dia tsy zovina amintsika ny ady vao nipoka tao Irak izay namoizana ain'olona maro tokoa.

**7. Hanao ahoana ny fon'ny olona ? Lio 21 : 6.**

Valiny : «Ho__________________ny fon'ny olona noho ny fahatahorana sy ny fiandrasany izay zavatra ho tonga ambonin'ny tany.»

**Naoty :** Miaina ao anaty tebiteby ny maro amin'izao fotoana izao noho ny tsy tisian'ny fandriam-pahalemana sy ny tahotra ny havoakan'ny rahampitso.

**8. Inona ihany koa ny manjo an'ity izao tontolo izao ity izay manamhara fa efa akaiky ny farany ? Mat.24 : 7.**

**Valiny :** «Ary hisy fanjakana hamely fanjakana, ary hisy____________sy horohorontany amin'ny tany samihafa».

**Naoty :** Eny efa nisy hatrizay ny mosary fa tsy toy ny fisehony amin'izao vanim-potoana misy antsika izao. Tsy mbola nisy mihitsy teo amin'ny tantara izany hoe olona an-tapitrisany maro mijaly noho ny hanoanana na ny tsy fahampian-tsakafo raha tsy tamin'ity taonjato faha-20 ity. Efa antomotra tokoa ny farany.

**FAMANTARANA ARA-PITONDRAN-TENA SY ARA-PIVAVAHANA**

**9. Hanao ahoana ny toetran'ny olona aty am-parany ? 2 Tim. 3:1-5.**

**Valiny :** «Fa aoka ho fantatrao izao : fa any am-parany any dia hisy andro mahory. Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa Ray sy Reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafînaretana mihoatra noho ny tìtiavany an'Andriamanitra, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa manda ny heriny: ireny koa dia halaviro».

**Naoty :** Efa nisy hatramin'izay ihany koa ny olona mañana ireo toetra ireo kanefa miharatsy hatrany hatrany izany araka ny fandroson'ny fotoana. Misongadina indrindra amin'izany ny tìtiavan'ny olona fahafînaretana sy ny fiainana vetaveta. Ankehitriny izany fahadiovam-pitondran-tena izany dia vitsy no tena mandala azy.

Manenika izao tontolo izao amin'ny alalan'ny boky, sarimihetsika, video, gazety, hira, ny fanindrahindrana ny fijangajangana. Efa hitan'ny sasany aza fa raha misy zavatra tiana ho lafo, dia ampiarahina amin'ny dokam-barotra misy sarin-jazavavy mitanjaka.

Izany rehetra izany dia mahatonga ny faharavan'ny tokantrano maro, fanalana zaza, fìraisan'ny lahy samy lahy sy vavy samy vavy. Mihanaka ny aretina toy ny SIDA sy ny forongony. Raha ny amin'ny tsy fankatoavan-dalana indray (Mat.24 : 12) dia miharihary ny fitombony. Vonoan'olona, fiainan-jiolahy, dahalo sns. Efa akaiky tokoa ny farany.

**10. Hanao ny tenany ho iza ny sasany ? Mat 24 : 5.**

Valiny: «Fa maro no ho avy amin'ny anarako hanao hoe : Izaho no______________ __________»

**11. Inona koa ny toe-javatra hiseho amin'ny andrò farany ?**
**2 Pet 3 : 3, 4.**

**Valiny :** «Fa fantatreo voalohany indrindra fa amin'ny andro farany dia hisy______ __________ ary ___________mandeha araka ny filany ka manao hoe : Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fiaviany ? Fa hatrizay nodian'ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra ; eny hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao aza.»

**12. Inona no lavin'ny maro milaza azy ho Kristiana ? 2 Tim. 3 : 5.**

**Valiny :** «Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamantira kanefa manda ny __________________________»

**Naoty :** Ny herin'Andriamanitra voalaza eto dia ny Filazantsara (Rom.l : 16). Ny Filazantsara dia Kristy mihitsy, ary Kristy no antsoina hoe Tenin'Andriamanitra. lzany dia manambara fa misy milaza azy ho Kristianina nefa manda ny Tenin'Andriamanitra.

**13. Inona ihany koa no famantarana hiseho mialoha ny farany ? Mal. 24 : 14.**

**Valiny :** «Ary _______________amin'izao tontolo izao ity _____________ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra dia vao ho tonga ny farany.»

**Naoty:** Mahagaga sy mampisaotra an'Andriamanitra ny fahatanterahan ity faminanina ity. Mandroso dia mandroso tokoa ny fitoriana ny filazantsara manerana izao tontolo izao. Ohatra fotsiny, tamin'ny taona 1900. dia voadika tamin'ny fíteny 537 samy hafa ny Soratra Masina. Tamin'ny 1980 teo kosa dia voadika manontolo na ampahany amin'ny fíteny 1811 samy hafa, izany hoe sahabo ho 96 isan-jaton'ny mponina eto ambonin'ny tany. Ampiasaina amin'izao fotoana izao ihany koa. fitaovana tonga lafatra sy mahomby toy ny onjam-peo, fahitalavitra, izay afaka mandrakotra izao tontolo izao. Ho tonga tsy ho ela tokoa ny farany.

**14. Inona ary ny tokony hatao ? Mal. 24 : 42. 44.**

**Valiny :** «Koa amin'izany_____________ianareo fa tsy fantatrareo izay andro hiavian'ny Tomponareo.»

«Koa ___________________kosa ianareo. fa amin'izay ora tsy ampoizinareo no hiavian'ny Zanak'olona.»

**Naoty:** Ny fiomanana dia ny fanolorana ny tena isan'andro ho an'Andriamanitra. ny fandraisana an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tena. Tsy tokony hisy fotoana hahavarimbariana.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO**:

Koa satria efa antomotra tokoa ny fiverenan'i Jesosy dia atokako ny androko sisa hanompoana Azy sy hiomanako ary hanomanako ny hafa ho amin'izany fotoan-dehibe izany.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Ho tia tena ny olona mialoha ny fiavian'i Kristy
- ☐ 2. Nilaza ny daty hiaviany i Jesosy
- ☐ 3. Ny atao hoe herin'Andriamanitra dia ny Teniny.
- ☐ 4. Famantarana ny fiavian'i Kristy fanindroany ny fitoriana ny Filazantsara.
- ☐ 5. Koa satria tsy fantatra ny daty marina hahatongavan'i Kristy dia ilaiko ny miambina mandrakariva.

# ARIVO TAONA ANY AN-DANITRA





**LESONA FAHA 12**

## ARIVO TAONA ANY AN-DANITRA

**FITARIHAN-TENY**

Maro ireo olona manam-pahaizana no nampiasa ny talentany tamin'ny fampihorohoroana ny olona ny mikasika ny helo na ny afobe. Nataon'izy ireo izany mba hanerena ny olona hanompo an'Andriamanitra. Naseho tamin'izany fa Andriamanitra dia mahita fifàliana sy fahafinaretana mahita ny olona ao anaty afobe. Tena nosimban'ireny olona sasantsasany ireny ny endrik'Andriamanitra. Fomba manao ahoana no hamongoran'Andriamanitra ny faharatsiana. Inona no zavatra hanjo an'i Satana ? Mifandray amin'ny atao hoe fanjakan'ny Zanaka izay maharitra arivo taona ny valin'ireo fanontaniana ireo. Noho izany dia ny fahafantarana ny amin'io arivo taona io no hanampy antsika be dia be.

### TOE-JAVATRA HITRANGA ALOHAN'NY ARIVO TAONA

**1. Inona no toe-javatra hiseho mitarika ho amin'ny fitsanganan'ny marina ? 1 Tes. 4:16.**

**Valiny :** «Fa___________________no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra. ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha»

**2. Aiza no hitondran'i Kristy ny voavotra rehefa miverina Izy? Jao. 14:3.**

**Valiny:** "Ary raha handeha hamboatra toerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo_________________ka izay itoerako no hitoeranareo koa".

**3. Inona kosa no hanjo ny ratsy fanahy amin'io fiverenan'i Kristy io ? Apok.6: 15; 2 Tes. 2:8.**

**Valiny :** «Ary ny mpanjakan'ny tany sy ny lehibe sy ny mpifehy arivo sy ny mpanan-karena sy ny lehilahy mahery mbamin'ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra dia ____________________tao amin'ny lavaka sy tao amin'ny vatolampy eny an-tendrombohitra.» «Ary dia haseho ilay tena mpandika lalana. izay______________ _____I Jesosy amin'ny fofon'ain'ny vavany, ary amin'ny fisehoan'ny fiaviany»

**Naoty :** Ireo ratsy fanahy izany hoe ireo tsy nanolotra ny fiainana ho an'Andriamanitra dia tsy hahatanty ny famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra ka ho faty.

### MANDRITRA NY ARIVO TAONA

**4. Manao ahoana ny tany mandritra ny arivo taona ? Jer. 4 : 23, 26.**

**Valiny :** «Nojereko ny tany, ka indro _______________izy sady________ary ny lanitra koa, ka indro tsy nanampahazavana izy; nojereko. ka indro izy. Nojereko, ka, indro, ny___________________aza efa tonga ________ary ny tanàna ny rehetra dia_________________teo anatrehan'i Jehovah, dia teo anoloan'ny firehetan'ny fahatezerany.»

**Naoty :** Izany no endrik'ity tany ity mandritra ny arivo taona. Tena lasa haolo. Tsy misy olombelona mipetraka mihitsy. Ny tsara fanahy efa niaraka amin'i Jesosy any an-danitra, ny ratsy fanahy izay efa maty, mbola tsy mitsangana fa ao am-pasana ary ny velona maty tsy nahatanty ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny fiaviany.

**5. Aiza no misy an'i Satana mandritra io fotoana io ? Apok. 20 : I - 3**.

**Valiny :** «Ary hitako fa. indro, nisy anjely nidina avy tany an-danitra. nanana ny fanalahidin'ny lavaka tsy hita nonoa sy gadra lehibe eny an-tanany: dia nisambotra ilay dragona izy (dia ilay menarana ela, ny devoly sy Satana izany) ka namatotra azy arivo taona, dia nanipy azy ho amin'ny____________tsy hita nonoa ka nanidy izany dia nanisy tombo-kase teo amboniny, mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandra-pahatapitry ny arivo taona».

**Naoty :** Eto amin'ity tany ity Satana mandritra io arivo taona io. Migadra izy satria tsy afaka manao ny raharaha fanaony izay tsy inona fa ny famitahana. Tsy hoe tsy ta hamitaka intsony izy fa tsy misy intsony ny hofitahiny. Araka ny efa voalazantsika tery aloha : ny ratsy fanahy mbola any am-pasana, ny tsara fanahy efa any an-danitra.

**6. Inona kOsa no hataon'i Kristy any an-danitra ? Jao. 5 : 22.**

**Valiny :** «Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, fa ny _________________ dia nomeny ny Zanaka.»

**Naoty :** Izany no antony iantsoana ny arivo taona any an-danitra ho fanjakan'ny Zanaka.

**7. Iza koa ny miara-mitsara amin'i Kristy mandritra io fotoana io? I Kor. 6 : 2, 3.**

**Valiny :** «Sa tsy fantatrareo fa_____________dia hitsara izao tontolo izao? Tsy fantatrareo fa hitsara anjely___________?

**Naoty :** Mandritra ny arivo taona no hahatanteraka io tenin'ny Apostoly Faoly io. Hiara-mitsara amin'i Kristy ireo voavotra. Ity fitsarana voalaza eto ity dia tsy hanapahan-kevitra ny amin'izay ho voavonjy na izay ho very. Efa noraisin'Andriamanitra izany fanapahan-kevitra izany talohan'ny fiverenan'i Jesosy fanindroany. Ireo olona tsy nitsangana tamin'ny maty na novana dia efa very. Ity titsarana izay handraisan'ny marina anjara ity dia natokana mba hamaliana ny fanontaniana rehetra hapetraky ny voavonjy ny amin'ny antony nahavery ny ratsy fanahy izay olom-patany ary mety noheveriny ho voavonjy aza. Amin'izany fomba izany no hanesoran'Andriamanitra eto amin'izao rehetra izao izay mety ho endriky ny fisalasalana rehetra ny amin'ny fitondrany.

**8. Rahoviana mua ny ratsy fanahy no nitsangana ? Apok. 20 : 5.**

Valiny : «Fa ny sisa amin'ny maty dia tsy mbola velona__________________ _____taona.»

**9. Rehefa voavaha Satana, inona no hataony ? Apok. 20 : 7, 8.**

**Valiny :** «Ary rehefa tapitra ny arivo taona, dia hovahana Satana ho afaka ao amin'ny trano-maizina nitoerany ka hivoaka ___________________ ny Firenena eny amin'ny vazan-tany efatra, dia Goga sy Magoga. mba hanangona azy ho any amin'ny ady».

**10. Inona no ho vokatr'izany ady izany ? Apok. 20 : 9.**

**Valiny :** «Ary niakatra namaky ny tany izy, dia nanodidina ny tobin'ny olona masina sy ny tananà maiala, ary ___________________avy tany an-danitra ka___________ __________azy.»

**Naoty :** Amin'izay fotoana izay vao hisy ilay afo mandoro handevona an'i Satana sy ny mpiara-dia taminy rehetra.

**11. Inona no hitan'i Jaona rehefa avy eo ? Apok. 21 : la.**

**Valiny :** «Ary nahita____________sy__________________aho.»

**FANAPAHAN-KEVITRO** :

Jesosy ô, maniry aho mba ho isan'ny hiara-manjaka Aminao mandritra ny arivo taona. koa raiso dieny izao aho ka hanjakao. Amen.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Tsy hitsangana ny ratsy fanahy maty amin'ny fìverenan'i Jesosy Kristy fanindroany.
- ☐ 2. Lasa haolo ity tany ity mandritra ny arivo taona.
- ☐ 3. Miara-maty amin'ny ratsy fanahy Satana mandritra ny arivo taona.
- ☐ 4. Hitsangana ny ratsy fanahy rehefa tapitra ny arivo taona.
- ☐ 5. Hiara-mitsara amin'i Kristy ny marina mandritra ny arivo taona.

# AIZA NO ANDANIAN'NY VOAVOTRA NY MANDRAKIZAY?



**LESONA FAHA 13**

## AIZA NO ANDANIAN'NY VOAVOTRA NY MANDRAKIZAY?

**F1TARIHAN-TENY**

Tena tia antsika Andriamanitra. Marobe ireo teny fikasana voarakitra ao amin'ny Baiboly. Mitana ireny teny fikasana ireny izy. Manao drafitra lehibe Izy mba hamerenana ny olona mpania eo aminy sy hampodina ny zavatra rehetra amin'ny laoniny. Ny amin'izany indrindra no voalaza ao amin'ny Isaia 65 : 17 "Fa. indro. Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ka tsy hotsarovana intsony ny taloha, na ho mby ao an-tsaina akory aza". Ahoana ny amin'io toerana io?

**FIAINANA TSY MISY OTA**

**1. Hanao ahoana avokoa ny olona honina ao amin'ny tany vaovao? Isa 60 : 21**

**Valiny:** "Ary ny olonao rehetra ho_______________avokoa: hanana ny tany ho mandrakizay izy, eny, ho voly maitso eo amin'ny sahako, asan'ny tanako ho fampisehoam-boninahitra".

**Naoty:** Ho marina avokoa ny olona rehetra monina ao. Tsy misy na dia iray aza haningana.

**2. Inona avy no tsy hisy ao? Apok. 21:4**

**Valiny:** "Ary ho fafany ny ________________rehetra amin'ny masony: ary tsy hisy __________intsony, sady tsy hisy________________, na___________; fa efa lasa ny zavatra taloha".

**3. Manao ahoana ny fahafonganan'nv faharatsiana? Mal. 3 : 19**

**Valiny:** "Fa, indro, avy ny andro, mandoro toy ny fatana fandoroana izy; ary ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho_________________; ka dia __________azy ny andro izay ho avy, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, ka________ __________na ny_______________na ny__________»

**Naoty:** Mbola hamafisina izany fanambarana izany ao amin'ny Ohab. 2 : 22. "Fa ny ratsy fanahy kosa hofongorana amin'ny tany, ary ny mpivadika hongotana".

**TANY FENO FANDRIAM-PAHALEMANA**

**4. Ahoana ny filazalazan'i Jaona ny amin'ny tany vaovao? Apok. 22 : 1 - 5**

**Valiny:** "Ary izy naneho ahy onin'ny ranon'aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'Ondry teo afovoan'ny lalambeny. Ary ny teny andaniny roa amin'ny ony nisy hazon'aina mamoa voa roa ambin'ny folo samy hafa sady mamoa isam-bolana; ary ny ravin'ny hazo dia ho fanasitranana ny frenena maro. Ary tsy hisy ozona intsony; ary ny seza fiandrianan' Andriamanitra sy ny Zanak'Ondry ho eo aminy; ary ny mpanompony dia hanompo Azy ka hahita ny tavany, ary tsy mba mila fahazavan'ny jiro na fahazavan'ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy; ary hanjaka mandrakizay mandrakizay".

**5. Inona no hataon'ny voavonjy any? Isa 65 : 21**

**Valiny:** "____________ny olona ka hitoetra ao; ary____________tanimboaloboka ny olona ka hihinana ny vokatra aminy".

**Naoty:** Raha namorona ny olombelona Andriamanitra dia tsy namorona azy mba hidonana-poana. Hoy ny voalaza ao amin'ny Gen 2:15: "Ary Jehovah Andriamnaitra nitondra an-dralehilahy ka namponina azy tao amin'ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy". Rehefa tafaverina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra dia ho tanteraka amin'ny fahafenoany ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny olombelona.

**6. Hanao ahoana ny biby any? Isa 11 : 6**

**Valiny:** "Ary ny amboadia_________________amin'ny zanak'ondry, ny leoparda__ __________amin'ny zanak'osy; ary ny zanak'omby sy ny liona tanora sy ny ombikely mifahy______________toerana. ary ny zazakely no hiroaka azy".

**NY RENIVOHITRY NY TANY VAOVAO**

**7. Inona moa no anaran'ny renivohitry ny tany vaovao? Apok. 21 : 2**

**Valiny:** "Ary nahita aho fa indro ny tanàna masina dia__________________nidina avy any an-danitra tamin'Andriamanitra voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin'ny vadiny ".

**8. Nomanina ho an'iza io tanàna io? Heb. 11 : 16**

**Valiny:** "Fa amin'izany, ny tsara lavitra____________, dia ny any an-danitra; ary noho izany Andriamanitra dia tsy menatra hatao hoe Andriamaniny, satria efa namboatra tanàna ho Izy".

**Naoty:** Iza moa ireto olona voambara ireto? Ny Heb. 11 manontolo dia miresaka momba ireo olona mazan'ny finoana sasantsasany nandritra ny taona nifandimby. Izao no hitantsika ao anatin'ny andininy faha-13: "Ireo rehetra ireo dia maty tamin'ny finoana, kanefa tsy mbola nahazo ny teny fikasana. fa nahatazana azy eny lavitra eny izy ka ravoravo niarahaba azy. dia nanaiky fa vahiny sy mpivahiny tety ambonin'ny tany izy".

**9. Manao ahoana ny endrik'io Tanàna Masina io? Apok. 21:11 - 23.**

**Valiny:** "Sady manana ny___________________izy; ny famirapiratany dia tahaka ny vato soa indrindra. dia tahaka ny vato jaspy, manganohano toy ny vato Krystaly; ary manana ______________sady avo sy ___________________roa ambin'ny folo izy, ary eo amin'ny vavahady dia misy anjely roa ambin'ny folo, ary misy ______________ _____voasoratra eo. dia ny an'ny firenena roa ambin'ny folo amin'ny Zanak'lsiraely; eo atsinanana vavahady telo; eo avaratra vavahady telo; eo atsimo vavahady telo; eo andrefana vavahady telo. Ary ny mandan'ny tanàna dia misy fanorenana roa ambin'ny folo, ary misy anarana roa ambin'ny folo koa eo, dia ny an'ny Apostoly roa ambin'ny folon'ny Zanak'Ondry. Ary ilay niteny tamiko dia nanana fandrefesana volotara volamena handrefesany ny tanàna sy ny vavahadiny ary ny mandany. Ary ny tanàna

dia_________________ka mitovy ny lavany sy ny sakany; ary nandrefy ny tanàna amin'ny volotara izy, ka roa arivo sy iray alina stadio. Mitovy ny lavany sy ny sakany ary ny haavony. Ary nandrefy ny mandany izy, ka efatra amby efapolo amby zato hakiho, araka ny refin'ny olona, dia ny an'ny anjely. Ary ny mandany dia vato jaspy; ary ny tanàna dia________________toy ny fitaratra madio. Ary ny fanorenan'ny mandan'ny tanàna dia voaravaka vato soa samy hafa rehetra. Ny fanorenana voalohany jaspy, ny faharoa safira, ny fahatelo kalkedona, ny fahefatra emeralda, ny fahadimy sadonyksa, ny fahenina kameola, ny fahafito krysolita, ny fahavalo beryla, ny fahasivy topaza, ny fahafolo krysopraso, ny fahiraika ambin'ny folo hiakinta, ny faharoa ambin'ny folo ametysta. Ary ny vavahady roa ambin'ny volo dia perila roa amin'ny folo: perila iray avy ny isam-bavahady; ary ny lalambe teo an-tanàna dia tena volamena, toy ny fitaratra manganohano".

**Naoty:** Nanana fanandramana betsaka niaraka tamin'Andriamanitra ny Apostoly Paoly. Efa nahita fahitana mihitsy aza izy (2 Kor. 12 : 1 - 5). Na izany aza anefa dia mbola milaza ihany izy fa: "Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamnaitra ho an'izay tia Azy" (1 Kor. 2 : 9). Ny fiheverana fotsiny fa "tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masina, na izay manao vetaveta. na izay mandainga ..." (Apok. 21 : 27) dia efa maneho amintsika ny rivotra iainana ao. Midadasika tokoa io toerana io satria ny 21 : 16 dia ahitana fa 12000 stadio ny refiny. Fahizany, ny manodidina ny tanàna no nentina nandrefy azy. Raha izany filamatra izany no arahina dia miezinezina ity tanàna ity satria ny stadio iray dia sahabo ho 180m. Vatosoa isan-karazany tokoa no hita ao. kanefa tsy hamirapiratra araka ny tokony ho izy izany raha ao anatin'ny haizina. Ny fahazavan'i Jesosy Kristy no hanazava ao (Apok. 21 : 23) Ny fanatrehan'i Kristy. io no maha-sarobidy indrindra io tanàna io izay tsy inona fa Renivohitr'ilay tany vaovao.

**10. Iza ihany no afaka hiditra ao? Apok. 22 : 14**

**Valiny:** "Sambatra izay ___________________mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina sy hidirany amin'ny vavahady ho ao an-tanàna".

**Naoty:** Tonga teto amin'ity tany ity Jesosy mba hamonjy ny olom-bery. Nohomboana tamin'ny hazo fijaliana Izy nisolo voina antsika. Latsaka ny rany. Ny hoe manasa ny akanjony dia mandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy ny tena manokana. Amin'izay dia diovin'i Kristy amin'ny rany ny fiainantsika feno fahotana.

**FANAPAHAN-KEVITRO**:

Apetrako manontolo eo am-pelatanan' Andriamanitra ny fiainako mba hahazoako miara-miaina aminy mandrakizay.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Mbola misy tavela ihany ny fahotana any amin'ny tany vaovao
- ☐ 2. Tsy hisy fahoriana intsony any amin'ny tany vaovao
- ☐ 3. Efa tsy hiasa intsony isika any
- ☐ 4. Jesosy no hanazava an'i Jerosalema vaovao
- ☐ 5. Izay manolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra ihany no hiditra ao

# EO AMBANY LALANA
# SA
# EO AMBANY FAHASOAVANA?






**LESONA FAHA 14**

## EO AMBANIN'NY LALANA SA EO AMBANIN'NY FAHASOAVANA ?

**FITARIHAN-TENY**

Nifantoka tany amin'ity tendrombohitra mijoalajoala ny maso rehetra. Rakotry ny rahona matevina ny tendrony. Nihanatevina izany rahona ízany sady nihanitatra ka lasa niaizina mkitroka ilay tendrombolutra. Nipoaka ny kotro-baratra matohavan'iiy tselatra liaingani-pandeha. «Ary ny tendrombolutra Sinay niloa-tsetroka avokoa. satna Jehovah nidina teo amboniny tao anaty afo. día niakatra ny selroka tahaka ny setroky ny lafaoro lehibe. ary nihorohoro mafy ny tendrombolutra Sinay rehetra» (Eks 19: 18). Taminn-kery lehibe no nisehoan'ny Voninahitr’Andriamanitra ka nangovitra ny Zanak'Isiraely. Nitsahatra ny feon'ny troinpetra sy ny kotrokorana Nisy fahanginana tampoka. Tamin'izay indrindra no nomen'Andnanuinitra ny vahoakany ny Didy Folo Ahoana moa ny amin'io lalan'Andriamamtra io? Eo ambany lalána ve isika sa eo ambanin’ny faliasoavana ? Izany hoe moa manafaka amin'ny fitandrenuma ny didy ve ny finoana ?

### NY LALANA MANDRAKIZAY

**1. Iza moa no nanoratra ny Didy Folo ? Eks. 31 : 18.**

**Valiny :** «Ary rehefa vita ny teny nataony tamin'i Mosesy tao an- tendrombohitra Sinay. dia nomeny azy ny vato fisaka roa, izay nisy ny Vavolombelona. dia vato fisaka voasoratry ny rantsantanan'____________________»

**2. Manao ahoana moa ny lalàna? Rom. 7 : 12.**

**Valiny :** «Ka dia__________tokoa ny lalána, ary____________ny didy sady____
_________no____________».

**Naoty :** Tsy misy tsiny. mahatoky. mahitsy. madio (Sal. 19 : 7, 8) ny lalána. Maneho ny toetran'Andriamanitra izany. Mampahafantatra ny ota ihany koa izany (Rom. 3 : 20 ; Rom. 7 : 7) sady toy ny fitaratra (Jak. I : 23) ary oharina amin'ny mpitaiza (Gal. 3 : 24).

### NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAMPIANATRA

(Raha misy fanontaniana momba ny lalàna seremoniely na lalàm-pisoronana). Misy karazan-dalàna roa ao amin'ny Baiboly : Ny Didy Folo sy ny lalàn'i Mosesy. Ny Didy Folo dia Andriamanitra no nanoratra azy tamin'ny rantsan-tanany ary tamin'ny vato tlsaka roa (Eks. 32 : 16). Antsoina hoe lalàna moraly na lalàm-pitondran-tena ihany koa io lalàna io. Ny lalàna iray kosa dia Mosesy no nasain'Andriamanitra nanoratra azy tamin'ny boky (Deo. 31 : 24). Koa satria i Mosesy no nanoratra azy dia mazàna izy io no antsoina hoe lalàn'i Mosesy. Antsoina hoe didy ambony indrindra (andriana hoy ny naoty ery ambany, didin'ny mpanjaka hoy ny dikan-teny sasany) (Jak. 2 : 8) ny Didy Folo ; tanteraka ihany koa izany (Jak. 1 : 25). Fa ny lalàn'i Mosesy kosa dia lalàm -pi soronana, aloky ny zava-tsoa ho avy (Heb. 9 : 1 ; 10 : 1).

Hita amin'ireo andininy ireo fa tsy natao haharitra mandrakizay ny lalàm-pisoronana izay nampiseho ny tena fisoronana ataon'i Jesosy Kristy. Teo anilan'ny fiaran'ny fanekena no nametrahana azy (Deo. 31 : 25, 26). Ny Didy Folo kosa dia maharitra tsy miova mandrakizay, tao anaty fiaran'ny fanekena no nametrahana azy (Eks. 25 : 16).

**3. Inona no lazain'nv Mpanao Salamo ny amin'ny lalàna ? Sal. 111 :** 7, 8.

**Valiny :** «Ny asan'ny tanany dia fahamarinana sy fitsarana ; mahatoky avokoa ny didiny rehetra ________________mafy______________ireny, fa natao tamin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana».

**4. Inona no fanambarana nataon'i Kristy momba ny maha-maharitra mandrakizay ny lalàna ? Mat. 5:17,18.**

**Valiny :** «Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava. fa hanatanteraka. Fa lazaiko aminareo marina tokoa, mandra-pahafoan'ny lanitra sy ny tany dia ______akory amin'ny lalàna, na dia _____iray aza, mandra-pahatanterak'izy rehetra».

**Naoty :** Jesosy mihitsy no miteny eto. Nasehony tamin'Izy tety an-tany tokoa fa tonga mba hanome ohatra antsika Izy amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra.

**5. Ahoana ny amin'ny olona milaza fa mahafantatra an' Andríamanitra kanefa nandika ny didy masiny ? I Jao. 2:3.4.**

**Valiny :** «Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika, dia ny____________
_____Izay manao hoe : Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny. dia__________, ary ny marina tsy ao anatiny.

**EO AMBANY FAHASOAVANA**

**6. Inona no lalan-tokana hahazoam-pamonjena ? Rom. 1:17.**

**Valiny** : «Fa amin'izany no anehoana fahamarinana avy amin'Andriamanitra avy amin'ny________sy ho amin'ny_____________araka ny voasoratra hoe : "Ny marina amin'ny________no ho velona».

**7. Moa misy olona ho voavonjy noho ny asa tsara nataony ve ? Rom. 11:6.**

**Valiny :** «Ary raha avy amin'ny fahasoavana izany, dia tsy mba___________intsony, fa raha tsy izany dia tsy fahasoavana intsony ny fahasoavana.»

**Naoty :** Be dia be ny Kristiana no mitady fanamarinana amin'ny alalan'ny asa. Mihevitra izy fa rehefa manao asa soa dia resy lahatra Andriamanitra hamonjy azy satria mendrika eo anatrehan'ny Tompo izy. Fahadisoan-kevitra lehibe izany.

**8. Ary ahoana indray ny amin'ny fanamarinana amin'ny alalan'ny fitandremana ny lalána ? Gal. 5 : 4.**

**Valiny :** «Dia _________________amin'i Kristy ianareo na iza na iza izay mitady
_____amin'ny _______; efa________________niala tamin'ny fahasoavana ianareo».

**Naoty :** Tsy hamarinina amin'ny asa sy ny fitandremana ny lalána isika. Ny antony dia samy tsy tanteraka na ny asantsika na ny fitandremana ny lalána. Eny na dia ny

fahamarinantsika aza dia toy ny lamba mihosin-dra. Andriamanitra anefa dia mitaky asa madio mangarangarana, feno ary fankatoavana tsy misy tomika. Inona no atao ? Soa ihany fa eo Jesosy. Nanolotra ny tenany Izy mba ho faty ho antsika. Nokapohina, nampijalina ary nohomboana tamin'ny hazo fijaliana. Ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika (Isaia 53 : 4-6). Ary izany no ahazoany manamarina antsika (Efes. 2 : 8. 9). Amin'ny fotoana izay andraisantsika Azy ho Mpamonjy ny tenantsika manokana dia ¡saina ho marina isika ka eo anatrehan'ny lanitra dia tsy isika no hita fa Kristy (Rom. 5 : 17 ; 8 : 2, 4; 6 : 22). Tanterak'i Kristy ny fitakian'ny lalána. Marina ao aminy isika. Raiso ho Mpamonjy Izy ary misaora Azy mandrakizay.

## EO AMBANY FAHASOAVANA MIARAKA AMIN'NY LALANA

**9. Manafoana ny lalána ve izany ny fahasoavana ? Rom. 3 : 31.**

**Valiny :** «Koa mahafoana ny lalàna amin'ny fmoana va isika ?____________izany ! fa _______________ny lalàna isika».

**10. Afaka manaram-po mandika ny Didin' Andriamanitra ve ny olona iray satria tsy ambanin'ny lalána fa ambanin'ny fahasoavana ? Rom. 6 : 14,15.**

**Valiny :** «Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo ; fa tsy mba ambanin'ny lalána ianareo. fe ambanin'ny fahasoavana. Ahoana ary? Hanota va isika, saingy tsy ambanin'ny lalána fa ambanin'ny fahasoavana ?____________________izany !

**11. Inona no toro hevitra mahasoa nomen'ny Apostoly Paoly ? Gal. 5 : 13.**

**Valiny :** «Fa efe nantsoina ho amin'ny fahafehana ianareo. ry rahalahy. kanefa aoka tsy ho entinareo izany fahafehana izany___________________________________».

**12. Ahoana no anehoantsika ny fitiavantsika an'i Kristy ? Jao. 14 : 15.**

**Valiny : «** Raha______ ianareo, dia ________________________ny didiko»

**Naoty :** Tsy mitandrina ny Didin'Andriamanitra izany isika mba hovonjena fa mitandrina izany isika satria efa novonjeny. Tsy mahavonjy ny fitandremana ny lalàna fa mahavery kosa ny fanitsakitsahana azy satria maneho izany fa ilay Tompon'ny didy mihitsy no atosi-bohon-tanana. Tsy ambanin'ny lalána isika fa eo ambanin'ny fahasoavana fa miaraka amin'ilay lalána.

## NY FANAPAHAN-KEVITRO

Tsapako fa masina tokoa ny lalàn'Andriamanitra. Mila Mpamonjy aho mba hamela ny heloko sy hanome ahy hery hahazoako manana fiainam-pankatoavana. Tia ahy Jesosy, ary noho ny fitiavako Azy dia tapa-kevitra aho fa hitandrina ny didiny manontolo.

## FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)

- ☐ 1. Andriamanitra no nanoratra ny Didy Folo
- ☐ 2. Tsy misy tsiny, mahatoky, madio ny lalàn'i Jehovah
- ☐ 3. Nofoanan'i Kristy ny lalàna

- ☐ 4. Antsoin'ny Soratra Masina hoe mpandainga izay milaza fa mahafantatra an'Andriamanitra kanefa mandika ny didiny masina.
- ☐ 5. Eo ambanin'ny fahasoavana isika fa miaraka amin'ny lalàna.

# FANANAN'ANDRIAMANITRA SAROBIDY





**LESONA FAHA 15**

## FANANAN'ANDRIAMANITRA SAROBIDY

**FITARIHAN-TENY**

Masina Andriamanitra. ary ny fananany rehetra dia masina avokoa. Mampidi-doza ny fanimbazimbaña ireny fananan'Andriamanítra ireny. Misy fananany iray izay tena maha-sarotiny Azy tokoa dia ny tombo-kaseny. Inona moa io tombo-kaseny io ary inona no tokony hataontsika mba tsy ho anisan'ny tsy miraharaha izany fananan'Andriamanitra sarobidy izany ?

## NY TOMBOKASEN'ANDRIAMANITRA

**1. a iza no ambaran'i Jehovah fa ahitana ny tombo-kase ho an'nv vahoakany ? Isa 8 : 16.**

**Valiny :** «Fehezo ny teny vavolombelona. ary asio______________________eo amin'ny mpianatro.»

**Naoty :** Mety hanaitra antsika Kristianina angamba ny famakiana io andininy ¡o, izay ilazan'Andriamanitra mazava tsara fa ao amin'ny lalány no misy ny fanombohan-kaseny. Tsara anefa ny man amar i ka fa tena mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny Testamenta Vaovao izany. Izao tokoa mantsy no voasoratra ao amin'ny I Jaona 2 : 3, 4 : «Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika. dia ny fitandremana ny didiny; izay manao hoe fantatro Izy. nefa tsy mitandrina ny didiny dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny.» Mba hahazoana mahafantatra tsara izay voalaza teo dia mety ny manao fanadihadiana izany fanambarana izany. Andeha áry hokarohintsika ao amin'ny lalán'Andriamanitra dia ny Didy Folo (Eks. 20 : 3 - 17) ireo toetra telo hita eo amin'ny tombo-kase feno sy ara-dalána. Ireto manaraka ireto avy izany : a) Anarana ; b) Anaram-boninahitra na fahefana ; d) Faritra iadidiana sy fehezina. Moa misy didy mahafeno izany fepetra izany ve ao amin'ny Didy Folo ?

**2. Ny didy fa ha fin no ahitana ireo toetra telo ireo ? Eks. 20 : 8 - 11**.

**Valiny :** «Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'i ____________
_____Andriamanitrao ny andro fahafito : koa aza manao raharaha akory ianao amin'izany, na ny zanakao lahy na ny zanakao vavy. na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao. na ny biby flompinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana nanaovan'i Jehovah ny_____________sy ny___________
_____dia nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito ; izany no nitahian'i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy.»

**Naoty :** Hita amin'ity didy fahefatra ity ireo toetra telo mampiavaka ny fanombohakase feno anankiray.

a) Anarana : Jehovah

b) Fahefana : Mpahary (fa henemana no nanaovan'i Jehovah)

d) Faritra ananana fahefana : ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao aminy. Miharihary araka izany ary fa ny Sabata izay voalaza ao amin'ny didy faha-4 no fanombohan-kasen'Andriamanitra.

**3. Inona koa no iantsoana io tombokase io ? Ezek. 20 : 13?**

**Valiny :** «Ary nomeko azy koa ny Sabatako ho ______________ho amiko sy aminy, mba ho fantany fa Izaho Jehovah no manamasina azy.»

**Naoty :** Famantarana ihany koa no iantsoana ny Sabata. Raha ny marina izany dia ny Sabata no marika ny maha-an'Andriamanitra antsika. Mariho tsara fa amin'ny Apok. 7 : 2, 3 dia lazaina fa ny tombo-kase na ny famantaran'Andriamanitra dia atao eo amin'ny handrin'ny mpanompony. Izany dia midika ho ny saina sy ny fanekena tanteraka. Ny fananana ny anaran'Andriamanitra eo amin'ny handrina dia marika fa Andriamanitra no tompon'ny tena.

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAMPIAN ATRA**

Fanaontsika mandrakariva ny manisy marika ny fananantsika. Ny mpiompy omby dia mahalala ny maha-zava-dehibe ny marika tsy maintsy apetaka amin'ny omby tsy ankanavaka. Soratra iray fanafohezana ny anaran'ilay tompony ireny marika ireny matetika. Fomba mahazatra antsika ihany koa ny manoratra ny anarantsika amin'ny bokintsika. Inona moa no antony anaovana izany ? Tsy isalasalana fa mba hanavahana ny fananantsika amin'ny an'ny hafa. Torak'izany koa amin'ny Tompo. Manisy tombokase antsika Izy mba hanavahana antsika amin'ny hafa izay manao azy ho Kristiana nefa tsy tena izy. Koa rehefa tonga ilay fotoana hiverenany handray antsika dia hoentiny miaraka aminy any amin'ny fitoerany isika.

**AHOANA HOY NY TESTAMENTA VAOVAO ?**

**4. Ho an'ny Jiosy ihany ve no nanomezana io tombokase io ? Isa 56 : 2 - 7**

**Valiny :** «Sambatra ny__________izay manao izany, ary ny_____________izay mitana izany, dia izay________________ka tsy manao azy ho tsy masina sady miaro ny tenany tsy hanao ratsy akory. Ary aoka______________ izay manaiky an'i Jehovah tsy hanao hoe : Hesorin'i Jehovah tsy ho isan'ny olony tokoa aho.»

**Andininy 6, 7** : «Ary___________izay___________mba hanompo Azy sy ho tia ny anaran'i Jehovah mba ho mpanompony. Dia izay rehetra_________________ka tsy manao azy ho tsy masina sady mitana ny fanekeko, dia hoentiko ho any an-tendrombohiiro masina. Ka hampifaliako ao an-tranoko fivavahana; ny fanatitra odorana sy ny fanatitra hafa alatsa-dra dia hankasitrahana eo ambonin'ny alitara-ko. fa ny tranoko hatao hoe trano fivavahana ho_____________________________»

**Naoty :** Hita mazava amin'ny alalan'ireo andininy ireo fa cía nisy mihitsy faminaniana mampiseho fa ny mpino tsy Jiosy ao amin'ny Testamenta Vaovao dia tokony handray koa ny fanombohan-kasen'ny lltandremana ny Sabata. Voalaza ao amin'ny Eks. 31 : 16, 17 fa ny Sabata dia famantarana mandrakizay

amin'Andriamanitra sy ny olony. Ny Isaia 56 : I -7 indray kosa dia manambara fa izany famantarana ¡/any dia ho an'ny mpino rehetra tsy an-kanavaka, na lahy na vavy, na íirenena ¡nona niaviany, na volon-koditra. na inona fahasamihafana eo amin'ny maha-olomhelona. Tsaia koa ny mpampahatsiahy fa Jesosy Kristy Tompontsika dia mampihatra ity faminaniana ity amin'ny andron'ny Testamenta Vaovao. (Mat. 21 : 13 : Mar. II : 17; Lio. 19:46)

**5. Andro inona amin'ny herinandro moa ny Sabata ? Mar. 15:42, 43; Lio. 23: 54**

**Valiny :** a) «Ary nony hariva satria andro______________ny andro, dia ny andro alohan'ny Sabata dia avy Josefa avy any Arimatia. lehilahy manan-kaja izay isan'ny Synedriona sady niandry ny fanjakan'Andriamanitra koa ; ary sahy niditra tao amin'i Pilato izy ka nangataka ny fatin'i Jesosy.»

- «Ary andro fiomanana izany andró izany ka efa antomotra ny Sabata.»
- Ny andro nahafatesani Jesosy dia iaraha-mahalala fa ny Zoma.
- Raha Zoma izany ny andro alohan'ny Sabata dia Sabotsy ny andro Sabata, izay andro manaraka azy. (Lio. 23 : 56 ; 24 : 1 - 3).

«Ary tamin'ny Sabata dia nitsahatra ihany izy araka ny lalàna. Fa nony maraina koa tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro dia nankany amin'ny fasana izy nitondra ny zava-manitra izay efa namboariny. Ary hitany fa indro ny vato efa voakodia niala tamin'ny fasana. Dia niditra izy, nefa tsy nahita ny fatin'i Jesosy Tompo.»

- Mazava araka izany fa ny andro voalohany no nitsanganan'ny Tompo. laraha-manaiky anefa fa ny Alahady no nitsanganany. Hay hira mitondra ny lohateny hoe «Alahady andro tsara». andro fitsaharanay, nitsangananao ry Tompo» ao amin'ny F.F.P.M. dia maneho izany marimarina. Araka izany dia Alahady no andro voalohany amin'ny herinandro.

- Ary raha ny Alahady no andro voalohany amin'ny herinandro, dia mazava ho azy fa ny Sabotsy no andro fahafìto. Koa dia ny Sabotsy, no Sabatan'i Jehovah. (Eks. 20 : 10).

**6. Iza moa no Tompon'ny Sabata ? Mat. 12 : 8.**

**Valiny :** «Fa Tompon'ny Sabata aza ny____________________»

**Naoty :** Tompon'ny Sabata Jesosy Kristy. Andriamanitra Izy ka afaka niteny toy izany satria ny Sabata dia an'i Jehovah : «fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andrò fahafito ...» (Eks. 20 : 10).

**7. Nitandrina ny Sabata ve i Kristy ? Lio. 4:16.**

**Valiny :** «Dia tonga tao Nazareta, izay nahabe Azy Izy, ary ______________dia niditra tao amin'ny Synagoga tamin'ny ____________________Izy ka nitsangana hamaky teny.»

**Naoty :** Nitandrina ny Sabata tokoa Kristy. Tsy hoe sendra mba nandalo tao Nazareta Izy dia mba niditra tao amin'ny Synagoga fa mazava ny fanambarana eto : araka ny fanaony. Efa fomba mahazatra an'i Kristy mihitsy ny mitandrina sy manaja ny andro Sabata. Ny atao hoe Kristianina dia mpanara-dia an'i Kristy, mandray Azy ho modely. Nivelona amin'nylalàna izay nivelomany (1 Jao. 2 : 6). Koa raha nitandrina ny Sabata -Sabotsy izany I Kristy dia isika Kristianina koa tokony haka tahaka Azy.

**8. Inona no tenin'i Jesosy manantitrantitra fa mbola tokony hotandremana ny Sabata aorian'ny nitsanganany. ? Mat. 24 : 20.**

**Valiny :** «Mivavaha mba tsy ho amin'ny ririnina na ________________ no handosiranareo.»

**Naoty :** Tsy tao amin'ny planan'i Kristy mihitsy ny tsy hitandremana ny Sabata aty aoriana. Mikasika ny handravana an'i Jerosalema no noresahiny teto. Jerosalema anefa dia noravan'ny Romana tamin'ny taona 70 AD (taorian'i Jesosy Kristy). Nazava tamin'ireo mpianatr'i Kristy izany fampianarana izany. Nanizingizina ny Apostoly Paoly fa «mbola misy Sabata fitsaharana ho an'ny olon'Andriamanitra.» (Heb. 4 : 9). Nivavaka tamin'ny andrò Sabata ihany koa izy ireo. (Lio. 23 : 56b ; Asa 15 : 21 ; 17 : 2 : 18 : 4 ; 16 : 13 ; 13 : 14, 42,44).

## FITAHIANA NOHO NY FANAJANA NY SABATA

**9. Inona no hataon'i Jehovah ho an'izay mitandrina ny Sabata ? Ezek. 20 : 12b.**

**Valiny :** «Ary nomeko azy koa ny Sabatako ho famantarana ho amiko sy ho aminy mba ho fantany fa izaho Jehovah no______________________ azy.»

**10. Iza no hasandratr'i Jehovah amin'ny havoana amin'ny tany sy hofahanany amin'ny lovan'i Jakôba ? Isa 58 : 13, 14**

**Valiny:** «Raha_________________ka_____________ary manao ny Sabata ho fahalinaretana. ary nohamasinin'i Jehovah hoe Miendrika hohajaina ka manome voninahitra Azy ary tsy mandeha amin'ny
lalanao. na manao izay tianao. na miteniteny toana. dia______________amin'i Jehovah ianao ary_________________ao amin'ny havoana amin'ny tany ianao, sy_________
__________amin'ny lovan'i
Jakoba rainao. fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny.»

**11. Iza no atao hoe sambatra ? Isa 56 : 2a.**

**Valiny :** «Sambatra ny zanak'olombelona izay manao izany, ary ny zanak'olona izay mitana izany, dia izay______________________ka tsy manao azy ho tsy masina.

**12. Ahoana ary hoy i Jehovah ? Lev. 19 : 30.**

Valiny : «_______________________________________________Izaho no Jehovah.»

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Koa satria an'i Kristy ny Sabata ary nitandrina ny Sabata Izy dia manapa-kevitra aho hanaraka ny diany amin'ny maha-Kristiana ahy ary nitandrina sy hanaja ny Sabata.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Misy tombokase ny lalàn'Andriamanitra.
- ☐ 2. Ny didy momba ny hanamasinana ny Sabata no misy izany lombo-kasen'Andriamanitra izany.
- ☐ 3. Tsy novan'i Jesosy ho andro hafa ny Sanata.
- ☐ 4. Ny andro Sabotsy no andro fahafito.
- ☐ 5. Jehovah mihitsy no milaza fa sambatra izay mitandrina ny Sabata. Fanalahidin'ny fanontaniana : Marina avokoa

# AHOANA KOSA NY AMIN'NY ALAHADY



**LESONA FAHA 16**

## AHOANA KOSA NY AMIN'NY ALAHADY?

**FITARIHAN-TENY**

Nisongadina tamin'ny fanadihadiana nataontsika tamin'ny lesona tamin'ny lasa fa ny Sabotsy no tena andro fitsaharana marina araka ny didin'Andriamanitra ary ny Alahady no andro voalohany amin'ny herinandro. (Hoy ihany koa ny fanambaran'i MGR C. R. Givelet: "Mazava ao amin'ny Soratra Masina ny didin'Andriamanitra hoe: "MANKAMAS1NA NY ANDRO SABATA (SABOTSY). Sabotsy hatrany hatrany ny andronny Tompo tamin'ny Testamenta Taloha; Sabotsy koa tamin'ny Testamenta Vaovao fony fahavelon'i Kristy Jesosy. Ary na dia ankehitriny aza mbola Sabotsy no tanan'ny Jiosy ho andro fivavahany. Koa mipetraka àry ny fanontaniana manao hoe: Avy aiza ny Alahady?

## NY ALAHADY AO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO

Misy andalan-teny 9 milaza ny andro voalohany amin'ny herinandro ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny anaran'ny Alahady ao amin'ny Baiboly dia ny andrò voalohany amin'ny herinandro. Hodinihintsika ireo andalan-teny ireo mba hahitantsika ny marina.

**1. Inona no voalaza fa natann'ny mpianatra araka ny voalaza ao amin'ny Mat. 28 : 1**

**Valiny:** "Ary tamin'ny alin'ny Sabata raha vao nazava ratsy ny _______________ _____amin'ny herinandro dia avy _________________Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray".

**Naoty:** Nizaha ny fasana no nataon'ireto mpianatr'i Jesosy ireto. Mbola hamafisina izany amin'ireto andininy manaraka ireto: Mar. 16 : 2, 9; Lio. 24 : 1,2; Jao.20. Marihina ihany koa fa amin'ny andro fitsaharana dia tsy mividy zavatra, nefa eto dia lazaina ihany koa ireo vehivavy dia nividy zava-manitra". Manampy izany, dia voalaza fa ny Alahady dia manaraka ny andro fitsaharana.

**2. Inona no antony nivorian'ny mpianatra tamin'ny Alahady na ny andro voalohany amin'ny herinandro? Jan. 20: 19**

**Valiny:** "Ary rehefa hariva ilay andro voalohany amin'ny herinandro raha, voarindrina________________ny varavarana izay niangonan'ny mpianatra noho ny Jiosy, dia tonga Jesosy ka nitsangana teo afovoany, dia nanao tamin'ny hoe: Fiadanana ho anareo".

**Naoty:** Tsy ara-pivavahana akory ny antony nivorian'ny mpianatra. Lazaina eto fa nihidy aman-trano izy ireo noho ny fahatanorany ny Jiosy. Tsy teo am-pankalazana ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty izy satria tsy ninoany akory fa nitsangana Izy. (Jereo Mar. 16:11-14; Lio. 24 : 36 - 43).

**3. Inona no antony namorian'ny Apostoly Paoly ny mpino indray Alahady? Asa 20 : 7, 13**

**Valiny:** "Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro. rehefa niangona hamaky mofo izahay, Paoly dia nitory teny taminy. fa**_________________**, dia naharitra nitory teny mandra-pahamamatonalina izy…..Ary izahay nialoha ho any an-tsambo, dia niondrana**___________**fa eo no handraisana an'i Paoly".

**Naoty:** Tsy fomba amam-panao akory no nahatonga an'i Paoly nitarika ity fivoriana ity fa noho izy hiainga maraina ho any Aso dia tsy maintsy novitaina iny alin'iny avokoa izay tokony ho natao. aiohan'ny nandaozan'ireto mpino. Ny amin'ny hoe niangona namaky mofo dia tsy azo raisina ho fanamasinana ny Alahady ho andrò fivavahana manokana satria ireo mpianatra tany Jerosalema aza nanao izany isan andrò taorian'ny Pentekosta" (Asa 2 : 46)

**4. Inona no toro marika nomen'ny Apostoly Paoly izay natao tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro? I Kor. 16 : 1,2**

**Valiny:** "Ary ny amin'ny**__________________**ho an'ny olona masina, dia mba manaova koa ianareo toy izay nasaiko nataon'ny fiangonana any Galatia. Amin'ny andro voalohany isan-kerinandro dia samia manokana ao aminy avy ho rakitra na amin'inona na amin'inona no anambinana azy. mba ho vita rahateo ny famoriam-bola mandra-pahatongako".

**Naoty:** Tsy milaza fotoam-pivavahana velively ity toro marika ity, fa zavatra atao any an-trano. Azo taratimi amin'ny alalan'ity andalan-teny ity la rehefa manao teti-pandaniana atao amin'ny herinandro izy ireo dia tokony hanokana vola ho amin'ny andro hahatongavan'i Paoly ao an-tanàna. Tsy mampitandrina ny Alahady ho solon'ny Sabata izany ny Apostoly Paoly eto satria na dia ny tenany aza dia fatra-pitandrina ny Sabata (Asa 18 : 1 - 4). fa vao mainka aza mampitovy ny andro Alahady ho mitovy amin'ny andro hafa ankoatra ny Sabata. Any an-trano no anokanana ny rakitra na ny fanatitra. Hita izany amin'ilay teny hoe: "ao aminy avy".

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY IM PA M PI AN ATRA**

Hita miharihary amin'ny famoaboasana ireo andininy ireo ary fa tsy misy tokoa na dia andalan-teny iray ao amin'ny Baiboly mandidy antsika [mandrina ny Alahady ho andro fitsaharana. Mazava ihany koa anefa fa an-jatony ny isan'ny andininy mibaiko ny hitandremana ny Sabata Asabotsy. Avy aiza ary ny fitandremana ny Alahady raha toa ka tsy avy amin'ny Baiboly?

**NASEHO MI A LO H A FA HISY SAHY H ANOHITRA NY SABATA**

**5. Inona no fanambarana ao amin'ny Testamenta Taloha mikasika ny amin'ny fotoana sy lalàna? Dan. 7 : 25**

**Valiny:** "Ary**__________________**ny Avo Indrindra izy ary **______________**

**_____**fotoana sy lalàna".

**Naoty:** Tsara ny mahafantatra fa Jesosy Kristy dia nanizingizina mafy mihitsy la tsy tonga hanova ny lalàna Izy Mat. 5:17 sady tsy nanome alalana hanovana na dia litera iray, eny fa na dia tendron-tsoratra iray aza raha mbola maharitra koa ny andron'ny tany sy ny lanitra. (Mat. 5 : 18). Noho izany. ny fanovana na inona na inona atao amin'ny lalàn'Andriamanitra dia tsy fankatoavana ny sitrapony fa ny an'ilay anankiray izay nikomy tamin'Andriamanitra ka nihodina tamin'ny sitrapony sy voaroaka avy tany an-danitra (Apok. 12:7-9). Noho izany antony izany no mahatonga ny fitandremana ny didy ny amin'ny Sabata ho marina na tombo-kasen'ny fahatokiana amin'Andriamanitra (Ezek. 20 : 20).

**6. Tanteraka ve io fanambarana ao amin'ny Dan. 7 : 25 io?**

**Valiny:** Eny.

- Fanambaran'i R.P. CADET: Andron'ny Tompo (Fivoasana katesizy. Imprimerie Catholique, t. 358).
- Fanambaran'i MGR. CR. GIVELET

"Teny sasantsasany tokony hatao amin'ny Protestanta ity. Mazava ao amin'ny Soratra Masina ny didin'Andriamanitra hoe: "MANKAMASINA NY ANDRO SABATA (SABOTSY). Sabotsy hatrany hatrany ny andron'ny Tompo tamin'ny Testamenta Taloha; Sabotsy koa tamin'ny Testamenta Vaovao fony fahavelon'I Kristy Jesosy. Ary na dia ankehitriny aza mbola Sabotsy no tanan'ny Jody ho andrò fìvavahany.

Hatramin'ny teny voalohany ka hatramin'ny teny farany ao amin'ny Baiboly manontolo, dia tsy misy milaza fa tsy maintsy hohamasinina ho solon'ny Sabotsy ny Alahady. Koa inona sa iza no niavian'izany, rana tsy ny Eglizy Katôlika ...? Tsy manaiky afa-tsy ny Soratra Masina izahay, hoy i Lotera sy Calvin sy ny namany. Raha izany nahoana izy no manohitra isan'Alahady ny Baiboly izay mandidy hanamasina ny Sabata? Nahoana no manaiky ny Eglizy izy izay mandidy ny Alahady?"

"Raha tsy hamasinina ny Sabotsy dia tena voatsipaka mihitsy ny Soratra Masina raha ankamasinina kosa ny Alahady, dia ekeny tokoa ny Eglizy, araka ny fanaon'ny Katolika". (Tantara fohin'ny Eglizy katolika, t. 28). Araka ireo fanambarana ireo dia ny Eglizy Katôlika no manambara fa izy mihitsy no "mandidy hanamasina ny Alahady", ary ekeny ihany koa fa tsy tao amin'ny Baiboly no nandraisany izany.

Noho ny lovan-tsofina no itandremana ny Alahady, Ny didy tranainy indrindra momba ny fîtandremana ny Alahady dia didy Jentilisa. I Constantin no nanisy sonia azy tamin'ny 7 Martsa 321.

## FAMP1TANDREMANA SY ANTSO

**7. Eken'Andriamanitra ve ny tsy hitandremana intsony ny anankiray amin'ny Didy fa soloina amin'ny lovan-tsofina? Mat. 15 : 3, 9**

**Valiny: "**Ary izy namaly ka nanao taminy hoe: Nahoana kosa ianareo no mandika ny didin'Andriamanitra noho ny fampianarana voatolotra anareo? Koa__________________ ny ivavahan'ireo amiko. raha ny didin'olombelona ho______________________________izy".

**8. Ahoana ny hevitr'Andriamanitra raha mba didy iray fotsiny no iniana dikaina? Jak. 2 : 10**

**Valiny:** "Fa na iza na iza mitandrina ny lalàna rehetra, nefa diso amin'ny iray loha, dia______________________________________________rehetra".

**9. Inona no anisan'ny fahavetavetana eo anatrehan'Andriamanitra? Ohab. 28 :9**

**Valiny:** "Izay manentsi-tadiny________________ny lalàna na ny fivavahany aza dia fahavetavetana".

**10. Inona no inian'Andriamanitra tsy jerena amin'izao fotoana izao? Asa 17:30**

**Valiny:** "Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny_________________fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao __________________________"

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAMPIANATRA**

I Nicolás! Dia Andriamanjaka nalaza tamin'ny fahendreny tany Rosia, faritra izay niadidiany. Fanaony mandrakariva ny manao fitsidihana tampoka ireo toby miaramila ary matetika di a manao fitafiana tsotra izy amin'izany. Tamin'ity toby miaramila iray, nisy olona mianaka. Manam-boninahitra ambony ilay ray, ny zanaka kosa, mpitahiry volan'ny toby. Tia filibana ity tovolahy mpitahiry vola ity. Tia miloka. Tia mandany vola. Nony ela ritra tanteraka ny volany, ary dia naka tamin'ny tahirin'ny miaramila izy hanatanterahany ny sitrapony tsy voafehy. Ny niafarany rehefa nanao kaonty izy dia nahita fa ananan'ny toby trosa tsy toko tsy forohana. Very hevitra izy, kivy tanteraka. Noloarany avy tao am-paosy ny vola kely sisa tany aminy. Nosokafany ny bokim-bola. Napetrany teo ilay vola ary nasiany soratra hoe: "Be loatra ny trosako, tsy voaloako". Tapa-kevitra izy fa hamono tena. Noraisiny ny basy poleta. Nataony manitsy ny handriny ny vaany. Alohan'ny hanapoahany ilay basy anefa dia nanapa-kevitra mba hanokana fotoana fohy handinihan-tena hamisavisa fohy ny fiainany sy ny filibana vitany. Efa alina dia alina ny andro. Raiki-tory teo ny lehilahy.

Tamin'izay fotoana izay indrindra anefa no indro fa nanao fisafoana ny Amperora Nicolás I. Niditra tao anatin'ity lay nisy ilay tovolahy izy. Gaga izy teo anoloan'ny toe-javatra. Nazava taminy ny dikan'izay hitany rehefa novakiany ilay bokim-bola. Noraisiny ny penina ary izao no nosoratany teo akaikin'ilay soratr'ilay tovolahy: "Alohako ny trosanao". Sonia: Nicolás 1.

Nifoha tamin'ny torimaso ilay tovolahy. Vonona izy hanapoaka ilay poleta. Nitopy tamin'ilay bokim-bola anefa ny masony ary nahita ilay soratra sy sonia tao. Taitra izy. Tsy niño ary nilaza hoe: mba iza koa áry izany olona sahy mangalatra ny sonian'ny Amperora izany? Tonga tao an-tsainy fa hay ao aminy misy antontan-taratasim-panjakana nisy ny sonian'ny Amperora. Nokarohiny haingana ilay taratasy misy ny sonian'ny Andriamanjaka. Nampitoviny amin'ilay sonia tao anty bokim-bola. Tena mitovy! Tsy misy valaka! Tena izy. Nitomany nigogogogo toy ny zazakely ilay tovolahy. Izaho izao ve no navotana. dia izay tokony halaim-baraka aza. Teo ihany izy dia nanapa-kevitra fa ho miaramila azo antoka hanonitra ny lasa ary hanompo sy hankato ny Andriamanjaka tsy misy fepetra.

Tonga teto amin'ity tany ity ihany koa Jesosy Kristy. Namela ny akanjom-piandrianany ary nitafy ny maha-olona. Tonga teo izy mba handoa ny trosam-pahotantsika teo ambony hazo fijaliana. Ho sahintsika ve ny hampalahelo Azy ka handika ny sitrapony dia ny didiny ary ao anatin'izany ny Sabata? Tsia!

**NY FANAPAHAN-KEVITRO:**

Tompo ô, lehibe ny fitiavanao ahy. Tia Anao aho satria tia any taloha lanao. Ho marika fa tia Anao tokoa aho ary manolo-tcna tanteraka hotarihinao, dia manapa-kevitra aho hitandrina ny Sahatanao masina.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Manambara i Jesosy fa misy azo ovana ihany ny lalàna raha toa ka tendron-tsoratra iray ihany izany.
- ☐ 2. Nilaza ny Eglizy katôlika fa izy no nandidy ny hanamasinana Alahady fa tsy ny Baiboly
- ☐ 3. Nitandrina ny Alahady ny Apostoly Paoly
- ☐ 4. Ny andro fitsaharana ao amin'ny Testamenta Vaovao dia Sabotsy
- ☐ 5. Izay minia tsy mitandrina ny didin’Andriamanitra. na dia iray fotsiny aza na ny fivavahany aza dia fahavetavetana eo anatrehan’i Jehovah.

# TOKATRANO HANJAKAN'NY FAHASAMBARANA





**LESONA FAHA 17**

## TOKANTRANO, ANJAKAN'NY FAHASAMBARANA

**FITARIHAN-TENY**

Amin'ny maha-Andriamanitra fitiavana an'Andriamanitra dia ny hahasambatra antsika no zava-kendreny. Manao ny fomba rehetra Izy mba hahatanteraka izany. Anankiray amin'ireny fomba ireny ny fananganany ny tokantrano. Mba hahatonga izany tokantrano izany ho sambatra dia misy tari-dalana mazava omen'Andriamanitra ao amin'ny Teniny.Izany indrindra no fototry ny dinidinika ataontsika anio.

**NY NIANDOHAN'NY FIANAKAVIANA**

**1. Iza no namorona ny tokantrano ? Gen. 2 : 18, 22.**

**Valiny :** «Ary__________________nanao hoe : Tsy tsara raha irery ralehilahy ; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy. Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i ____ _____tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy.»

**2. Iza no nitso-drano ny fanambadiana voalohany ? Gen. 1 : 28a.**

Valiny : «Ary_____________nitso-drano azy hoe : Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany ...»

**M ASINA NY FANAMBADIANA**

**3. Inona no fitsipika ambony nomen'Andriamanitra ny vahoakany ? Lev. 19 : 2**

**Valiny :** «Mitenena amin'ny fiangonana, dia ny Zanak'lsiraely rehetra, hoe:______ __________ ianareo, saria masina Aho, Jehovah Andriamanitrareo.»

**4. Inona no hafatrafatra omen'ny Baiboly momba ny fahamasinan'ny fanambadiana ? Heb. 13 : 4.**

**Valiny :** «________________amin'ny olona rehetra ny fanambadiana, ary aoka tsy ho voaloto ny fandriana ; fa ny mpijangajanga sy ny mpaka vadin'olona dia hohelohin'Andriamanitra.»

**5. Inona ihany no antony hahazoana misara-panambadiana ? Mat. 19 : 9**

**Valiny :** «Fa lazaiko aminareo : Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, afa-tsy__ ____________________ihany, ka mampakatra ny hafa, dia mijangajanga; ary izay mampakatra ny voasaotra dia mijangajanga koa.»

**Naoty:** Ny fanambadiana dia firaisana mandra-pahafaty. Raha latsaka amin'ny fijangajangana na ny lahy na ny vavy, dia eken'Andriamanitra ny físarahana ; kanefa tsy hoe zavatra tsy maintsy hatao tsy akory i zany . Adidin'ny andaniny sy ny ankilany ny manao izay hamahana ny olana amim-pitiavana sy amim-pivavahana.

**6. Handova ny fanjakan'Andriamanitra ve ny mpijangajanga sy ny maloto fitondrantena? 1 Kor. 6 : 9, 10.**

**Valiny :** «Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra ? Aza mety hofitahina ianareo : fa ny mpijangajanga sy ny

mpanompo sampy sy ny mpaka vadin'olona sy ny sodomita sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanaratsy ary ny mpanao an-keriny dia ________ ________________ny fanjakan'Andriamanitra.»

**NY ANDRAIKITRY NY MP1ANAKAVY**

**7. Inona no andraikitry ny lahy amin'ny vavy ? Efes. 5 : 25.**

**Valiny :** «Ianareo lehilahy________________________ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy.»

**8. Ary inona kosa no andraikitry ny vavy amin'ny lahy ?**
**Efes. 5 : 22.**

**Valiny :** «Ianareo vehivavy,______________________ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo.»

**9. Inona no adidin'ny ray aman-dreny amin'ny zanany ? Efes. 6 : 4; 1 Tim. 5 : 8.**

Valiny : «Ary ianareo ray. aza mampahatezitra ny zanakareo______________amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy. Fa raha misy tsy_____________________ny azy indrindra fa ____________dia efa nanda ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza.»

**Naoty :** Adidy masina napetrak'Andriamanitra eo an-tsoroky ny ray aman-dreny ny mitaiza ny zanany araka ny Soratra Masina, izany hoe. manomana azy mba ho olom-pirenena modely eto amin'ity tany ity ary ho vahoakan'ny fanjakan'ny lanitra mandritra ny mandrakizay. Andraikiny eo anatrehan'ny Tompo ihany koa ny mamelona sy ny mikarakara ny ankohonany.

**10. Inona kosa ary no adidin'ny ankizv amin'ny ray aman-dreny? Efes.6: 1,2.**

**Valiny :** «Anaka_________________ny ray sy ny reninareo ao amin'ny Tompo, fa marina izany. "__________________ny ray sy ny_____________________reninao" (fa izany no didy voalohany misy teny fikasana).»

**11. Ahoana no tokony ho fihctsiky ny mpiasa na ny mpanompo eo anatrehan'ny mpampiasa ? Efes. 6:5-7.**

**Valiny :** «lanareo mpanompo, ____________________ny tomponareo araka ny nofo amin'ny fahatahorana sy ny fangovitana, amin'ny fahatsoran'ny fonareo, toy _____ __________an'i Kristy ihany, tsy amin'ny fanompoana eo imaso, tahaka ny mpila sitraka amin'olona. fa tahaka ny mpanompon'i Kristy manao izay sitrapon'Andriamanitra amin'ny fo, amin'ny sitrapo manao fanompoana toy ny amin'ny Tompo, fa tsy amin'olona.»

**Naoty :** Ny mpiasa na ny mpanompo izany dia tokony hanatanteraka ny asany antsakany sy andavany amim-pitiavana sy amim-panajana ary amin'ny fahatsapana fa ny mason'Andriamanitra no mahita.

**12. Ahoana kosa no tokony hitondran'ny mpampiasa ny mpiasa ? Efes. 6 : 9.**

**Valiny :** «Ary ianareo tompo_______________aminy kosa, ka____________satria fantatrareo fa ny Tompony sady Tomponareo koa dia any an-danitra ; ary tsy misy fizahan- tavan'olona aminy.»

**Naoty :** Ny mpampiasa dia tsy hanjakazaka sy hanampatra fahefana fa hitondra amim-pitiavana sy hahatsiaro mandrakariva fa mañana Tompo any an-danitra koa izy.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** : Inoako sy ekeko ny fitsipiky ny fianakaviana araka ny nanorenan'Andriamanitra azy. Manapa-kevitra aho fa hiaina araka ny drafitr'Andriamanitra.

F**ANONTAN1ANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Noforonin'Andriamanitra hitoetra manirery ny olombelona.
- ☐ 2. Nokendren'Andriamanitra hitondra fahasambarana ho an' ny olombelona ny fananganany ny tokantrano.
- ☐ 3. Hisy mpijangajanga handova ny fanjakan'Andriamanitra.
- ☐ 4. Ny vehivavy dia tokony hanaiky mandrakariva ny vadiny.
- ☐ 5. Ny fifankatiavana, ny fifandeferana. ny fifanajana, ny Fifanompoana: ireo no fitsipika omen'Andriamanitra mba ifampitondran'ny mpianakavy hahasambatra azy ireo.

# TENA MATY VE NY MATY?





**LESONA FAHA 18**

## TENA MATY VE NY MATY?

**FITARIHAN-TENY**

Maro ny fanontaniana mipetraka ao an-tsaina rehefa manoloana vatana mangatsiaka ny tena. Fihetseham-po isan-karazany ihany koa no mibahana ao anaty ao : fahatsapana fa voafetra. alahelo, eny nety ho fahakiviana aza. Sesehena ihany koa ireo foto-kevitra sy fampianarana manodidina ity fahafatesana ity. Ny fanontaniana lehibe indrindra mipetraka dia ny hoe :

- Maty ve ny maty sa velona ?
- Ho resy ve ity fahafatesana ity ?

## METY MATY NY OLOMBELONA

**1. Ahoana ny fomba namoronana ny olona ? Gen. 2 : 7.**

**Valiny :** «Ary ______________no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary ___________mahavelona ny vavorony ; dia tonga izy.»

**Naoty :** Hita avy amin'io andininy io fa vovoka nampiana fofonaina no lasa olombelona. (Vovoka + Fofonaina = Olombelona).

**2. lnona no fepetra napetrak'Andriamanitra tany Edena mba hahatonga ireo razambentsika ho velona ? Gen. 2 : 17.**

**Valiny :** «Fa__________________dia ; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao.»

**Naoty :** Mety maty ny olombelona. Tsy zony tsy azo esorina aminy ny tsy fahafatesana, fa mbola misy fepetra dia ny fankatoavana.

**3. lnona no ambaran'ny Soratra Masina momba izany ? 1 Kor. 15: 53**

**Valiny :** «Fa ity _______________ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahalovana, ary ity ___________________ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana.»

**4. Iza ihany no manana ny tsy fahafatesana ? I Tim. 6 : 15, 16a.**

Valiny : «Ny Andriana finaritra sady tokana sy Tompon'ny Tompo, no haneho izany amin'ny fotoany ; _________ihany no manana ny_________________ _____»

## MANAO AHOANA NY OLONA REHEFA MATY?

**5. Inona moa no miseho rehefa maty ny olona ? Sal. 146 : 4**

**Valiny :** «_______________, ka________________izy; ary amin'izay indrindra no hahafoanan'ny fikasany.»

**Naoty :** Hitantsika tery aloha fa : Vovo-tany + Fofonaina = olombelona. Eto izany dia ny mifanohitra amin'izay no miseho : Vovoka - Fofonaina = Olona maty.

**6. Moa mahafanta-javatra ve ny maty ? Mp. T. 9 : 5, 6.**

**Valiny :** «Fa fantatry ny velona fa ho faty izy ; fa ny maty kosa tsy mba_________ _____ary tsy manana valim-pitia intsony izy ; fa hadino ny fahatsiarovana azy. Na ny

fitiavany. na ny fankahalany, na ny fialonany, dia samy efa levona ela sady tsy manana anjara intsony mandrakizay amin'izay atao aty ambanin'ny masoandro izy.»

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAMPIANATRA**

Nisy mpivady iray nanana zanaka sivy mianadahy. Tsy nahantra izy mianakavy kanefa tsy nanan-karena ihany koa. Indrisy anefa fa nopaohin'ny fahafatesana ilay raim-pianakaviana mpamelona. Ny lahimatoa, izay vao 19 taona monja no lasa fandrotrarana an-tanána haolo ka nandimby ray tsy satry. Izy no lasa mpamelona ireo zandriny sy ny reny malalany. Indray andró nisy hevitra tonga tao an-tsainy. Niño izy fa mitahy ny razana ary afaka manampy ny velona. Hoy izy tamin-dreniny : «Neny ô. nahita hevitra aho mba hanalana ny fahasahiranantsika.» «Inona izay hevitrao izay anaka», hoy ilay reny ta hahalala. «Izao no izy», hoy ity tovolahy, «tapa-kevitra aho fa andeha hamono tena, ary rehefa any aho dia handrotsaka fitahiana be dia be ho anareo, ka tsy hanan-java-mahory intsony ianareo. Ireny antitra ireny aza afaka mitahy, ka mainka fa izaho mbola tomady sy matanjaka ity. Avelao aho hamono tena.» «Tsia». hoy ilay reniny, «tsy mety mihitsy izany hevitrao izany fa ialao miaraka amin'ny vava. lanao izao mba efa lehibebe solon-drainao manampy ahy eto. koa ahoana ianao no hamono tena.»

Nitalaho. nanao an-dranomaso leo ilay reny kanefa. nahagaga, tsy iaiira nahodina mihitsy ity zanany lahimatoa mba nianteherany. Tsy ela taorian'm resaka nifanaovan'izy mianaka dia namono tena tokoa andriamatoa. Ranomaso havozona ny azy mianakavy. tsy hay nampiononona. Lasa ny andró, nikoriana ny volana. nivalona ny taima, tsy nisy fitahiana avy tamin'ilay lahimatoa namono tena. Vao mainka nihanahantra aza izy mianakavy satria ilay nantenaina hamelona efa lasa nodimandry. Eny, marina lokoa ny voalaza ao amin'ny Mpitoriteny. «levona ny fitiavany.» Ary izay indrindra no voalaza ao amin'ny Salamo 146 : 4 manao hoe : «Miala ny fofonainy. ka miverina ho amin'ny taniny izy ; Ary amin'izay indrindra no hahafoanan'ny fikasany.» Foana ny flkasan'ity tovolahy ity. Hoy ny voalaza ao amin'ny Joba hoe : «Omem-boninahitra ny zanany, neta tsy fantany : Ary mietry ireo, nefa tsy hitany.» (Joba 14 : 21). Tsy afaka mitahy tokoa ny razana sy ny olo-masina.

7. **Moharin'i Kristy tamin'ny inona moa izao fahafatesana mihatra amin'ny olona rehetra ankehitriny izao, na ratsy fanahy izy na tsara fanahy ? Jao. 11:11-13.**

**Valiny :** «Izany no nolazainy : ary rehefa afaka izany. dia hoy Izy taminy :_______ _____lazarosy sakaizantsika : fa handeha hamoha azy Aho. Dia hoy ny mpianatra taminy : Tompoko, raha matory izy, dia ho tsara ihany. Nefa Jesosy nilaza ny fatiafatesany ; fa nataon'izy ireo kosa fa ny fialan-tsasatra amin'ny torimaso no nolazainy.»

**8. Mivavaka amin'Andriamanitra ve ny fanahin'ny maty ? Sal. 6 : 5**.

**Valiny :** «Fa tsy misy fahatsiarovana Anao any amin'ny fahafatesana. Any amin'ny fiainan-tsy hita____________no_____________________________________Anao ?»

**9. Moa ve tsy tonga dia mankany an-danitra ny tsara fanahy ? Asa 2 : 29.34a.**

**Valiny :** «Ry rahalahy. aoka aho mba hilaza aminareo marimarina ny amin'i Davida patriarka. fa efa maty izy ka nalevina koa. ary ny tasany eto amintsika mandraka androany. Fa___________________Davida no ___________________tany an-danitra.»

**Naoty :** Tsia, tsy mbola any. fa na i Davida aza tsy mbola any.

**10. Aiza ary aloha no misy ny maty rehetra ? Joba 17 : 13.**

Valiny : «Na dia miandry aza aho, dia ny seoly no fonenako ; ao amin'nv haizina no namelarako ny fandriako.» (Dikan-teny Katolika).

**Naoty :** Ny hoe «seoly» dia tsy inona fa ny fasana.

**11. Miaraka amin'ny nofo ao amin'ny seoly koa ve ny fanahy? Sal. 89 :48.**

**Valiny :** «Iza no velona tsy hahita fahafatesana, ary zovy no hahafaka ny fanahiny amin'ny herin'ny seoly ?» (Dikan-teny Katolika).

**12. Mety maty koa ve izany ny fanahy ? Ezek. 18 : 4b**

Valiny : «Ny fanahy izay manota no ho_____________________»

**13. Ahoana ary izany no hanazavana ilay teny ao amin'ny Mpit. 12 : 7** manao hoe : «Ka ny vovoka dia hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny ?»

**Valiny sy Naoty** : Tsara ny manamarika fa tsy mba mifanohitra na oviana na oviana ny Tenin'Andriamanitra. Matoa toa misy fifanoherana hita ao dia ny fanazavana izay no mbola tsy ampy. Eto izao, raha jerena ny teny Hebreo ilazana ny hoe «fanahy» dia «ruach». lo teny io ihany no entina ilazana ny «fofonaina» sy ny rivotra. Koa raha izany no izy dia azo adika ho toy izao io andininy io : «fa ny fofonaina kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny. Mifanaraka tsara amin'izay voalaza teo alona izany. Mba ho fanamafisana izay voalaza dia andeha hodinihintsika izay voasoratra ao amin'ny Isa 57 : 16 manao hoe : «Fa tsy hifandahatra mandrakariva Aho ary tsy ho tezitra mandrakizay ; fandrao ho reraka eo anatrehako ny fanahy, dia ny aína izay nataoko.» Misongadina eto sahady fa ampitovin'ny Baiboly ny teny hoe «fanahy» sy ny teny hoe «aina» : «ny fanahy. dia ny aina». Ary eo amin'ny teny hoe aína, dia misy tarehimarika kely (4) manondro ery ambany. Izao no vakiny : Heb. fofonaina. Izany hoe, io teny hoe aina io dia fofonaina amin'ny teny Hebreo. Koa raha izany ary no izy dia mazava fa : fanahy - aina = fofonaina. Ary ny fofonaina dia tsy manana ny maha-izy azy fa rivotra ihany.

**14. Ahoana kosa indray ary ny amin'ireny angatra sy avelo ireny ? 2 Kor. II : 14.**

**Valiny :** «Ary tsy mahagaga izany. fa________________aza_______________ho tahaka ny anjelin'ny mazava.»

**Naoty :** Mazava ao amin'ny Baiboly fa ny maty dia maty ary «tsy mba mahalala na inona na inona. sady tsy mañana anjara intsony mandrakizay amin'izay atao aty ambanin'ny masoandro.» Noho izany dia tsy ny razantsika nodimandry mihitsy izany ireny «miseho» ireny fa i Satana sy ny anjeliny (devoly) izay maka ny endrik'ireny havantsika na olom-pantatsika efa maty ireny. Vitany izany satria na ny anjelin'ny mazava aza hainy ny maka ny endriny.

**NAOTY FANAMP1NY HO AN'NY MPAMPIANATRA**

Nandroso dia nandroso ny spiritisma. na ny fiantsoana avelo tany Frantsa nandritra ny Ady Lehibe Anankiray amin'ny antony nahatonga izany dia ny hamaroan'ireo lehilahy maty an'ady. Nanatona mpiantso avelo ireo namoy havana. Antsoiny eo ny avelon'ilay malala nafoiny ary dia niresaka tamin'ny havany izay nitady azy «Hay maty.» Tamin'izany fotoana izany indrindra no nisy tokantrano vao, nanjakan'ny fitiavana. Indrisy anefa fa semban-drahona izany fiainana nirindra sy feno fiadanana izany. Voantso miaramila ralehilahy. Alahelo no nameno ny fiainan'izy roa nandre izany vaovao izany. Tsy tantiny izany hoe hisaraka izany. Tsy azo nivalozana anefa ny fíantsoana ho miaramila. Tsy azo nolavina. Ny hany herin'izy roa dia ny nifanome foky fa hifanoratra. Lasa tany am-bava ady ilay vady malala. Nandeha ny andro, nivadika ny volana; tsy tapaka ny fifanoratana araka ny fífanekena. Akory ny hafalian-dravehivavy teo am-pandraisana ireny taratasy ireny. Tsy nitohy anefa izany fifaliany izany. Volana vitsivitsy izao no efa sasa-niandry taratasy izy kanefa indrisy fa tsy nahazo. Niandry, niandry . niandry. Tsy nisy ! Nanomboka ho kivy izy. Azony an-tsaina fa tsy maintsy lavo tany an-tany fíadiana ny malalany. Nisaona izy sy ny fianakaviana. Nisy hevitra tonga tao an-tsainy. «Ndeha aho». hoy izy. «hanatona mpiantso avelo, mba hahazoako mifandray aminy. Dia lasa izy. Nantsoin'ity mpiantso avelo ny vadiny. Dia niresaka teo izy roa. Natetika dia natetika izany firesahana izany. satria, «io sisa», hoy ravehivavy, «no hany fomba ahazoako mifandray aminy.» Nikoriana ny taona. Tapitra ny ady. Nandresy i Frantsa. Indray andró, indray hariva. indro, nisy nandondona ny vara varan’ny trano nipetrahan-dravehivavy. Nanontaniana ny anarana. Akory ny hatairany fa ny anaran'ny vadiny, sy ny feon'ny vadiny no reny Nihorina ny hodi-dohany. Sady natahotra mafy izy no niteny hoe «Aoka ! Aza mankaty ianao fa matahotra aho !» Gaga ny vadiny. Fa inona no zava-nitranga? Niangavy an-dramatoa vadiny izy mba hamoha ny varavarana. Nony taran y. sahy namoha ny varavarana ihany ravehivavy ka niteny hoe «miangavy anao aho mba handeha fa matahotra aho.» Vao mainka gaga Hay rangahy. Nanontany ny antony izy. Sady natahotra Hay ramatoa no niteny taminy nanao hoe : «Mandehana ianao fa efa maty ianao.» Teo vao nazava tamin-dralehilahy

fa nandeha namangy ireny mpiantso avelo ireny ity vady malalany. Koa dia nanazava taminy sy nandresy lahatra azy izy fa tsy maty tsy akory fa mbola velona. Nafana dia nafana ny ady ka tsy afa-nanoratra intsony izy. Rehefa vita izany fanazavana izany vao nino ramatoa fa hay mbola velona ihany ity vady malalany. Nifamihina tamin-dranomaso teo izy roa. Tafaverina indray ny fifaliana feno. Iza àry iny avelo niresaka tamin'ity ramatoa ity iny ? Avelon'iza iny? Avelon'ny vadiny ve? Tsia ! Mbola velona izy. Mazava fa ny devoly no naka tahaka ny feon'ity rangahy ka namitaka an-dravehivavy. Tena manova ny endriny tokoa ny devoly. Tsy tian'Andriamanitra ny hiresahantsika amin'ny devoly ka izany no handrarany antsika tsy hifandray amin'ny maty. Vakio Deo. 18 : 10, 11.

**FANANTENANA SAROBIDY**

**15. Inona no fanantenan'ny marina ? I Tes. 4 : 16, 17**

**Valiny :** «Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no_________________aloha ; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka ; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.»

**Naoty :** Ny fitsanganana amin'ny maty no fanantenana hoan'ny mpino izay efa nodimandry. Tsy avy dia lasa any an-danitra izy fa mbola ao am-pasana. Avy ao no hamohazan'llay Tompony azy hitsena Azy eny amin'ny rahon'ny lanitra. Hitsangana hitafy ny tsy fahafatesana izy amin'izay fotoana izay, ary ireo izay mbola tratra velona teo am-panompoana ny Tompo kosa dia hovana. (1 Kor. 15 : 52, 53 ; Fil. 3 : 20. 21 ). Eny, ho resy tokoa ny fahafatesana. ( 1 Kor. 15 : 54).

**16. Inona no hizingizinina ao amin'ny Apok. 21 : 4 ?**

**Valiny :** «Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony ; ary_________ _____intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana ; fa efa lasa ny zavatra taloha.»

**17. Inona ary no tokony hataontsika dieny izao ? Jao. 11 : 25.**

**Valiny :** «Hoy i Jesosy taminy : Izaho no___________________________________ __________: izay______________Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray.»

**Naoty :** Ny fanolorantsika ny tenantsika ho an'Andriamanitra, ny fandraisana an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tenantsika manokana, no tokony hataontsika isan'andro.


**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Jesosy ô, ianao no nanome aina ahy, avy taminao ny tlainako, noho izany dia averiko aminao sy atolotro Anao manontolo ny fiainako mba hahazoako ny fiainana mandrakizay.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Tsy mahalala na inona na inona ny maty.
- ☐ 2. Afaka midera an'Andriamanitra ny maty.
- ☐ 3. Tsy mbola any an-danitra i Davida fa ao am-pasana.
- ☐ 4. Afaka miseho amin'ny endriky ny olona efa maty ny devoly.
- ☐ 5. Ny fitsanganana amin'ny maty no fanantenana ho an'izay maty ao amin'i Kristy.

# NY FITOERANA MASINA



**LESONA FAHA 19**

## NY FITOERANA MASINA

**FITARIHAN-TENY**

Namakivaky ny efitra ny Zanak'Isiraely. Niala avy tany Egypta izy ireo ary nizotra nankany amin'ny tany Kanana. Andriamanitra mihitsy no nitarika ny diany. Nandritra izany fotoana izany indrindra no nandraisany ny baiko ny amin'ny hanaovana ny fitoerana masina. Ahoana moa ny amin'izany fitoerana masina izany?

**NY FITOERANA MASINA TETY AN-TANY**

**1. Inona no baiko nomena ny Zanak'Isiraely tany an'efitra? Eks. 25 : 8**

**Valiny:** "Ary asaovy______________________ho Ahy izy, dia honina eo aminy Ano".

**2. Nisy efitra firy ny fitoerana masina tety an-tany? Eks. 26 : 33**

**Valiny:** "Ary ny efitra lamba dia ataovy eo ambanin'ny farango; ary ampidiro ao anatin'ny efitra lamba ny fiaran'ny Vavolombelona; ary ny efitra lamba no hampisaraka __________________sy ___________________________ho anareo".

**3. Inona avy moa no fanaka tao amin'ny efitra voalohany? Heb. 9 : 2**

**Valiny:** "Fa nisy tabernakely voavoatra: ny efitra voalohany, ilay atao hoe "ny fitoerana masina", izay nisy ny__________________sy ny ___________________ _____ary ny ______________"

**4. Inona avy ny fanaka tao amin'ny efitra faharoa? Heb 9:3-5**

**Valiny:** "Ary ao anatin'ny efitra lamba faharoa no nisy ny tabernakely izay atao hoe "ny fitoerana masina indrindra", izay nisy___________________ fandoroana ditin-kazomanitra sy ny ___________________izay voapetaka takela-bolamena avokoa; ary tao anatin'io nisy ny ________________izay nitoeran'ny mana, sy ny _____ ____________________Izay nitsimoka, ary ny_________________________; ary teo ambonin'io koa ny __________________nisy ny voninahitra, izay nanaloka ny __ _____________________________tsy azonay lazaina tsirairay ireo ankehitriny".

**Naoty:** Tsara ny manamarika ta ny lovia volamena voalaza eto dia alitara volamena fandoroana ditin-kazo manitra; ny vilany volamena sy ny tehin'i Arona ary ny vato fisaky ny didy folo dia zavatra natao tao anatin'ny fiaran'ny fanekena; ny rakotr'io fiara io no atao hoe rakotra fanaovam-panavotana. Teo ambonin'io rakotra fanaovam-panavotana io no nisy ny kerobima roa; ary teo anelanelan'ny kerobima no nisy ny voninahitr' Andriamanitra, niseho tamin'ny endriky ny setroka namirapiratra.

**5. Nisy karazany firy ny fanompoam-pivavahana nataon'ny mpisorona? Eks. 29 : 38, 39; Heb. 9 : 7a**

**Valiny:** "Ary izao no haterinao eo ambonin'ny alitara: zanak'ondry roa izay iray taona __________________________________(ny zanak'ondry iray haterinao nony maraina. ary ny zanak'ondry iray koa haterinao nony hariva)." "Fa ny faharoa kosa no

idiran'ny mpisoronabe irery ihany indray mandeha__________________________ _____"

**Naoty:** Misy karazany roa ny fanompoam-pivavahana nataon'ny mpisorona. dia ny fanompoam-pivavahana fanao isan'andro ary ny fanompoam-pivavahana fanao i san-taona.

**6. Filtra inona no nanaovana ny fanompoam-pivavahana fanao isan'andro? Heb. 9 : 6**

Valiny: "Ary rehefa voavoatra toy izany ireo zavatra ireo. dia miditra mandrakariva eo amin'ny ________________________ny mpisorona hanefa ny fanompoam-pivavahana".

**7. Efitra inona kosa no nanaovana ny fanompoam-pivavahana isan-taona? Heb. 9 : 7**

**Valiny:** "Fa ___________________kosa no idiran'ny mpisoronabe irery ihany indray mandeha isan-taona".

**8. Nodiovina tamin'ny inona ny fitoerana masina? Lev. 16 : 19, 20**

**Valiny:** "Dia hofafazany_____________impito amin'ny fanondrony izy ka hodioviny sy hohamasininy ho afaka amin'ny fahalotoan'ny Zanak'Isiraely. Ary rehefa vitany ny fanavotana ho an'ny fitoerana masina sy ny tranolay fihaonana ary ny alitara, dia hampanatoniny ny osilahy velona".

**Naoty:** Mbola hamafisina io fanambarana io ao amin'ny Heb. 9 : 22, 23a manao hoe: "Ary saiky diovina amin'ny ra avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalana: fa raha tsy misy ra alatsaka. dia tsy misy famelan-keloka. Izany andro izany no antsoina hoe ANDRO FANAVOTANA; Tsy maintsy nampahory ny tenany tamin'ny alahelo ampanahy noho ny ratsy vitany ny Zanak'Isiraely, satria mampiseho ny andro fitsarana io andro io: "Fa ny olona rehetra izay tsy mety miory amin'izany andrò izany dia hofongorana tsy ho amin'ny fireneny". Lev. 23 : 29

**NY F1TOERANA MASINA ANY AN-DANITRA**

**9. Misy inona moa any an-danitra? Apok. 11 : 19a**

**Valiny:** "Ary novohana_______________any an-danitra, ka hita________________teo anatin'ny tempoliny".

**10. Endriky ny inona moa ny fitoerana masina tety an-tany? Heb. 8 : 5**

**Valiny:** "Dia ireo manao fenompoam-pivavahana amin'izay endrika sy aloky ny zavatra ______________________tahaka ny natoron'Andriamanitra an'i Mosesy, rehefa hanao ny tabernakely izy; fa hoy

Izy: Tandremo mba hataonao araka ny endrika____________________tao an-tendrombohitra ny zavatra rehetra".

**Naoty:** Endriky ny fitoerana masina any an-danitra ny fitoerana masina tety an-tany. Hoy i Jehovah tamin'i Mosesy: "Ary tandremo mba hataonao araka ny endriny izay

naseho taminao tao an-tendrombohitra izy". (Eks. 25 : 40) Ahitana filazana maromaro momba ny Fitoerana masina any an-danitra ihany koa ao amin'ny Apòkalypsy. Ohatra: Apok. 7 : 15; 14:15,17

**11. Iza moa no mpisoronabe ao amin'io fitoerana masina any an-danitra izay tena tabernakely io? Heb. 8:1,2**

**Valiny:** "Ary amin'izany zavatra lazainay izany dia izao no fotony: Manana _____ _____toy izany isika. dia__________efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'ny ___________any an-danitra, Mpanao fanompoam-pivavahana___ __________________sy ny____________________________, izay naorin'ny Tompo, fa tsy olona".

**Naoty:** I Jesosy no Mpisoronabe ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra. Ny mpisorona tamin'ny Testamenta Taloha dia nanao fisoronana izay tandindona sy fanehoana ny fisoronana ataon'i Jesosy ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra. 1 Jesosy no Mpisorona tokana sady tsy dimbiasana tahaka ny mpisorona olombelona (Heb. 7 : 23 - 25; 3 : 1 ). Koa satria anisan'ny tenan'i Kristy ny mpino tsirairay ( 1 Kor. 12 : 27; Kol 1:18) dia antsoina hoe mpisorona koa izy ka afaka manatona mivantana an'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy (1 Pet. 2 : 9, 10; Heb. 4 : 14-16).

**12. Manao ahoana moa ny asa fisoronana ataon'i Kristy amin'izao fotoana izao? Heb 8 : 6**

**Valiny:** "Fa ankehitriny efa manazo fanompoam-pivavahana________________ noho ny an'ireny Izy, dia araka ny nanaovana Azy ho Mpanalalana amin'ny fanekena _______________________Izay natao tamin'ny teny fikasana tsara lavitra"

**Naoty:** Mahafaly ny mahalala fa i Jesosy no Mpanalalana tokana sy ampy amin'Andriamanitra sy ny olona (1 Tim. 2 : 5; Jao. 14 : 6; Asa 4 : 11, 12). laraha-mahalala fa ny mpanalalana dia manao ny asa fanalalanana ho an'ny andaniny sy ny ankilany. Manalalana ho antsika eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanolorana ny fahamendrehany noho ny rany sy amin'ny fangatahana famelana ny fahotana efa nibebahantsika i Kristy (Rom. 3 : 24, 26; 1 Jao. 1 : 7. 9; 1 Jao. 2 : 1,2).

**13. Aiza no anaovan'i Jesosy ny asa fifonana amin'izao fotoana izao? Heb. 9 :24**

**Valiny:** "Fa Kristy tsy mba niditra tao amin'izay Fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon'ny_____________________________________, fa ho any an-danitra tokoa, mba hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ankehitriny ho antsika".

**Naoty:** Mifona ho antsika ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra i Kristy. Ataony amin'ny fotoana rehetra izany ary amin'izany no anefany ny trosan'ny fahotana nibebahantsika rehefa manaiky Azy ho Mpamonjy sy Mpanalalana antsika isika. Vitany izany satria efa naloany tamin'ny alalan'ny rany ny avotra ho antsika.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO**:

Ekeko ho Mpanalalana ahy lanao Jesosy ô. Miangavy Anao aho mba hifona ho ahy eo anatrehan'ny Ray.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Misy fitoerana masina anankiroa voalaza ao amin'ny Baiboly.

☐ 2. Tandindon'ny any an-danitra ny fitoerana masina tety an-tany.

☐ 3. I Kristy no Mpisoronabe any amin'ny fitoerana masina any an-danitra.

☐ 4. Mifona ho antsika Izy amin'izao fotoana izao.

☐ 5. Mahomby tokoa ny fifonana ataon'i Jesosy satria efa naloany ny trosam-pahotan'ireo izay mibebaka.

# NY FITSARAN'NY LANITRA











**LESONA FAHA 20**

## NY FITSARAN'NY LANITRA

**FITARIHAN-TENY**

Anisan'ny zavatra atahoran'ny olona ny hiatrika fitsarana. Noho ny tahotra fitsarana no mahatonga ny maro hifady tsy hanao ratsy. Fitsaran'ny tany ihany anefa izany. Mba manao ahoana ny fitsaran'ny lanitra? Ahoana marina ny amin'io ary inona no tokony hataoko mba hahazoako miatrika izany fitsarana izany tsy amin-tahotra.

**HAFATRA MANETRIKETRIKA**

**1. Inona no hafatra miezinezina torin'ny anjely izay mañana ny fílazantsara mandrakizay? Apok. 14 : 6, 7.**

**Valiny :** «Matahora an'Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy, fa______________ __________ary miankohofa eo anoloan'lzay nanao ny lanitra sy ny tany, sy ny ranomasina ary ny loharano.»

**Naoty :** Fanambarana miezinezina tokoa io voambara eto io : Tonga ny andr fitsarana. Miaina amin'ny fotoanan'ny fitsarana izany isika izao. Marihina fa ity hafatra ity dia mifandray amin-javatra roa loha izay mifaningotra : ny iray hiseho any an-danitra ary ny iray kosa ety an-tany. Ny fitsarana voalaza eto dia atao ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra. satria any amin'ny faramparan'io toko io dia voalaza fa misy anjely mivoaka avy tao amin'ny tempoly nitondra fijinjana maranitra hoenti-mijinja (Apok. 14:14-16). Ny zavatra faharoa kosa dia hiseho ety an-tany. toerana hiankohofana amin'Andriamanitra araka ny vakin'ny didy mampitandrina ny Sabata ho andró fitsaharana (Eks. 20:8-11).

**INONA NO MITRANGA AO AMIN'NY FITOERANA MASINA**

**2. Raha dinihina ny Testamenta Taloha, fomba ahoana no nahazoan'ny mpanota famelana ny helony ? Lev. 4 : 28, 29.**

**Valiny :** «Dia___________________osivavy______________noho ny fahotany izay nataony. Ary _________________________amin'ny lohan'ny fanatitra noho ny ota izy, dia hamono azy eo amin'ny fitoeran'ny fanatitra odorana.»

**Naoty :** Tandindona avokoa ireny fotoam-pivavahana ireny. Tsy misy lanjany ireny amin'ny maha fombam-pivavahana azy, fa ny ran'i Kristy voaseho tamin'ny ran'ny biby no hany manana hery ho fanavotana (Heb. 9: 9- 14).

**3. Manome porofo ny Baiboly fa ireny fahotana voavela ireny dia voarakitra tao amin'ny fitoerana masina ka nandoto azy. Inona izany porofo izany ? Jer. 17:1.**

**Valiny :** «Ny fahotan'ny Joda dia_______________________sy tamin'ny diamondra fanoratana; Voasoratra ao am-pony tahaka ny amin'ny vato fisaka sy eo amin'ny___ ________________izany.»

**Naoty :** Rehefa mamafy ra ny mpisorona dia voafindra ara-tandindona tamin'ny fitoerana masina ny fahotana. Voavela tamin'ny faharatsiana vitany ny mpanota. kanefa voamarika tao amin'ilay rejisitra nosoratana tamin'ny ra tao amin'ny fitoerana masina ny fahotana. Izany dia manampy amin'ny fahafantarana ny antony mahatonga ny Tenin'Andriamanitra hilaza ny amin'ny boky firaketana (fitadidiana) any an-danitra. (Apok. 3 : 5 ; 20 : 12, 15; Mal. 3 : 16, 17; Heb. 13: 12).

**4. Inona no natao tamin'ny Andro Fanavotana ? Lev. 16 : 33, 34.**

**Valiny :** «Dia hanao fanavotana______________________izy, sy ho an'ny____________sy ny_______________sy ny mpisorona ary ny olona rehetra amin'ny fiangonana ho_____________
anareo izany, hanaovana fanavotana ho an'ny Zanak'lsiraely indray mandeha isan-taona hahafahany amin'ny______________________»

**Naoty :** Mazava ny fanambarana ao amin'ny Lev. 16:1-28 momba ireo fanompoam-pivavahana izay atao amin'ny fitoerana masina amin'ny Andro Fanavotana. Tamin'ny alalan'izany tokoa mantsy no nanadiovana ny fitoerana masina ho afaka tamin'ny fahotan'ny olona izay nibebaka ka niaiky ny fahadisoany. ary koa ny an'ny mpisorona izay nihinana ny henan'ny fanatitra. fanadiovana ny alitara izay nanidinana sy namafazana ny ra. Nodiovina tamin'ny ran'ny osilahy ho an'i Jehovah, izay tandindon'ny ran'i Jesosy ny Fitoerana Masina (Lev. 16:9, 15, 16, 18, 20, 21 ; Heb. 7 : 27:9:23 -26).

**5. Inona no miandry ireo tsy nety nitady fihavanana tamin'Andriamanitra ? Lev. 23 : 27 - 29.**

**Valiny :** «Ary amin'ny andro fahafolo amin'izany volana fahafito izany (dia ny andro fanavotana) hisy fivoriana masina hoa anareo, ary hampahory ny tenanareo ianareo ka hanatitra fanatitra atao amin'ny afo ho an'i Jehovah. Ary aza manao raharaha akory amin'izany andro izany : fa andro fanavotana izany. hanaovana fanavotana ho anareo eo anatrehan'i Jehovah Andriamanitrareo. Fa ny olana rehetra izay tsy mety miory amin'izany andro izany dia______________________tsy ho amin'ny fireneny.»

**Naoty :** Fotoam-pitsarana ihany koa io andro fanavotana io. Tandindon'ny fitsarana atao any an-danitra izany.

## FITSARANA TSY AZO 1ALANA

**6. Misy lafiny firy moa ny fitsaran'Andriamanitra ? MpiT. 3 : 17.**

**Valiny** : «Samy hotsarain'Andriamanitra na _________________ na_____________»

**Naoty** : Misy lafiny roa izany. dia ny fitsarana ny marina sy ny meloka.

**7. Nahoana indray ary ny marina no mbola hotsaraina ? Ezek. 18: 24.**

**Valiny :** «Fa raha ny marina no miala amin'ny fahamarinany ka manao meloka ary manaraka ny fahavetavetana rehetra izay nataon'ny ratsy fanahy. ho velona va izy ?

Ny fahamarinany rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana ; noho ny fahadisoana izay nandisoany sy ny fahotana izay nanotany dia ho faty izy.»

**Naoty :** Hita soritra amin'ny alalan'io andininy io ny antony tokony hitsarana ny marina, izany hoe ireo izay nifidy nanaraka an'Andriamanitra. Ny antony dia ny mba hamonoana ny fahotany izay nibebahany, na hamonoana ny anarany tsy ho anisan'ny voavonjy raha nandao ny fahamarinana izy.

**8. Inona no filamatra hitsarana ny olona rehetra ? Jak. 2 : 12.**

**Valiny :** «Aoka ianareo hiteny sy hanao araka izay mahamendrika anareo, izay olona hotsarain'ny________________________fahafahana.»

**Naoty :** Ny Didy Folo izay lalan'Andriamanitra no filamatra hitsarana ny olona rehetra tsy ankanavaka.

**9. Manao ahoana ny fizotran'ny Fitsarana ? Dan. 7 : 9,10.**

**Valiny :** «Mbola nijery ihany aho mandra-pametraka ny seza flandrianana. ary ny_
__________no nipetraka teo. ny fitafiany dia fotsy toy ny fanala, ary ny volon-dohany toy ny volon'ondry madio; ny seza fiandrianany dia lelafo, ary ny kodiany dia afo mirehitra. Ony afo no mivoaka sy nandeha avy teo anatrehany ;________________no nanompo Azy. ary________________________no nitsangana teo anatrehany ; nipetraka ny________________________ary novelarina_________________»

**Naoty :** Nisy lafîn-javatra maro hita amin'ny alalan'ny fandinihina ireo andininy roa ireo. Andriamanitra Ray, Hay Fahagola no azo lazaina ho Filohan'ny Fitsarana, Jesosy Kristy no Mpitsara ary ireo arivoarivo sy alinalina manatrika dia tsy iza fa ireo anjely vavolombelona. Ny boky novelarina eto dia ireo boky karazany telo :

a) Ny bokin'ny fiainana. izay misy ny anaran'ny olona rehetra nanaraka an'Andriamanitra. (Apok. 3:5).

b) Ny bokin'ny fahatsiarovana izay misy ny asa tsara rehetra nataon'ny olona (Mal. 3 : 16).

d) Ny bokin'ny fahafatesana, izay misy ny ratsy rehetra nataon'ny olona (Jer. 2 : 22).

**10. Ny inona avy eo ami'nv fiainan'ny olona no hitsarana azy ?MpiT. 12 : 14.**

**Valiny** : Fa ny atao _________________dia ho entin'Andriamanitra ho amin'ny fitsarana ny ___________________na soa na ratsy.»

**11. Inona no ataon'ny Tompo ho antsika amin'ny Fitsarana ? Heb. 7 :25.**

Valiny : «Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao________________________ho azy.»

**12. Inona no fanantenana atolotra antsika raha manota isika ? 1 Jao.2 : 1.2.**

**Valiny :** «Anaka, izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota dia manana____________________ao amin'ny Ray isika. dia Jesosy Kristy, Ilay Marina; ary Izy no ____________________noho ny fahotantsika. ary tsy ho antsika ihany fa noho ny an'izao tontolo izao koa.»

**Naoty :** Eny, miaina amin'ny fotoanan'ny fitsarana izay tsy azo ialana isika. Raha izao tenantsika mpanota izao no hiseho irery eo anatrehan'ny fitsarana dia tsy maintsy ho voaheloka isika. Soa ihany anefa fa azontsika atao ny manana mpisolovava, izay tsy iza fa Ilay Mpitsara ihany, Jesosy Kristy. Raha mandray Azy ho Mpamonjy ny tenantsika isika ka miaiky ny fahotantsika dia tsy tahotra ho antsika ny fitsaran'ny lanitra satria i Kristy ilay efa maty ho antsika no hisolo vava antsika.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Raisiko ho Mpisolovava ho ahy lanao Jesosy ô ka miankina tanteraka aminao Aho. Amena.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Efa mivelona amin'ny andro fisarana isika izao.


☐ 2. Samy hotsaraina avokoa na ny marina na ny meloka.

☐ 3. Ny Didy Folo no filamatra hitsarana ny olombelona rehetra.


☐ 4. Tsy hotsaraina ny zavatra vita tany amin'ny takona.

☐ 5. Raha mandray an'i Jesosy ho Mpisolovava isika dia ho afaka amin'ny fitsaran'ny lanitra.

# BATISA ARA-BAIBOLY







**LESONA FAHA 21**

## BATISA ARA-BAIBOLY

**FITARIHAN-TENY**

Tany Afrika afovoany tany no niseho ny tantara. Nianatra Soratra Masina tamim-pahalianana ity vehivavy anankiray atao hoe Nyangwira. Nangetaheta ny ho tonga tena Kristiana izy. Indray hariva no nizarany lamin'ny vadiny izay zavatra efa nianarany. Nisafoaky ny hatezerana ny vadiny ka nanao hoe : «Tsy mila izany fivavahana izany ato amin'ity tokantrano ity aho. raha mbola manohy mianatra izany ianao dia halatsako aina». Na dia teo aza an efa izany fandrahonanana ho faty izany dia notohizany ihany ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra ary vonona ny hatao batisa izy. Talohan'ny hivoahany ny trano hamonjeny ny fivoriana hanaovana batisa azy, dia nandohalika tamim-panajana (izany no fomba) teo anoloan'ny vadiny izy sady nilaza taminy fa hatao batisa. Noraisin-dRangahy ny antsibe fîtondrany mihaza sady niteny tamim-pahatezerana izy nanao hoe : «Efa nilaza taminao aho fa tsy tiako izany hanaovana batisa anao izany. Amin'ny andro hanaovana batisa anao. dia hovonoiko ianao !» Na dia teo aza anefa izany dia tsy nihemotra tamin'ny fanapahan-keviny Nyangwira. Lasa izy. Mbola nanako tao an-tsofiny ny fifofoana ho faty nataon'ny vadiny taminy. Talohan'ny hidinany ao anaty rano, dia niaiky ny fahotany rehetra izy sady nametraka tanteraka ny fiainany teo am-pelatanan'Andriamanitra. Tsy fantany na io no andro farany hahavelomany. Fiadanana feno no nameno ny fony raha vao vita batisa izy.

Rehefa tafaverina tany an-trano izy, dia nalainy ilay antsibe ary natolony ny vadiny.

- Vita batisa ve ianao ?
- Eny, inty ilay antsy.
- Vonona ny ho faty ve ianao ?
- Eny vonona aho.

Gaga noho ny fahasahian'ny vadiny Ralehilahy ary tsy vonona ny hamono azy intsony. Fa mipetraka ny fanontaniana manao hoe: «Fa ahoana marina ny amin'ity batisa ity no misy olona sahy mamoy ny ainy noho ny aminy ?»

### NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY BATISA

**1. Inona no baiko nomen'i Jesosy ny mpianatra ? Mat 28 : 19.**

**Valiny :** «Koa mandehana ianareo. dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao ________________azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.»

**Naoty :** Baiko nomen'i Kristy ny batisa, noho izany dia manan-danja toy ireo baiko hafa rehetra.

**2. Inona mihitsy no nataon'i Jesosy mba hanehoana fa zava-dehibe aminy ny fanaovam-batisa ? Mat 3 : 13.**

**Valiny :** «Ary tamin'izay Jesosy dia avy tany Galilia ka tonga teo amoron'ny Jordana, dia nanatona an'i Jaona Izy mba________________________________»

**Naoty :** Tsy nanome baiko ihany Izy fa nanome ohatra mihitsy. Nandà ihany i Jaona teo am-piandohana kanefa nanizinginzina i Jesosy ka nanao hoe : «Ekeo ihany ankehitriny fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra.» Rehefa izany no nolazainy dia hoy ny fitantarana : «Ka dia nekeny Izy» (and. 14). Na dia tsy nanota aza i Kristy dia natao batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Sao mantsy aty aoriana hisy hanamaivana ny batisa. ka dia izy mihitsy no nanome modely harahina.

**3. Iza ihany no hovonjena ? Mar. 16 : 16.**

**Valiny :** «Izay mino sy_______________no hovonjena»

**FOMBA FANAOVANA BATISA ARA-BAIBOLY**

**4. Misy karazany firy moa ny batisa ? Efes. 4 : 5.**

**Valiny :** «Iray ny Tompo, iray ny finoana,___________________ny batisa»

**Naoty :** Mampianatra ny Baiboly fa iray ihany ny karazan'ny batisa fa tsy maro tsy akory.

**5. Inona izany karazany iray izany ? Asa 8 : 38,39.**

**Valiny :** «Dia nasainy najanona ny kalesy, ary izy roalahy. dia Filipo sy ilay tandapa _______________ho eo amin'ny rano; dia nataony batisa izy. Ary rehefa__________ _______________avy teo amin'ny________________izy roalahy»

**Naoty :** Hita eto izany fa tsy rano atete na afafy no fanao ao amin'ny Baiboly fa fanasitrihana ao anaty rano. Mariho tsara fa niara-nidina tao anaty rano ilay atao batisa (ilay tandapa) sy ilay nanao batisa (Filipo). Rehefa samy tao anaty rano izy roalahy dia notanterahin'i Filipo ny batisa. Ary rehefa vita izany dia voalaza eto fa niara-niakatra indray izy roalahy. Ny teny malagasy hoe manao batisa dia avy amin'ny matoanteny grika BATIZEN ary manatsoboka na mandetika ao anaty rano no heviny. Araka ny hitantsika tery aloha ihany koa dia tao amin'ny ony Jordana no natao batisa Jesosy (Matio 3:13-16). Voalaza ao fa «Raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy.» Hita amin'izany àry fa ny batisa asitrika na atsoboka no batisa ara-Baiboly, ary io no fomba tokana fanaovana batisa. Marihina fa nankasitrahan'Andriamanitra izany fomba fanaovam-batisa izany (Matio 3 : 17).

**HEVI-DALINA FONOSIN'NY BATISA**

**6. Inona no asehon'ny batisa marina ? Rom. 6 : 3, 4.**

**Valiny :** «Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho an'i Kristy dia natao batisa ho amin'ny____________________? Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy

tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no andehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao.»

**Naoty :** Koa saina mampiseho fahoriana lalina ny fanaforan'ny rano (Sal. 42 : 7 ; 69 : 2 ; 124 : 4, 5), ny fanaovana batisa an'i Kristy izany dia maneho ny fijaliany, ny fahafatesany ary ny nandevenana Azy, (Mar. 10 : 38 ; Lio 12 : 50) ary ny nitsanganany koa, rehefa avy eo. Eo anatrehan'izany fahamarinana lehibe izany dia misy hevi-dalina telo sosona voarakitra ao amin'ny batisa :

a. Finoana fa maty Jesosy noho ny fahotan'ny tena sy nalevina ary natsangana tamin'ny maty.

b. Fanekena fa ho faty amin'ny toetra taloha kosa sy handevina izany tsy ho hita intsony ary ho velona amin'ny fiainan'i Kristy.

d. Fanantenana fa na dia maty aza sy halevina. dia mbola hitsangana amin'ny farany.

**7. Tandindon'ny inona moa izany ny batisa ? Kol 2:11, 12.**

**Valiny :** «Ary tao aminy koa no namorana anareo tamin'ny ___________________tsy nataon-tanana, tamin'ny fanesorana ny tenan'ny nofo, dia tamin'ny famoran'i Kristy; fa niara-nalevina taminy ianareo tamin'ny batisa, izay niarahanareo natsangana taminy koa noho ny finoana ny asan'Andriamanitra, izay nananganana Azy tamin'ny maty.»

**Naoty :** Tandindon'ny fanekena misy amintsika sy Andriamanitra ny batisa. Solon'ny famorana, izay marika fa an'Andriamanitra. izany ny batisa. Famorana ara-panahy no takin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny batisa no anekena antsika fa an'i Kristy ary rana an'i Kristy dia taranak'i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana (Gal. 3 .21 - 29).

**8. Inona no zava-mitranga tamin'ny nanaovana batisa an'i Jesosy ? Mat 3 : 16.**

**Valiny :** «...ary indro___________________________, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny.»

**Naoty :** Nirotsaka tamin'ny fomba manokana tamin'i Jesosy ny Fanahy Masina tamin'ny fotoana nanaovana batisa Azy. Midika ho fanosorana Azy hanao ny asany izany (Asa 10 : 38). Ny fanandramana nandalovany dia maneho fa tsy misaraka ny batisan'ny rano sy ny batisan'ny Fanahy Masina. Diovin'ny Fanahy Masina aloha ny fo (Matio 3:11, Isaia 4 : 4, 1 :25, Hebreo 12 : 29). Levon'ny Fanahy ny fahotana. Rehefa avy eo dia asainy mitory ny filazantsara. (Asa 1 : 5, 8).

**9. Fanehoana inona moa ny batisa ? Mat. 10 : 32.**

Valiny : «Ary amin'izany, na zovy na zovy no________________Ahy eo anatrehan'ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra.»

**Naoty** : Fanehoana am-pahibemaso ny finoana anaty ny batisa

**10. Tonga inona isika amin'ny fotoana anaovana batisa antsika ? Matio 28 : 19**

**Valiny :** «Manao batisa azy amin'ny anaran'ny________________sy ny___________ _____ary ny_______________________»

**Naoty** : Tonga anisan'ny ankohonan'ny lanitra isika amin'ny fotoana anaovana batisa antsika. Izany no hevitry ny teny hoe : amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Hatreo dia «mitafy an'i Kristy» isika, tonga zanak'Andriamanitra mpandova ny tany sy ny (anitra (Gal. 3 : 26, 27 ; 4 : 7 ; Efes. 2 : 19). Ny batisa àry no varavarana idirantsika ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra hita maso. dia ny fiangonana.

## FEPETRA MIALOHA NY BATISA

**11. Inona no fepetra voalohany takina mialoha ny batisa ? Mat 28 : 19.**

**Valiny :** «Koa mandehana ianareo dia ataovy ______ny firenena rehetra...»

**Naoty :** Tsy maintsy ampianarina aloha ny olona anankiray vao azo heverina ny hanaovana batisa azy.

**12. Tsy maintsy maninona ihany koa izy ? Marka 16:16.**

**Valiny :** Izay___________________sy hatao batisa no hovonjena.»

**Naoty :** Ny finoana ara-Baiboly dia arahin'asa (Jak. 2 : 19, 20). Ny mino izay manantanteraka izay nianarany ihany no azo atao batisa. (Asa 8:12, 36, 37). Tsy maintsy mamoa voa mendrika ny fibebahana. (Matio 3 : 8).

**13. Inona ihany koa no tokony hataon'ny olona maniry hatao batisa ? Asa 2 :38.**

**Valiny :** «Ary hoy i Petera taminy :_________________________aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo.»

**Naoty :** Ilaina ny mibebaka sy miaiky ny fahotana (Mat. 3 : 6, Asa 3 : 19). mba hahatonga ny fahotana rehetra tamin'ny lasa ho voavono avokoa. Izan y no antsoin'ny Soratra Masina hoe : «Nohamarinina tamin'ny finoana.» (Rom. 5:1).

**14. Azo atao batisa ve izany ny zazakely ? Asa 8:12.**

**Valiny :** «Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na_____ __________na_____________»

**Naoty :** Ny teny hoe_____________sy________eto dia entina ilazana ny olona efa mahatsiaro saina, mahafantatra ny tokony hatao sy ny tsy azo hatao. Ao amin'ny Baiboly amin'ny teny Frantsay moa dia iazainy mihitsy hoe «hommes et femmes». Mipetraka ary ny fanontaniana manao hoe : firy taona ny olona iray vao azo hatao batisa ? Tsy mamaritra taona ny Baiboly, fa raha mandinika ireo fepetra takina

mialoha ny batisa ireo isika dia mahalala fa ny olona azo atao batisa dia tokony ho efa :

- Afaka mahazo ny hevitry ny batisa.
- Manolo-tena ho an'i Kristy ary miova fo.
- Nampianarina ireo fahamarinana fototra ao amin'ny Soratra Masina mba hahazoany manatanteraka izany.
- Mahafantatra ny hevitry ny maha-mambran'ny Fiangonana.

Mazava araka izany fa ny zazakely dia tsy azo atao batisa. Ilay teolojiana protestanta. Karl Barth, dia manaiky fa : «Tsy misy ao amin'ny Testamenta Vaovao toerana ahitana fa azo atao na tokony hatao batisa ny zazakely.» (Church Dogmatics, vol. 4/4, p. 179). Izao koa no ambaran'i G.R. B. MURRAY. Teolojiana fanta-daza, ao amin'ny bokiny Baptism in the New Testament, p. 392 : «Tsy afaka manambara mihitsy aho fa ny batisa ao amin'ny fiangonana tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao dia  batisan-jazakely.» «Tsy afaka mandalo amin'ny fiovam-po ny zazakely. ka tsy azo atao batisa.». Tsara anefa ny manambara fa tsy hoe tsy azo atao batisa ihany ny zazakely fa tsy Maina akory ny hanaovana batisa azy. Ahoana hoy i Kristy raha nandrara ny zaza tsy hankeo aminy ny mpianatra ? «Avelao ny zaza ary aza rarana tsy hanatona Ahy fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra.» Any amin'ny andininy hafa dia mbola nohamatisina fa na «zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan'Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory.» Izany rehetra izany dia maneho fa noraisin'i Jesosy ho modely ho an'ny olona ny zaza; mariho ilay teny hoe «tahaka ny zaza». Koa raha izany no izy dia tsy ilaina akory ny hanaovana batisa ny zazakely satria an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra, ary tsy mbola tompon'andraikitra amin'ny ataony izy ka tsy misy tokony hibebahany sy hanasana azy amin'ny alalan'ny batisa. Fanolorana sy tso-drano tahaka ny nataon'i Jesosy no hatao ho an'ny ankizy fa tsy batisa (Matio 19 : 15 : Marka 10 : 16).

Tsy mety ny manao batisa zazakely kanefa tsy meîy ihany koa, fa mampidi-doza ny tsy mety hatao batisa na tsy avela hatao batisa na dia efa mahatsiaro saina ka tokony hanao fanekena amin'Andriamamtra sy hiaiky ny fahadisoana. handraisana ny fanadiovana tanteraka. Tokotokony ho firy taona izany ny olona dia azo atao batisa sy tokony hatao batisa ? Sarotra ny manondro mazava taona eto satria ny fahamatoran'ny olona tsirairay avy sy ny fahatakaran-javatra dia tsy mitovy. Araka ny fandinihan'ny manam-pahaizana sy ny fanandramana hita amin'ny fiainana andavanandro dia manodidina eo amin'ny 8-12 taona eo dia misy efa vonona sy tokony hatao batisa ny ankizy. Ny 12 taona no ho miakatra moa dia tokony ho efa hizotra ho amin'izany lalana izany mihitsy.

## FAHASOAVANA AZO AMIN'NY BATISA

**15. Inona no fahasoavana voalohany voaray raha atao amin-kitsipo ny batisa ? Lio. 3 : 3.**

**Valiny :** «Ary nankany amin'ny tany rehetra any amoron'ny Jordana izy nitory ny batisan'ny fibebahana ho________________________»

**Naoty :** Famelan-keloka, fanadiovana amin'ny fahotana rehetra tamin'ny lasa ( I Jao. 1 : 9).

**16. Inona no raisina amin'nv fomba manokana eo amin'nv batisa ? Asa 2 :38b**

Valiny : «Ary ianareo dia handray ny fanomezana dia ny_________________»

**17. Iza no tafian'ireo hatao batisa ? Gal 3 : 27.**

**Valiny :** «Fa na iza na iza ianareo no natao batisa ho an'i Kristy dia mitafy an'i____ __________»

**18. Iza no ho voavonjy ? Mar. 16 : 16.**

**Valiny :** «Izay mino sy____________________no hovonjena.»

**19. Inona àry no tenin'ny Tompo ? Asa 22 : 16.**

**Valiny :** «Ary ankehitriny inona no mampijanona anao ? Mitsangàna. miantsoa ny anarany, ary aoka ____________________ianao ka hosasana ho afaka amin'ny fahotanao.»

## NAOTY FANAMPINY HO AN'NY MPAM PIAN ATRA

Nisy fianakaviana iry niaina tamim-pahasambarana tao amin'ity tanan-dehibe anankiray. Roa ny zanak'izy mivady : zazalahy 8 taona ary ankizivavy kely 2 taona. Samy miasa avokoa izy mivady ka izy mianadahy kely no mijanona ao an-trano. Loza anela indray andro fa nisy afo nirehitra avy tany ambony. Taitra ilay zazalahy kely. Niantso vonjy izy. Nantsoina ny mpamonjy hain-trano. Vory maro ny vahoaka, nisomebiseby, nifanaritaka. Raha mbola niezaka namono ny afo teo anefa ny olona indrindra fa ireto mpamonjy hain-trano dia taitra tampoka ilay zazalahy kely. Izay vao tsaroany fa hay mbola matory ao amin'ny efitra anankiray ao ny zandriny 2 taona. Niantsoantso izy ka nanao hoe : Mba vonjeo re ny zandriko fa mbola ao ! Tsy misy hevitra intsony, hoy ny olona fa efa eo amin'ny varavarana fidirana ny afo. ho faty izay miditra ao. Nitalaho ihany izy kanefa tsy nisy sahy. Farany, niova ny tarehiny, nihenjana ny hozany rehetra, ka niteny izy hoe : «Tsy maninona. rehefa tsy haka azy ianareo, izaho kosa hamonjy azy.» Tsia hoy ny olona, tsy mety izany. Notazomina izy kan efa tsy tana. Lasa izy nitsofoka namaky ny afo. Nivantana tao amin'ilay efitra natorian'ilay zandry malalany. Mbola natory izy. Noraisiny ny bodofotsy matevina, nofonosiny haingana tamin'ilay bodofotsy matevina ny zandriny. Lasa notrotroiny amin'izay. Nentiny nivoaka namakivaky ny lelafo. Tafavoaka ! Napetrany haingana. Voavonjy, tsy nisy naninona ilay zandrikeliny. Izy kosa may, torana nitsinkasina

tamin'ny tany. Niraikitra tamin'ny hodiny ny akanjony. Novonjena haingana nentina tany amin'ny hopitaly.

Taty aoriana nisy toe-javatra mahagaga ny vahiny mpandalo amin'ity tanàna ity. Indro zazavavy tsara tarehy, miaraka mandrakariva amin'ity tovolahy izay simban'ny afo tanteraka ny tarehiny sy ny tanany ary ny vatany koa aza. Miaraka foana izy ireo. Nony farany nisy vahiny mpizaha tany tsy naharitra ka sahy nanontany ilay zazavavy :

- Hono ho ahy, ry tovovavy, ianao tsara tarehy sy bikàna, inona moa no iarahanao amin'iny zazalahy simban'ny afo iny ? Nanganohano ny ranomasony sady namaly tamim-pahalemem-panahy izy hoe :

- Raha mba fantatrao mantsy dia tsy ho nametraka izany fanontaniana izany ianao. Fony izaho vao 2 taona, dia saika kila firehitry ny afo. Namonjy ahy izy ary noho ny ami ko no itondrany izao holatra tsy hay kosehina izao. Noho izany dia tiako mandrakizay izy satria efa tia ahy taloha.

Ry havana, noho ny fahotana dia holevonina amin'ny afo izao tontolo izao. Raha ny marina dia tokony ho may miaraka aminy ao isika, kanefa tonga teto Ilay Zokintsika, dia Jesosy Kristy, mba hamonjy antsika. Nohomboana tamin'ny hazo fijaliana izy. Nofantsihana ary mbola mitondra holatra hatramin'izao. lo Jesosy io no nanome modely antsika tamin'ny nanaovana batisa Azy, ary mbola Izy no miantso anao mba hatao batisa, ho sahinao ve ny handa ny Tompo?

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Tia ahy Jesosy ary nanome ohatra ahy tamin'ny nanaovana batisa Azy. Noho izany, ho fandraisana ireo tombotsoa ara-panahy aterak'izany sy ho tanarahana ny dian'ny Tompoko dia manapa-kevitra ny hatao batisa aho.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Iray ihany no batisa ara-Baiboly.
☐ 2. Natao batisa i Jesosy.
☐ 3. Azo atao batisa ny zazakely.
☐ 4. Izay mino sy hatao batisa no hovonjena.
☐ 5. Batisa asitrika no batisa ara-Baiboly.

# MPITANTANANA
# NY FANANAN'ANDRIAMANITRA



**LESONA FAHA 22**

## MPITANTANA NY FANANAN'ANDRIAMANITRA

**FITARIH AN-TENY**

Mba efa noeritreretinao ve ny mety ho tombambidin'ity izao tontolo izao misy antsika ity sy izay rehetra ao aminy ? Raha kajiana izany dia azo antoka fa hampitolagaga tokoa ny halafony. Ny zavatra rehetra dia samy misy mpitantana avokoa. Mipetraka ny fanontaniana amin'izao anio izao : Iza no notendrena ho mpitantana izany harem-bevava izany ary inona no adidiny amin'ny maha-mpitantana azy ?

### MPITANTANA FANANANA NY OLOMBELONA

**1. Iza moa no iankinantsika ? Asa 17 : 28.**

**Valiny** : «Fa__________________no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika.»

**2. Iza no Toni pon'i/a o rehetra izao ? Sai. 24 : 1.**

**Valiny :** An'___________________ny tany sy izay rehetra ao aminy. Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy.»

**Naoty :** Tena an'Andriamanitra tokoa izao rehetra izao, ny harena rehetra tsy ankanavaka. (Hag. 2 : 8 ; Sai. 50 : 10 - 12).

**3. Iza no manome ny olona hahavory harena ? Deo. 8:17, 18.**

**Valiny :** «Ary andrao ianao hanao anakampo hoe : Ny tanjako sy ny herin'ny tanako no nahavoriako izao harena izao ; fa tsarovy fa_________________________fa Izy no nanome anao hery hahavory harena.»

**Naoty :** Izay rehetra ananantsika dia natolotr'Andriamanitra avokoa : «Ary inona no anananao izay tsy noraisinao ?» 1 Kor. 4 : 7.

**4. Koa satria Andriamanitra no Tompon'ny zavatra rehetra, inona izany no toerana misy ny olombelona ? 1 Kor. 4:1.**

**Valiny :** «Aoka hataon'ny olona ho mpanompon'i Kristy sy____________________ny zavamiafina izay an'Andriamanitra izahay.»

**Naoty :** Ny hoe mpitandrina eto dia adika eny amin'ny naoty ambany ao amin'ny Baiboly, «mpitandrina fananana». Azo atao ihany koa ny mandray io teny io ho mpitantana fananana. Eny mpitantana ny fananan'Andriamanitra tokoa isika fa tsy tompony tsy akory.

### NY AMPAHAFOLONY

**5. Ny ampahafirin'izay azontsika no lazain'Andriamanitra fa Azy? Lev. 27 : 30.**

**Valiny :** «Ary ny______________________vokatra rehetra ao amin'ny tany, na avy amin'ny tanimbary, na avy amin'ny saha dia an'i Jehovah ; masina ho an'i Jehovah izany.»

**Naoty :** Araka ny efa hitantsika tery aloha dia an'i Jehovah avokoa izao rehetra izao. kanefa ny ampahafolony ihany no takiny ny hamerenana azy any aminy.

**6. Moa ve misy zavatra tsy tokony hamerenantsika ny ampahafolony? (ien. 28:22.**

**Valiny :** «Izay__________________homenao ahy, dia homeko Anao tokoa ny ampahafolony.»

**7. Inona moa no ampiasana ny ampahafolony ? 1 Kor. 9 : 13, 14.**

**Valiny :** «Tsy fantatrareo va fa izay manompo amin'ny zavatra masina dia mihinana ny zavatry ny tempoly, ary izay manompo eo amin'ny alitara. Dia miombona amin'ny alitara ? Toy izany koa no nandidian'ny Tompo, fa izay___________________dia hahazo___________________amin'ny filazantsara.»

**Naoty :** Entina hampandrosoana ny filazantsara ny ampahafolony amin'ny alalan'ny fanohanana ireo mpanompon'Andriamanitra izay manokana ny fotoanany rehetra hitoriana ny vaovao mahafalin'ny famonjena. Nomena ireo Levita ny ampahafolony tamin'ny Testamenta Taloha satria izy ireo no nanokana ny fiainany rehetra ho amin'ny fanompoana ao amin'ny Tempoly. Nom. 18 : 21.

**NY FANATITRA**

**8. Afa-tsy ny ampahafolony, dia inona koa no tokony homentsika ho an'Andriamanitra ? Mal. 3:8.**

**Valiny :** «Handroba an'Andriamanitra va ny olona no mandroba Ahy ianareo ? Nefa hoy ianareo : Amin'inona moa no androbanay Anao ? Amin'ny fahafolon-karena sy ny _________________________»

**Naoty :** Antsoina isika mba hanolotra ihany koa fanatitra antsitrapo : «Mitondra fanatitra, ka mankanesa eo ankianjany.» Sal. 96 : 8.

**9. Araka ny inona no anaterantsika ho an'i Jehovah ? Deo. 16 : 17.**

**Valiny :** "Fa aoka samy hanatitra izay zakany avy, araka ny ______________Jehovah Andriamanitrao. izay omeny anao.»

**Naoty :** Hamatlsina ao amin'ny Testamenta Vaovao ity fanambarana hita any amin'ny Testamenta Taloha ity : «Fa raha misy ny fahazotoana, dia araka izay ananany no ankasitrahana fa tsy araka izay tsy ananany».

**10. Ahoana indray ny amin'ny fanampiana ny mahantra ? Ohab. 19:17**

**Valiny :** «Izay__________________ny malahelo dia____________an'i Jehovah, ary izay nomeny dia honerany kosa.»

**11. Toe-tsaina manao ahoana no tokony hamerenana ny ampahafolony sy hanaovana fanatitra sy fiantrana ? 2 Kor. 9 : 7.**

**Valiny :** «Aoka ny olona rehetra samy hanao izay inian'ny fony avy, tsy amin'ny alahelo, na amin'ny faneriterena ; fa ny mpanome amin'ny________________no tian'Andriamanitra.»

## OZONA SA FITAHIANA

**12. Inona no miseho raha mitana izay an'Andriamanitra isika ? Mal. 3 : 8,9.**

**Valiny :** «Handroba an'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy ianareo ? Nefa hoy ianareo : Amin'inona moa no androbanay Anao? Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra amin'ny ______________________ozona ianareo »

**13. Inona kosa no nampanantenain'ny Tompo ho an'ireo izay mahatoky amin'ny famerenana izay tokony ho an'Andriamanitra, dia ny ampahafolony sy ny fanatitra izany? Mal. 3 : 10.**

**Valiny :** «Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako. mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy_____________ho anareo ka______________manana amby ampy ho anareo.»

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Koa satria an'Andriamanitra aho. dia atolotro azy manontolo ny tenako, averiko any aminy koa ny ampahafolon'izay ananako ary hanolotra fanatitra ho Azy aho.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra ao aminy.

☐ 2. Jehovah no manome hery hahavory harena.

☐ 3. Entina hampandrosoana ny fitoriana ny Filazantsara ny ampahafolony amin'ny alalan'ny fanohanana ireo olona manokana ny fotoana rehetra ho amin'ny asan'ny fitoriana.

☐ 4. Tsy dia maninona na dia tsy manolotra fanatitra aza.

☐ 5. Nampanantena fitahiana Andriamanitra ho an'izay mamerina amim-pahatokiana ny ampahafolony.

# FIAINANA MANOME VONINAHITRA AN'ANDRIAMANITRA



**LESONA FAHA 23**

## FIAINANA MANOME VONINAHITRA AN'ANDRIAMANITRA

**FITARIHAN-TENY**

Misy olona mihevitra fa ampahany kely amin'ny fiainany ihany no idiran'ny Tenin'Andriamanitra. Izany no mahatonga ny Kristianina sasany ho sadaikatra ny amin'izay tokony hatao sy tsy hatao eo amin'ny lafiny maro eo amin'ny fiainany andavan'andro. Mahafinaritra anefa ny mahalala fa ny Baiboly dia misahana ny lafiny rehetra maha-olona ary miditra an-tsipiriany eo amin'ny maha-isika antsika. Avy aminy no ahalalana ny fitsipi-piainana manome voninahitra Azy.

**FITANDREMANA NY VATANA**

**1. An'iza moa ny tenantsika ? 1 Kor. 6:19, 20.**

**Valiny :** «Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra ? Ka tsy tompon'ny________ __________ianareo. Fa olom-boafidy ianareo, koa dia mankalaza an'Andriamanitra amin'ny tenanareo ?»

**Naoty :** Mazava araka izany, fa tsy tompon'ny tenantsika isika. An'Andriamanitra isika noho ny maha-Mpahary sy Mpanavotra Azy.

**2. Inona no irin'Andriamanitra ho antsika ? 3 Jao 2.**

**Valiny :** «Ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho amin'ny______________ _____anie ianao, tahaka ny anambinana ny fanahinao ihany.»

**Naoty :** Tian'Andriamanitra raha mañana fahasalamana isika. Tsy sitrapony mihitsy ny hampaharary antsika.

**3. Amin'inona no tokony hanomezantsika voninahitra an' Andriamanitra ? I Kor. 10 : 31.**

**Valiny :** «Koa amin'izany, na ____________________na __________________na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany».

**4. Avelan'Andriamanitra hanina avokoa ve ny hena rehetra ? Lev. 11 : 1,2.**

**Valiny :** «Ary Jehovah niteny tamin'i Mosesy sy Arona ka nanao taminy hoe: Mitenena amin'ny Zanak'lsiraely hoe : Izao no __________________________amin'ny biby rehetra ambonin'ny tany».

**Naoty :** Jehovah mihitsy no niteny eto fa tsy ny biby rehetra no azo hanina fa misy ny biby izay antsoina hoe madio sy maloto, torak'izany ihany koa moa ny hazandrano. Ny tohin'ny Lev. 11 no manavaka mazava ny tihinana sy ny tsy fihinana. Ao anatin'izany ihany koa ny vorona sasantsasany. Tahatahaka izao no titsipika ahalalana izany raha tintinina.

a) Ny amin'ny biby dia i/ay sady mivaky kitro no mandinika no azo hohanina. toy ny omby. ny ondry ; ny kisoa dia mivaky kitro ne fa tsy mandinika. ary ny rabitro

dia mandinika ne fa tsy mivaky kitro : noho izany dia tsy avelan'i Jehovah hohanina ny kisoa sy ny rabitro.

b) Ny hazandrano dia izay misy kirany sy vombony no azo hohanina

d) Ny vorona dia ireto ny sasantsany amin'izay tsy azo hohanina: ny papango, ny goaika, ny vorondrano. ny hitsikitsika. ny vano, ny manavy. sns.

e) Izay rehetra mandady amin'ny kibony. na mikisaka amin'ny tany. na maro tongotra, dia tsy fihinana avokoa. Izay manana fingotra hitsipihany toy ny valala anefa dia azo hohanina ihany. Tsara ny manizingizina fa Jehovah, izay nanao antsika mihitsy no nanome io fitsipika io ka ny fahendrena indrindra dia ny manaraka izany.

**5. Ahoana ny amin'ny zava-pisotro misy alikola ? Ohab. 20 : 1.**

**Valiny :** «___________ny divay, ary______________ny toaka, koa izay miraikiraiky azon'izany dia tsy hendry».

**Naoty :** Hoy ihany no voalaza ao amin'ny Ohab. 23 : 29-32 : «Aza mijery ny divay noho ny hamenany sy ny fanganohanony ao anaty gilasy ary ny fikoriany mahafinaritra ; fa amin'ny farany dia hanaikitra toy ny bibilava izy ary hanindrona toy ny menarana».

**6. Ho tonga any an-danitra ve ny mpimamo ? 1 Kor. 6 : 9, 10.**

**Valiny :** «Aza mety hotitahina ianareo : fa ny________________sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadin'olona sy ny sodomita sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanao ratsy ary ny mpanao an-keriny dia tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra».

**7. Inona no hataon'Andriamanitra izay manimba ny fahasalamany ? I Kor. 3 : 16.17.**

**Valiny :** «Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia mba__________ _____kosa izy, fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia ianareo izany».

**8. Manimba ve ny fisotroan-kafe sy dite?**

**Valiny :** Eny. Ny kafe sy ny dite (fa tsy ny ravim-boafotsy) dia misy fana-fody mahery atao hoe: «caféine» sy «théine». Koa raha fanafody no atao fisotro dia manimba izany.

**NAOTY FANAMPINY HO AN'NY M PAM PI ANATRA**

Ny dite dia zavatra manaitaitra ary mety hahatonga karazam-pahamamoana mihitsy aza. Mitovy ny asan'ny kafe sy ny an'ireo fisotro hafa mitovitovy aminy. Ny zavatra voalohany voatsapa dia fahatsiarovan-tena ho falifaly ; injao fa taitaitra ny hozatra amin'ny ambavafo, manako any amin'ny atidoha izany fahatairana izany. ary ny atidoha kosa mamindra amin'ny fo; dia mihafaingana ny fítepon'ny fo, ary ny taova rehetra dia voakorontana mihitsy mandritra ny fotoana kely. Hadino ny fahasasarana, ary koa miverina ny hery, velombelona indray ny saina, ary mihamavitribitrika ny eritreritra Rehefe hitan'ny olona izany vokany izany, dia

heveríny la tena mahasoa azy mihitsy ny dite sy ny kafe. neta diso hevitra izy. Tsy misy femelomana ho an'ny tenantsika ireny fisotro ireny, satría ny vokany dia miseho alohan'ny fahavitan'ny fandevonan-kanina. Izay heverina ho fehatanjahana azo avy aminy, dia tsy ¡nona fa fahatairan'ny hozatra ihany. Rehefa injay mijanona ny asan'ilay zavatra manaitaitra, dia lasa koa ny hery. ka ny vokatr'izany dia fahavizambizanana sy fahareradrerahana. Ny tampiasana tsy an-kijanona ireny zava-manaitaitra ireny dia mandreraka ny fototry ny aina, ary arahin'ny faharisarisana be ihany : aretin' andoha tsy fahitan-tory, aretim-po, tsy fahalevonan-kanina fangovingovitana.

**9. Manimba ny tenantsika ve ny paraky sy ny sigara ?**

**Valiny : ___________________________**Ny paraky dia poizina miasa miadana tsy mibaribary nefa tena anisan'ny manimba indrindra Na inona na inona fomba ihinanana azy (hohanina, fohina trohina) dia misy vokany manimba ireny ; ary vao mainka mampidi-doza izy, sarria miadana ny fiasany. ary mila tsy ho hita aza amin'ny voalohany. Manaitra ny hozatra izy, rehefa avy eo dia mahalemy azy. Mampahosa sy mampanjavona ny atidoha izy. Mandrakariva dia mamely mafy ny hozatra mihoatra noho ny fisotro mahamamo izy. Tsy misehoseho loatra izy, ary ny vokatra avy aminy dia sarotra ongotana amin'ny tena. Ny fampiasana azy dia mahatonga hetaheta mitady fisotro mahery ary imbetsaka dia izany no fototra niavian'ny fahazarana amin'ny toaka.

## FITSIPI-PIANANA

**10. Inona no tokony holavin'ny Kristiana miandry an'i Kristy ? Tit. 2 : 11-13.**

**Valiny :** «Mampianatra antsika handà izay toe-panahy tsy araka an'Andriamanitra sy ny___________________________ary ho velona amin'ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'izao fiainana ankehitriny izao».

**11. Ankasitrahan'ny Tompo ve ny hivavahantsika amin'ny kavina sy ny rojo ary ny firavaka samihafa ? 1 Tim. 2 : 9.**

**Valiny :** «Ary toy izany koa ny vehivavy, hiravaka amin'ny fitafiana mahamendrika. mbamin'ny fahamaotinana sy ny fahononan-tena, fa tsy amin'ny___________sy ny __________, na____________na__________________».

**12. Inona no firavahan'ny vehivavy ankasitrahan'Andriamanitra ? 1 Pet. 3 : 3, 4.**

**Valiny :** «Ary aoka ny firavahanareo tsy ho zavatra eny ivelany toy ny firandranam-bolo sy ny flravaham-bolamena na ny fíakanjoana : fa aoka ho____________ _____izay tsy mety ho lo. dia ny fanahy malemy sady miadana, izay soa indrindra eo imason'Andriamanitra».

**13. Inona no tokony hafoin'izay manolo-tena ho an'Andriamanitra? Gen. 35 : 2-4.**

**Valiny :** «Dia hoy i Jakoba tamin'izay tao an-tranony mbamin'izay rehetra nomba azy : Ario ireo andriamani-kafa izay ao aminareo, dia madiova, sady ovay ny fitafianareo ; ary handeha hiainga isika hiakatra any Betela ;____________________aho ho_____ ____________________Izay nihaino ahy____________________________________ _______________Dia natolony teo amin'i Jakoba ny andriamani-kafa rehetra izay notanany sy ny_______________________izay teny an-tsofiny ; ary dia nalevin'i Jakoba______________________________________________________ireo».

**Naoty :** Nahazo baiko mazava ihany koa Mosesy : «Lazao amin'ny Zanak'Isiraely hoe : Ianareo dia olona mafy hatoka, koa raha miara-miakatra aminao Aho, na dia indray mipy maso aza, dia handringana anao Aho ; koa ankehitriny esory ny firavakao hiala aminao, mba ho fantatro izay hataoko aminao» (Eks. 33 : 5,6).

**14. Inona no toetran'ny mpanao fanatanjahan-tena tokony hianarantsika ? 1 Kor. 9 : 25.**

**Valiny :** «Ary ny mpihazakazaka rehetra dia ______________________amin'ny zavatra rehetra».

**15. Mary antoka ve ny Kristiania raha tsy manahaka an'izao tontolo izao? 1 Jao. 2 : 16, 17.**

**Valiny :** «Fa ny zavatra renetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary ny reheka momba izao fiainana izao. dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany. Ary mandalo izao tontolo izao sy ny filany ; fà izay m anao ny sitrapon'Andriamanitra no______________________________________».

**NY FANAPAHAN-KEVITRO :**

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia raisiko ho filamantra ny hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ataoko.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

☐ 1. Misy hena tsy azo hohanina.
☐ 2. Manimba ny divay sy ny toaka.
☐ 3. Izay manimba ny tempolin'Andriamanitra dia hosimban'Andriamanitra.
☐ 4. Voararan'ny Baiboly ny fitondrana firavaka.
☐ 5. Maharitra mandrakizay izay manao ny sitrapon'Andriamanitra.

# NY FIANGONAN' ANDRIAMANITRA



## LESONA FAHA 24

## NY FIANGONAN'ANDRIAMANITRA

### FITARIHAN-TENY

Raha mijery manodidina antsika isika dia hahita flangonana maro samihafa. Mampiseho, amin'ny alalan'ny tandindona samihafa, ny vahoaka sisa mahatoky an'i Kristy, ny Tenin'Andriamanitra. Ohatra iray amin'izany ny hoe vehivavy andefimandry (Efes. 5 : 22, 23). Ny ao amin'ny Apok. 2 indray dia aseho amin'ny vehivavy anankiray madio fitondran-tena ny fiangonana. Raha mandinika ny Baiboly anefa isika dia hahafantatra fa iray ny Fiangonana amin'ny maha-fikambanana miorina azy fa tsy maro. Tahaka ny maha-iray ny Tompo dia tokana koa ny hany fampianarana marina (Efes. 4 : 5). Noho izany antony izany, dia mipetraka ny fanontaniana manao hoe: Aiza ary izany Fiangonana marina izany ary inona no hamantarana azy ? Miara-manaiky isika fa ny Baiboly ihany no mpitari-dalana tsy mamitaka amin'ny famaliana izany fanontaniana izany, ka izany indrindra no handraisantsika filamatra hoe : izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra ¡hany no arahintsika.

### NY FANORFNANA AZO ANTOKA

**1. Iza no mpanorina ny fiangonana ? Mat. 16 : 16-18**

**Valiny :** «lanao no_____________________________velona. Dia namaly ka nanao taminy hoe : Sambatra ianao, ry Simona Barjona, fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra, ary Izaho milaza aminao koa : ianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny Fiangonako».

**Naoty :** Jesosy no mpanorina ny fiangonana. Ambonin'ny vatolampy izay lenany no anorenany fa tsy ambonin'i Petera izay midika hoe «vato» na vatokely.

**2. Iza no fototra iorenan'ny Fiangonana ? 1 Kor. 3 : 10, 11.**

**Valiny :** «Araka ny fahasoavan'Andriamanitra nomena ahy, tahaka ny fanovan'ny mpita-marika mahay no nanaovako ny fanorenana. ary ny hafa mandrafitra eo amboniny. Fa tsy misy manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao. dia___________
_______________».

**Naoty :** Miharihary amin'ireo andininy ireo fa Jesosy mihitsy no mpanorina ny fiangonana ary eo ambonin'ny tenany, Izay Vatolampy tsy mihetsika mandrakizay no anorenany azy.

### RAKI-PANDAMINANA AVY ANY AN-DANITRA

**3. Nahoana no tsy maintsy alamina ny fiangonana ? I Kor. 14 : 33.**

**Valiny :** «Fa Andriamanitra tsy Tompon'ny fikorontanana. fa__________________
_____».

**4. Iza no mpitarika ny Fiangonana ? Efes. 5 : 23.**

**Valiny :** «Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i_____________koa no lohan'ny Fiangonana».

**Naoty :** Na dia ao aza ireo mpitondra fiangonana isan-tsokajiny dia Kristy no tena Filohan'ny Fiangonana sy Mpitarika ary Mpiahy azy. Fitaovana eo am-pelatanany sy mpiara-miasa aminy ihany ireny.

## NY ADIDIN'NY FIANGONANA

**5. Inona no andraikitry ny Fiangonana raha ny fahamarinana no resahina ? 1 Tim. 3 : I5b.**

**Valiny :** «...dia ny Fiangonan'Andriamanitra velona, sady_______________sy___ _______________________ny fahamarinana»

**Naoty :** Nomena andraikitra masina ny fiangonana. Tsy inona akory izany fa ny hitahiry ny fahamarinana ho madio sy mangarangarana ary ny hizara sy hanambara izany any amin'ny hafa. MaL 28 : 18-20.

**6. Inona no mbola fanamafisana izany ao amin'ny Mat 4 : 23 ?**

**Valiny :** «Ary Jesosy nandeha eran'ny Galilia ka____________________________ tao amin'ny Synagogan'ny olona teo sy________________________________ _____ny fanjakana ary____________________________ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra tamin'ny olona.»

**Naoty :** Anankiray amin'ny antony nanorenan'i Kristy ny Fiangonana ny fanohizana ny asa izay natombony tety ambonin'ny tany.

## NY FIANGONANA MARINA

**7. Iza no tokony harahin'ny Fiangonana marina ? Jao. 13 : 15.**

**Valiny :** «Fianarana no nomeko anareo. mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo».

**Naoty :** Toetra iray lehibe hahalalana ny fiangonana marina ny fanarahana ny ohatra nomen'i Kristy. Hoy rahateo ny voalaza ao amin'ny 1 Jao. 2 : 6 «Izay milaza fa mitoetra ao aminy Izy dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa».

**8. Inona no toetra roa tsy azo sarahina amantarana ny vahoakan' Andriamanitra ? Apok. 14:12.**

**Valiny :** «Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay_____________ny_______ _____sy ny_____________________________i Jesosy».

**Naoty :** Tsy isalasalana ny milaza fa ny ankamaroan'ny fiangonana kristiana dia mino fa Jesosy no Mpamonjy tokana. Miharihary ihany koa fa maro amin'ny fiangonana no mitandrina ny ankamaroan'ny didy. Voalaza mazava tsara eto anefa fa ny didin'Andriamanitra no resahina izany hoe ny Didy Folo, ny didy rehetra tsy ankanavaka. Koa satria Jesosy nilaza fa tsy nanova ary tsy nanome alalana na iza na iza hanova na dia tendron-tsoratra iray aza raha mbola maharitra koa ny lanitra sy ny tany (Mat. 5 : 17, 18) dia tsy mañana fahefana hanova ihany koa isika. Tsy afaka

milaza isika fa manana finoana an'i Jesosy kanefa mitsipaka ny anankiray amin'ny Didin'Andriamanitra. izay tsy an'iza fa Azy ihany. Hoy tokoa mantsy ny Tompontsika: «Raha tia Ahy ianareo dia hitandrina ny didiko» (Jao. 14 : 15). Henoy ihany koa ange ny fanontaniana izay napetrany e : «Ary nahoana ianareo no miantso Ahy hoe : Tompoko, Tompoko. nefa tsy manao izay lazaiko ?» (Lio. 6 : 46).

Mazava amin'izany fanambarana izany ary fa ny fiangonan'Andria-manitra dia sady mino an'i Jesosv no mitandrina ny Didin'Andriamanitra rehetra.

**9. Inona ihany koa no toetra mampiavaka ny fiangonan'Andriamanitni miampy ny finoana an'i Jesosy sy ny fitandremana ny didin' Andriamanitra rehetra ? Apok. 12 : 17 ; 19 : 10.**

**Valiny :**«Dia tezitra tamin'ilay vehivavy ny dragona dia lasa nandeha hiady tamin'ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy___________________an'i Jesosy».«Fa ny fílazana an'i Jesosy no___________________________».

**Naoty :** Ny fiangonana marina izany dia tokony hanana ny fanahin'ny faminaniana. Fa inona moa no atao hoe fanahin'ny faminaniana ?

Raha miresaka ny fanahin'ny faminaniana isika dia tsy maintsy miresaka fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana. Mampahalala ny sitrapony amin'ny alalan'ny mpaminany Andriamanitra (Amó. 3 : 7). Asehony amin'ny alalan'ny nofy na ny fahitana izany (Nóm. 12 : 6). Tsara ny manamarika fa mety ho mpaminany koa ny vehivavhy (Joe. 3:1) ary nanana mpaminany ny fiangonana voalohany (1 Kor. 12 : 28).

Misy toetra efatra ahafantarana ny tena mpaminany marina:

- Mampianatra mifanaraka amin'ny laléna izy (Isa. 8 : 20).
- Miezaka miaina araka ny fampianarany izy ka manome vokatra mendrika (Mat. 7:17).
- Tanteraka ny faminaniana ataony (Deo. 18 : 22).
- Mampiseho an'i Jesosy izy (1 Jao. 4 : 1,2).

Ny teny fampanantenana hanome ny fanahin'ny faminaniana dia tanteraka tao amin'ny Fiangonana Advantista mitandriana ny Andro Fahafito tamin'ny alalan'ny asa nataon'i Ellen White. Ary ireo famantarana ny mpaminany marina ireo dia samy hita teo amin'ny fiainany sy ny asany avokoa.

## NAOTY FANAMPINY HO AN'NY M PAM PI AN ATRA

(Arakaraka ny ilana azy, ny mpandaha-teny dia hampiasa na tsia ireto filazalazana ireto)

Filazana fohy ny tantaram-piainan'i Ellen G. White : Ellen Gould Harmon dia teraka tany Gorham (Maine) any Etazonia tamin'ny 26 Novambra 1827. Ny ray aman-dreniny, Robert Harmon sy Eunice Gould dia mambra tao amin'ny fiangonana Metodista ary tonga Advantista mitandrina ny Andro Fahafito taty aoriana. Vaio no zanak'izy mivady : Ellen sy Elisabeth kambana taminy no zandriny indrindra.

Tamin'ny volana Marsa 1840 no niova fo izy ka niditra tao amin'ny fiangonana metodista, ka natao batisa tamin'ny faha-13 taonany, tany Portland, Maine.
Niharan-doza mafy izy tamin'ny faha-9 taonany ka tsy afa-nianatra intsony taorian'izany. Nahaliana azy hatramin'ny maha-zaza azy ny lafiny ara-panahy. Naongana tsy ho mambra tao amin'ny fiangonana metodista izy tamin'ny taona 1843, satria niditra tao amin'ny finoana advantista. Nanambady an'i James White izy tamin'ny 30 Aogositra 1946. Efatra ny zanak'izy mivady.

Nahazo fahitana vitsivitsy izay misy heviny lehibe izy tamin'ny Desambra 1844. Sahala amin'ny fomba nandraisan'ireo mpaminany fahiny ny fahitana no nandraisany izany koa. Niasa roa taona tany Eorôpa izy (1855-1887). Nankany Australie ihany koa izy nanampy tamin'ny fananganana fiangonana tany (1842-1900). Maty ny vadiny tamin'ny taona 1881. Nanokana taona 71 izy hanaovana asa isan-karazany teo amin'ny sehatry ny fampandrosoana ny Fiangonana : fanoratana boky. fitorian-teny, fanoloran-tsaina. Maty tamin'ny 16 Jolay 1915 izy ka nalevina tany Battle Creek. Michigan tao amin'ny tanim-piasana tao Whitefield.

Nahavita asa makadiry teo amin'ny fanoratana boky izy. Amin'izao fotoana izao dia misy 154 ny boky mitondra ny anarany amin'ny teny Anglisy, anisan'izany Hay Fitiavana Mandresy, ny Dia ho eo amin'i Kristy, Hery Mifanandrina. Henoinareony Fanoharana, sns... Ny asa soratra vitany dia mahafeno 100 takila sora-tanana. Marobe ireo hopitaly. trano fanontam-printy sy fampielezam-boky, fiangonana sy foibe misionera manerana izao tontolo izao no vavolombelon'ny tsindrimandry avy amin'Andriamanitra izay nitarika azy. Fiainan'olona maro no voaova noho ny asa nataony. izay nifototra tamin'i Kristy. Eny miala
sasatra izy ankehitriny, kanefa ny asa soratra navelany dia tsy mitsaha miteny.

**NY TOKONY HATAONTS1KA**

**10. Inona ary notokony hataoko ? Asa 2:41.**

**Valiny :** «Ary izay____________________dia__________________; ary tokony ho telo arivo no olona __________________ho isany tamin'izany andro izany».

Naoty Tombotsoa lehibe ny fidirana mambra ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra, izay fiangonana marina. Mazava fa isika rehetra dia manaiky fa ao amin'ny fiangonana tsirairay dia misy olona tso-po. Ireny olona tso-po ireny rehefa mahita ny fahamarinana dia manapa-kevitra hanatevin-daharana ny vahoakan'Andriamanitra izay manana ireo toetra rehetra efa nodinihintsika.

**NY FANAPAHAN-KEVITRO** :

Koa satria mazava amiko amin'izao fotoana izao fa ny fiangonan'Andriamanitra dia mitandrina ny didin'Andriamanitra rehetra. mino an'i Jesosy ary mañana faminaniana. dia manapa-kevitra aho. noho ny fanampian'Andriamanitra fa ho an'isan'izany fiangonana marina izany.

**FANONTANIANA MARINA (M) SA DISO (D)**

- ☐ 1. Kristy no Lohan'ny Fiangonana fa tsy Izy no mpanorina azy
- ☐ 2. Andrin'ny fahamarinana ny fiangonana
- ☐ 3. Nantsoina mba hanohy ny asan'i Kristy ny fiangonana
- ☐ 4. Toetra iray mampiavaka ny fiangonana marina ny fitandremana ny didy rehetra.
- ☐ 5. Manana mpaminany ny fiangonana farany.